# FITOERANA MASINA VELONA

## Folo andro fiaraha-mivavaka

## 11-21 Janoary 2017

**Fivondronamben'ny Federasiona**
**Fiangonana Advantista Miandrina ny Andro Fahafito**
**Ranomasimbe Indianina**

Imprimerie Adventiste BP 1134 Antanànarivo 101
Tel. 033 37 107 17
Email : <impriad@yahoo.fr>
Voatolotra ara-dalàna lh. 0089-B/12.16
Ny natonta :

**Fanoroan-takila**


- Tari-dalana ho an'ny Mpitarika
- Fampidirana
- Ny Mambra Rehetra Mandray Anjara
- Alim-bavaka
- Andro 1 - Midira eo amin'ny Vavahadiny amin'ny Fisaorana
- Andro 2 – Ny Alitara Fandoroana Fanatitra
- Andro 3 – Ny Tavin-drano
- Andro 4 - Ilay Latabatry ny Mofo Aseho
- Andro 5 - Ilay Fanaovan-jiro
- Andro 6 - Ny Alitara Fandoroana Ditin-Kazo Manitra
- Andro 7 - Ilay Fiara: Ny Tehin'i Arôna
- Andro  8 - Ny Mana
- Andro 9 - Ny Lalàn'Andriamanitra
- Andro 10 - Ilay Akanjo Mampisaraka
- Andro 11 - Mpijoro ho Vavolombelona sy Mpanompo
- Teny Fikasana Takina Amim-Bavaka




## Tari-dalana ho an'ny mpitarika

**Fiarahabana**

Arahabaina tompoko tongasoa eto amin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017! Niasa tamin'ny alalan'ny fahagagana marobe Andriamanitra hatramin'ny niantombohan'ny tetikasa Ranonorana Faobe tamin'ny 2006. Ny Fanahy Masina dia niasa tamin'ny famohazana, fanovana, nanavao ny fitiavana mitory, ary nanasitrana ny fifandraisana. Ny tena marina dia, ny fivavahana no fahateraham-baovao ao amin'ny fifohazana!

Ity tari-dalana ity dia natao hanampy anao amin'ny maha-mpitarika anao. Ny tapany voalohany dia mifandray amin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017; ny tapany faharoa kosa dia teboka izay hanampy anao sy ny mpiara-miombom-bavaka aminao. Tadidio fa loharano sy hevitra fotsiny izy ireto. Aza misalasala manova izay hitanao fa tokony hovana araka ny fitarihan'ny Fanahy anao.

Mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka, ny 11-21 Janoary 2017, ny tarika misy anao dia tokony hihaona isan'andro na hifandray an-telefaonina mandritra ny ora iray mba hiara-mivavaka. Raha tsy afaka manatanteraka ity 10 andro fiaraha-mivavaka ity ny fiangonana misy anao ny 11-21 Janoary, dia mamporisika anao izahay hifidy fotoana manokana hanaovana izany. Ny andro faha-11, izany hoe ny 21 Janoary, dia Sabata. Io andro io dia hatokana hankalazana ny fisaorana an'Andriamanitra noho ireo valim-bavaka sy zava-tsoa marobe nataony nandritra ny fiaraha-mivavaka. Maniry izahay fa ireto hevitra sy soso-kevitra ireto dia hanampy anareo hahatonga ity 10 andro fiaraha-mivavaka ity ho fanandramana mahery vaika ho an'ny tarika misy anao sy ny fiangonana misy anao.

Satria hanomboka ity diabe ity ianao, dia makà fotoana hamakiana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo izay nandray anjara tamin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2016:

"Amin'ny maha-fiangonana anay dia nanomboka nivavaka nangataka ny ranonorana izahay satria nisedra haintany ny firenena misy anay. Tena mafy ilay izy ary nitebiteby avokoa ny olona, kanefa tiako ny hisaotra an'Andriamanitra satria afaka 3 andro dia namaly ny vavakay Izy. Amin'izao fotoana izao dia avy isan'andro ny orana, ary tiako ny hisaotra an'Andriamanitra noho izany." - *Lee Moyo*

"Deraiko manokana Andriamanitra noho ny zavatra nataony tamin'ny Fiangonanay ao Njiro any Arusha, Tanzania. Nisy andriambavilanitra silamo iray nanatrika ny 10 andro fiaraha-mivavaka ny Sabata. Niverina izy ny Alatsinainy ary nanambara fa niankina tamin'ny ody sy mpanao fahagagana izy mba hahazoany asa, ankehitriny anefa rehefa avy nandray ny toriteny izy ny Sabata dia tapa-kevitra fa hanary ireo ody ireo ary hiankina amin'i Jesôsy irery ihany. 2 andro taorian'ny nanariany ireo ody ratsy dia voantso izy ho tompon'andraikitra amin'ny fitantanana amin'ny orinasam-pitaterana iray any Dar es Salaam, ary ankehitriny dia manomana ny batisany izy izay hatao ny Sabata ho avy izao." - *Alexis Nzitonda, Tanzania*

"Nanomboka ny 10 andro fiaraha-mivavaka izahay ny faha-folon'ity volana ity, ary niaina tao anatin'ny fiadanam-po izay nomen'ny Tompo izahay nanoloana ireo fisedrana marobe izay natrehina. Ny iray tamin'ireo mambra tao anatin'ny tarika nisy anay dia nandray ny fitahiana avy amin'Andriamanitra ary nahazo asa eto amin'ny tanàn-dehibe misy anay. Nitahy ny anabavy iray tokan-tena ary manan-janaka 2 Andriamanitra tamin'ny firesahana tamin'ny vadin'ny mpampianatra iray mba hividianany kojakoja madinika ho azy. Namaly ny vavaky ny renibe iray koa Andriamanitra, izay nangataka vavaka ho an'ny zafikeliny izay mbola kely kanefa

marary any amin'ny hôpitaly. Tamin'ny faha-14-n'ity volana ity dia sitrana ilay ankizy kely. Manohy ny fiaraha-mivavaka foana izahay isan'andro amin'ny 4 ora maraina ao amin'ny fiangonana kely misy anay, izay ao amin'ny tanànan'ny Tanoliu, ao amin'ny faritra avaratry ny nosy Efate any Vanuatu. Voatahy izahay tamin'ny fanatrehan'ny Fanahy tamin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka." - *Sharon Timothy, Vanuatu*

"Nivavaka tsy tapaka ho an'ny zanako lahy aho nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka, ary nahazo asa izay tena niriny izy noho ny fitahian'Andriamanitra." - *Marianne McFeeters*

"Nangataka fanampiana aho ny amin'ny fotoana izay laniko amin'ireo karazana haino aman-jery, indrindra ny fahitalavitra. Nandritra ny andro 1 tamin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka, dia voatarika aho hiala tamin'ireo dokam-barotra tao amin'ny fahitalavitra nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka, ary nahita hevitra hamenoana ny saiko amin'ny zavatra ara-panahy noho ireo haino aman-jery mpametsifetsy. Fitahiana ny 10 andro fifohazana ka nanapa-kevitra izahay ny hanaraka tsy tapaka mandritra ny fotoana fiaraha-mivavaka rehetra." *- John Weston*

## Foto-kevitry ny 10 andro fiaraha-mivavaka an-kapobeny

### Fa maninona no manao hazakazaka am-bavaka amin'ny alalan'ny Fitoerana Masina?

Ny foto-kevitry ny Tempoly dia tokony hianarana mazava tsara, satria iray amin'ireo vato fehizoro mampiorina ny finoana sy ny fanantenantsika izy. Izany dia maneho amintsika ny asa izay ataon'i Kristy ho antsika. Maneho amintsika ny toetrany izany. Maneho amintsika koa ny zavatra takin'i Kristy sy ny tokony ho fomba fiainantsika eto an-tany izany. Mampahatsiahy antsika koa izany fa tokony hiaina araka ny fiainan'ny lanitra isika ary tsy tokony hanao zavatra ka hiantehitra amin'ny herin'ny tenantsika manokana. Izany dia vokatry ny sorona izay nataon'i Kristy ho antsika hamelana ny helotsika ary hanomezany antsika ny fahamarinany.

### Ny taratasy mirakitra ny lohahevitra isan'andro

Misy ny taratasy mirakitra ny lohahevitra izay hodinihina isan'andro mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka. Ny pejy voalohany dia mirakitra tolo-kevitra ho an'ny fotoan'ny vavaka izay ahitana hevitra ho an'ny vavaka manokana sy hira hohiraina miaraka. Ny pejy faharoa dia ahitana ireo andalan-teny ao amin'ny Baiboly sy ny asa soratr'i Ellen White izay misy ny ampahany amin'ny lohahevitra atao amin'ny alina. Mamporisika anao izahay handika ity taratasy misy ny lohahevitra ity ary hizara izany, mba hananan'ny mpanatrika tsirairay ny fandaharam-potoana amin'ny fiaraha-mivavaka. Azo adika ambadika sy ambadika izany.

Ho iray amin'ny fivavahana ny fiangonana rehetra maneran-tany momba ny lohahevitra hodinihina isan'andro. Miaraha mivavaka amin'izy ireo amin'ny alalan'ny asa-soratra, sy ny fanambarana ary ny soso-kevitra ho amin'ny vavaka isaky ny lohahevitra ao amin'ny taratasy. Ny fifantohanao amin'ny lohahevitra dia mampisy dikany lehibe ny fotoam-bavaka. Na izany aza anefa, tsy terena ianao hifikitra ary hanaraka antsakany sy andavany izay ao anaty taratasy. Natao hitarihana fotsiny ihany izy iny. Tsy voatery hivavaka amin'ny filaharan'ny lohahevitra ianao – tolo-kevitra fotsiny ihany izy ireo.

### Fototry ny Fitoerana Masina

Mahazoa antoka fa mahafantatra tsara ny Fitoerana Masina foana, izay namboarin'i Mosesy araka ny nandidian'i Jehovah azy, ny tarika misy anao . Vakio miaraka ny Eksôdôsy toko faha-40, na amporisiho ny mambra tsirairay handinika izany any an-trano. Raha mety dia mitondrà sary na diagrama misy ny Fitoerana Masina mba hahafahan'ny mambra tsirairay mandinika izany.

Mety hisy olona ao amin'ny tarika misy anao izay tsy mbola nianatra ny fifandraisana misy eo amin'ny Fitoerana Masina eto an-tany sy ny Fitoerana Masina any an-danitra ary ny planin'ny famonjena. Raha izay no zava-misy dia tokony hanokana fotoana ianareo mialoha ny 10 andro fiaraha-mivavaka mba hanolorana ny lohahevitra amin'ny fianarana Baiboly tsotra.

**Ny asasoratr'i Ellen White momba ireo karazana efitra misy ao amin'ny Fitoerana Masina**

Nampiditra toko sy andininy marobe sy andalan-teny avy amin'ny asasoratr'i Ellen White izahay isan-kariva. Ireo andalan-teny ireo dia maneho amintsika ireo zava-misy sy ny maha-zava-dehibe ny Fitoerana Masina amintsika. Manoso-kevitra izahay ny hamakianao izany miaraka amin'ny tarika. Azo atao amin'ny fanombohan'ny fotoam-bavaka izany, mba hampivelarana ireo dingana ao amin'ny lohahevitra amin'io andro io, na eny anelanelan'ny fotoam-bavaka.

**Soso-kevitra ny amin'ny fotoana isaky ny andiam-bavaka**

Ny fotoana laninao amin'ny fivavahana isaky ny andiam-bavaka dia miankina amin'ny fiarahanareo mivavaka. Ity fandaharam-potoana manaraka ity dia soso-kevitra hampandehanana tsara ny fotoana:

- **Fiarahabana/Fampidirana:** 2-5 minitra
- **Famakiana ny asasoratra sy ny andalan-teny avy ao amin'ny bokin'i Ellen White:** 3 minitra
- **Fiderana an'Andriamanitra mandritra ny fotoam-bavaka:** 10 minitra
- **Fangatahana famelan-keloka sy fangatahana fandresena manoloana ny ota ao anatin'ny fotoam-bavaka:** 3-5 minitra
- **Fibebahana sy fanelanelanana mandritra ny fotoam-bavaka:** 35 minitra
- **Fanateram-pisaorana mandritra ny fotoam-bavaka:** 10 minitra

**Fanelanelanana ho an'ny olona fito**

Amporisiho ny olona tsirairay mba hanehoan'Andriamanitra azy ireo olona fito hoentina am-bavaka mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka. Mety ho fianakaviana izany, namana, mpiara-miasa, mpiara-mivavaka, sns... Asao izy ireo hivavaka mba hanovan'ny Fanahy Masina ireo olona fito ireo ho eo amin'i Jesôsy. Ny mambra ao amin'ny tarika tsirairay dia tokony hangataka amin'Andriamanitra mba hanehoany amin'izy ireo ny fomba hanandratan'izy ireo vavaka ho an'ny filàna manokana sy hanatonan'izy ireo ireo olona fito ireo mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka.

**Ny fanompoam-pivavahana atao ny Sabata mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017**

Mifantoha amin'ny fotoam-bavaka manokana ary mizarà fanandramana ny amin'ny valim-bavaka voaray ao anatin'ny fanompoam-pivavahana ny Sabata faha-2. Mahaiza mamorona – misy fomba marobe azo hanehoana amin'ny mpiara-mivavaka ny zavatra niseho nandritra ny fotoam-bavaka isan'andro.

**Fankalazana amin'ny Sabata famaranana**

Ny Sabata famaranana dia natao indrindra hankalazana sy hisaorana an'Andriamanitra noho ireo zavatra marobe nataony nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka. Mampidira fotoana lava hizarana fanandramana momba ireo valim-bavaka voaray marobe, fampianarana/fitoriana ny Baiboly ao anatin'ny vavaka, ary ny fihirana. Tariho amin'ny fotoam-bavaka manokana ny mpivory rehetra mba hahafahan'ireo izay tsy afaka namonjy handray tombontsoa amin'ny fiarahana mivavaka amin'ny hafa. Jereo ny fitaovana manokana ho an'ny andro faha-11 mba hananana hevitra bebe kokoa.

**Ny fitohizan'ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017 – Mambra Rehetra Mandray Anjara**

Mivavaha bebe kokoa hoe ahoana no ilàn'Andriamanitra ny fiangonana/tarika mba hanohizany izay rehetra nataony nandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka 2017. Mety hanohy izany amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianao. Na koa mety mila anao hanao fitarihana vaovao ao amin'ny fiangonana misy anao Andriamanitra na amin'ny mpiara-monina aminao. Misokafa, ary avelao Andriamanitra hitarika anao. Hahita fifaliana ianao amin'ny fiarahanao mandeha Aminy.

Mamporisika anao manokana izahay hanao zavatra miavaka ho an'ny hafa. Tsy tokony hivavaka ho an'ny olona hafa ihany isika fa hitarika sy hiasa koa. Ny Foibe maneran-tanin'ny fiangonana advantista dia nandroso tetikasa mahafinaritra antsoina hoe Mambra Rehetra Mandray Anjara, ary manasa ny mambra rehetra sy ny fiangonana izahay handray anjara amin'izany tetikasa izany. Mangetaheta zavatra tsaratsara kokoa ny olona,

izay zavatra ananantsika kanefa tsy ananan'izy ireo. Aoka isika tsy hihazona ny fanomezan'Andrimanitra ho antsika irery fa hizara izany. Andeha isika hampiasa ny talentantsika hanambarana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny hafa!

Nampiditra tahirin-kevitra mirakitra hetsika izay azo atao izahay. Misafidiana hetsika iray amin'ny alalan'ny vavaka, izay azon'ny tarika misy anao tanterahina; rehefa vita izany dia misafidiana andro iray, ary meteza ho tanana sy tongotr'i Jesôsy. Raha mivavaka fotsiny isika ka tsy mizara an'i Jesôsy amin'ny hafa, na ho ela na ho haingana dia hijanona tsy hivavaka intsony isika. Noho izany dia mangataha amin'Andriamanitra mba hahatonga anao ho vavolombelona ho an'izay mitady Azy.

**Fizarana fanandramana**

Mangataka aho ny hizaranao tantara ahitana ny fiasan'Andriamanitra! Ny tantara hoentinao dia fampaherezana ho an'ny hafa. Ny fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa ao amin'ny stories@ministerialassociation.org na ampidiro ao amin'ny www.tendaysofprayer.org.

## Fanondron'ny fiaraha-mivavaka

**Miara-manaiky**

Rehefa mivavaka mitady an'Andriamanaitra ny olona iray, dia azo antoka fa mivavaka ho an'ny antombavaka iray ny hafa ao amin'ny tarika ary miara-manaiky izany - mahery izany! Aza mieritreritra hoe olona iray no nivavaka ho an'ilay fangatahana, dia tsy mila izany koa ny hafa. *"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko izay any an-danitra izany"* - Mat. 18:19. Fifaliana manao ahoana re izany hoe misandratra amin'ny alalan'ny vavaka!

**Mangataka ny teny fikasan'Andrimanitra**

Nanomana tahirin-kevitra izahay izay mirakitra karazana teny fikasana azo angatahina amin'ny alalan'ny vavaka. Amporisiho ny tarika hangataka ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra ao anatin'ny fivavahan'izy ireo. Mora ny mifantoka amin'ny olana ananantsika. Kanefa rehefa mangataka ny toky avy amin'Andriamanitra isika dia mampitombo ny finoantsika ka mampitamberina ao an-tsaintsika fa tsy misy zavatra izay tsy hain'Andriamanitra atao. Ilay teny fikasana dia manampy antsika hikimpy manoloana ny olantsika sy ny fahasahiranantsika ka hibanjina an'i Jesôsy. Ny Baiboly dia mirakitra teny fikasana izay azo hitalahoana ho an'ny fahoriana sy ny tebitebintsika. Amporisiho ny olona hitady teny fikasana ao anaty Baiboly ary hanoratra izany mba ahafahany mangataka izany amin'ny ho avy.

"Tokony hamboraka ny filantsika amin'ny Tompo amin'ny fo feno fahatsorana isika, ary hangataka ny teny fikasany amim-pinoana sy fahatokiana mba ho fantatry ny mpivory fa nianatra ny hampanjaka an'i Kristy isika amin'ny alalan'ny vavaka. Hatoky ny mpivory fa manatrika ny fivoriana ny Tompo, ary ho vonona izy ireo hanokatra ny fony handraisana ny fitahiana avy amin'ny Ray. Hitombo ny finoan'ny mpivory ny fahatsoranao, ary ho vonona izy ireo handray ny toromarika rehetra avy aminao mpitarika" (*Evangelism,* p. 146).

**Fifadian-kanina**

Asao ireo mpiray tarika aminao ao amin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka mba hieritreritra karazana fifadiankanina, tahaka ny fifadiana ny televiziona, ny hiran'izao tontolo izao, ny sary mihetsika, ny "Internet", ny zavamamy, na sakafo hafa izay sarotra levonina. Ampiasao ny fotoana izay tokony hanaovanao izany hivavahana sy hianarana Baiboly, angataho Andriamanitra hanampy anao sy ireo mpiray tarika aminao mba hiantorahanareo bebe kokoa amin'i Kristy. Ny fanarahana fomba fisakafo tsotra dia hanampy ny mpivory hanana saina misokatra kokoa mba handraisana ny feon'ny Fanahy.

**Fanahy Masina**

Angataho ny Fanahy Masina mba hanehoany anao hoe ahoana na inona no vavaka tokony hasandratrao ho an'ny olona iray manokana na ho an'ny fotoana iray manokana. Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tsy fantatsika mihitsy hoe inona no tokony hivavahana ary ny Fanahy Masina irery ihany no afaka manao fifonana ho antsika.

"Tsy tokony hivavaka amin'ny anaran'i Jesôsy ihany isika, fa amin'ny aingam-panahin'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikany hoe ny Fanahy no *'mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina ho antsika.'* (Rômanina 8:26). Faly ny Tompo mamaly vavaka toy izany. Rehefa amin'ny halehibeazana sy fanomezan-danja fatratra no hiainantsika ny vavaka amin'ny anaran'i Jesôsy, dia hita ao anatin'izany fanomezan-danja izany ny toky avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny vavaka izay hasandratsika *'mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza.'* Izy (Ephesians 3:20)" (*Christ's Object Lessons,* p. 147, manome lanja ny fangatahana).

**Singa iray**

Satria vao manomboka fotoana fiaraha-mivavaka ianao, dia asao ny rehetra mba hiaraka hiray. Rehefa mivondrona hanao boribory iray ny olona, dia manampy hananana firaisan-tsaina izany, izay tena zava-dehibe tokoa ho an'ny fiaraha-mivavaka; raha miparitaka be ao anatin'ny efitrano iray ny olona dia mety ho sarotra ny hanehoana ny vavaky ny hafa.

**Fanaovana lisitra**

Ny fametrahana lisitra ho an'ny vavaka mandritra ny 10 andro fiaraha-mivavaka dia hanampy ny mpivory hahafantatra bebe kokoa momba ny lohahevitra hodinihina. Manaova fangatahana mazava tsara amin'Andriamanitra, ary manaova fisaorana ho Azy ny amin'ny valim-bavaka azo. Ny fanoratana ny antom-bavaka izay ananantsika ary ny fandraisana an-tsoratra ireo valim-bavaka dia tena mampahery tokoa.

Ny fanaovana lisitra dia tokony ho tafiditra ao anatin'ny 10 andro fiaraha-mivavaka amin'ny endriny maro samihafa. Tokony hanokana fotoana ho an'ny mpivory ianao mandritra ny fivoriana, mba hahafahan'izy ireo manoratra ny valin-tenin'izy ireo ho an'Andriamanitra ao amin'ny diariny. Na koa tokony handray fikambanana lisitrana antom-bavaka sy valim-bavaka ianao—na dia ao anaty kahie na solosaina aza izany, na amin'ny peta-drindrina, na ao amin'ny "internet". Ny fomba tsotra hanaovana izany dia ny fanaovana tsipika mitsangana eo ampovoana taratasy iray. Soraty eo amin'ny ankavia ny fangatahana ary eo amin'ny ankavanana ny valiny. Mampientanentana ary mampitombo ny finoana ny fahitana hoe hatraiza ny famalian'Andriamanitra vavaka!

**Fanajana**

Mamporisiha ary manaova môdely maneho fanajana. Manakaiky ny seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao tontolo izao isika. Aoka tsy hataontsika ambanin-javatra amin'ny fihetsika sy ny fitondran-tenantsika izany fotoam-bavaka izany. Kanefa, tsy midika izany fa tokony handohalika mandrakariva ny mpivory. Ataovy izay hampahazo aina ny rehetra mandritra ny ora iray, noho izany dia amporisiho izy ireo handohalika, hitsangana na hipetraka araka ny fitarihan'ny Fanahy sy izay mampahazo aina azy ireo.

**Fehezanteny ao anatin'ny vavaka**

Tokony ho fohy ary mazava tsara ny vavaka. Izany dia manome fahafahana ny hafa hivavaka koa. Miezaha mamintina ny vavakao ao anatin'ny fehezanteny fohy. Afaka mivavaka miverimberina ny olona rehetra. Ny vavaka atao amin'ny fehezanteny fohy dia mahatonga izany hahaliana kokoa ary manome fahafahana ny Fanahy Masina hampitolagaga ny tsirairay ny amin'ny fomba fivavahana. Tsy ilainao ny manomboka ary mamarana ny vavaka amin'ny teny hoe "Andriamanitra o!" sy ny "Amena". Ity vavaka ity dia firesahana mitohy amin'Andriamanitra.

**Fahanginana**

Amin'ny maha mpitarika anao, dia aza mibahan-toerana mandritra ny fotoam-bavaka. Ny tanjona dia ny hampivavahana ny rehetra. Tena mahafinaritra ny fotoan'ny fahanginana, satria manome fotoana itenenan'Andriamanitra amin'ny fontsika izany. Avelao hiasa ny Fanahy Masina, ary omeo fotoana hivavahana ny olona rehetra.

**Fihirana**

Ny fandrindrana hira izay atao eny anelanelan'ny vavaka dia manome endrika sy fahatsarana ny fotoam-bavaka. Misy hira voalamina sy voarindra any amin'ny faran'ny taratasy mirakitra ny lohahevitra tsirairay. Tsy voatery hanao ny hira rehetra ao anatin'ny lisitra ianao—tolo-kevitra fotsiny izy ireo. Ny fihirana dia hevitra tena tsara tokoa hifindrana amin'ny fotoam-bavaka iray.

**Fandraisana antom-bavaka**

Aza mangataka antom-bavaka avy amin'ny tarika. Asao ny olona hivavaka ho an'ny antom-bavak'izy ireo ary amporisiho ny hafa mba hiray hevitra ary hivavaka ho an'izany antom-bavaka izany. Izao no antony: ny fotoana! Ny firesahana momba ny antom-bavaka dia handany fotoana anareo bebe kokoa. Ho faly Satana raha toa ka hiresaka momba ny olana isika toy izay hivavaka ho an'izany olana izany. Ny mambran'ny tarika dia hanomboka hampahery sy hanome torohevitra foana. Ny hery dia avy amin'Andriamanitra! Arakaraky ny habetsahan'ny vavaka hasandratsika no hampisehoan'Andriamanitra ny heriny.

**Ny fotoanao isan'andro**

Tena zava-dehibe tokoa ity! Mahazoa antoka amin'ny maha-mpitarika anao, fa ny fotoana laninao isan'andro dia eo an-tongotr'i Jesôsy, amin'ny firesahana Aminy sy ny famakiana ny teniny. Raha mametraka an'Andriamanitra ho loha laharana eo amin'ny fiainanao ianao, dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. "Avy amin'ny tsiambaratelon'ny toeran'ny vavaka no hiavian'ny hery izay hampitolagaga izao tontolo izao amin'ny reformasiona lehibe. Any amin'izany toerana izany, miaraka amin'ny fahatoniana masina, ny mpanara-dia an'i Kristy dia hametraka ny tongotr'izy ireo eo amin'ny vatolampin'ny tokin'Andriamanitra" (*The Great Controversy*, p. 210).




# Fampidirana

Tongasoa eto amin'ny folo andro fiaraha-mivavaka 2017! Tao anatin'ny folo taona izay no efa nanombohan'ny fiangonana ny folo andro fiaraha-mivavaka isaky ny miandoha ny taona. Efa hitantsika fa maro ny fahagagana nasehon'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina dia nitondra fifohazana, fiovam-po, fanavaozana indray ny fitiavana mitory ny Filazantsara, ary fanasitranana ny fifandraisana tsy nirindra. Tena fototra iaingan'ny fifohazana tokoa ny vavaka!

Mino isika fa hiova ny fiainanao sy ny fiainan'ireo olona entinao am-bavaka rehefa miara-mivavaka amin'ireo mambra namanao ianao, mba hirotsahan'ny Fanahy Masina, izay efa nampanantenain'ny Ray omena ireo izay mitady Azy. Ireto misy setrin'ny folo andro fiaraha-mivavaka avy amin'ireo izay nandray anjara:

"Niara-nivavaka izahay tao am-piangonana mba hirotsahan'ny orana satria niatrika hain-tany ny firenena nisy anay. Nanahiran-tsaina tokoa izany tranga izany ary nikorontana avokoa ny rehetra, kanefa te hisaotra an'Andriamanitra aho satria namaly ny vavaka nasandratray Izy, telo andro taty aoriana. Mirotsaka isan'andro ny orana ankehitriny ary maniry hisaotra an'Andriamanitra noho izany valim-bavaka izany aho." Lee Moyo

"Midera an'Andriamanitra noho ny zava-bitany tamin'ny fiangonanay, AMAF any Njiro, any Arusha, any Tanzania aho. Nisy vehivavy iray nanatrika ny folo andro fiaraha-mivavaka indray Sabata, ka rehefa niverina izy ny Alatsinainy dia niaiky fa niankin-doha tamin'ny odin'ny mpanao fahagagana sy ny mpisikidy hatrany izy mba hahitany asa. Kanefa rehefa avy nanatrika toriteny izy ny Sabata dia nanapa-kevitra ny hanary ireny rehetra ireny ka hiantehitra amin'i Jesôsy irery ihany. Roa andro taorian'ny nanariany ny odin'ny mpisikidy rehetra dia nantsoina ho amin'ny asa fitantanana ny "logistique" tao amin'ny orinasa iray tena lehibe misahana ny fitaterana tany Dar es Salaam izy, ary manomana ny batisany amin'ny Sabata manaraka izy ankehitriny." Alexis Nzitonda, Tanzania

"Natombokay tamin'ny fahafolon'ity volana ity ny folo andro fiaraha-mivavaka teto aminay, ary tsapanay ny fiadanana apetrak'i Kristy ao am-ponay na dia eo aza ny olana atrehinay. Nisy mambra iray taminay nahatsapa ny fitahian'Andriamanitra ny fiainany tamin'ny alalan'ny nahazoany asa vaovao tany amin'ny renivohitra misy anay. Notahin'Andriamanitra koa ny rahavavy iray manan-janaka roa kanefa tsy manambady, tamin'ny alalan'ny firesahana tamin-dramatoa iray vadina mpampianatra mba hiantsena ho azy. Namaly ny vavaky ny renibe iray ho an-jafikeliny koa Andriamanitra, izay mbola vao miana-mandeha kanefa dia narary ary niditra hôpitaly. Sitrana ilay zaza tamin'ny faha-14 tamin'ity volana ity. Manohy ny fotoam-bavaka isan'andro amin'ny 4 ora maraina ao anatin'ny fiangonana kely misy anay izahay, ao amin'ny tanàna kely antsoina hoe Tanoliu, any amin'ny tapany atsimon'ny nosy Efate any Vanuatu. Mandray fitahiana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izahay rehetra, amin'ny alalan'ny famonjena ny folo andro fiaraha-mivavaka." Sharon Timothy, Vanuatu

"Nivavaka ho an'ny zanako lahy aho nanditra ny folo andro fiaraha-mivavaka, ary nandray fitahiana tamin'ny alalan'ny fahazoana asa vaovao tena tiany izy." Marianne McFeeters

“Nangataka fanampiana hatrany aho tao anatin’ny fotoana nolaniko tamin’ny fijerena karazana fifandraisan-davitra, indrindra fa ny fahitalavitra. Tamin’ny andro voalohan’ny fiaraha-mivavaka kosa anefa dia voatery tsy nijery ny dokam-barotra isan-karazany tamin’ny fahitalavitra intsony aho, ary naseho ahy ny fomba hamenoana ny saiko amin’ny alalan’ny sakafom-panahy fa tsy ny haino aman-jery mamitaka. Nitondra fitahiana ho ahy tokoa ilay folo andro ka lasa namaritra fotoana tsy miovaova intsony izahay ary lava kokoa ho an’ny vavaka.” John Weston

**Ny lohahevitry ny vavaka ataontsika: Fitoerana Masina Velona**

Hanao dia be mankany amin’ny Fitoerana Masina isika mandritra ny folo andro fiaraha-mivavaka 2017, ary hiezaka hijery ny lesona azontsika hianarana avy amin’izany. Tokony hodinihina amim-pitandremana ny resaka Fitoerana Masina, satria anisan’ny fototra iray hiorenan’ny finoantsika sy ny fanantenantsika izy io. Maneho amintsika ny asa izay ataon’i Kristy ho antsika izy io. Maneho amintsika ny toetrany. Milaza amintsika ny zavatra andrasan’i Kristy amintsika koa izy io, sy ny fomba tokony hivelomantsika ety an-tany. Mampahatsiahy antsika izy io hoe tokony hivelona miaraka amin’ny fijery mitodika any amin’ny mandrakizay isika, ary tsy afaka manao na inona na inona amin’ny herin’ny tenantsika manokana. Noho ny amin’i Kristy sy ny sorona nataony ihany no hahafahana mamela ny otantsika ka hanomezana ny fahamarinany ho antsika.

“Ny resaka Fitoerana Masina dia tokony hazava tsara amin’ny vahoakan’Andriamanitra” (The Faith I Live By, t. 203). “Tokony raketintsika ao an-tsaina mandrakariva ny resaka momba ny Fitoerana Masina. Ireo teny manodoka avy amin’ny molotry ny olona dia tsy avelan’Andriamanitra hampihen-danja na dia kely akory aza ny finoan’ny olona ny fahamarinana fa misy Fitoerana Masina any an-danitra, ary nisy Fitoerana Masina mitovy tamin’io naorina teto an-tany tamin’ny fotoan’androny, mba ho voatahiry mandrakariva ao an-tsain’izy ireo ny amin’ilay Fitoerana Masina any an-danitra, izay Andriamanitra no zavatra rehetra sady ao amin’izy rehetra. Tsy maintsy fenointsika fivavahana sy fianarana ny tenin’Andriamanitra ny saintsika, mba hahazoantsika mahatakatra izany fahamarinana izany. ” *E. G. White Letter* 233, 1904.

**Toro-lalana ho an’ny fotoam-bavaka**

- Aoka ho fohy ny vavaka ataonao—fehezanteny iray na roa ihany mahakasika ny teboka iray. Rehefa izany dia avelao handray anjara indray ny hafa. Afaka mivavaka imbetsaka araka izay tiana ianao, tahaka ny miresaka amin’ny olon-kafa.
- Aza matahotra fahanginana, satria io no fomba ahafahan’ny olon-drehetra manokana fotoana hihainoana ny Fanahy Masina.
- Mitondra fitahiana lehibe koa ny fiarahana mihira araka ny fitarihan’ny Fanahy. Tsy mila piano ny fanaovana izany, mety tsara mihitsy ny mihira tsy misy mozika.
- Angataho tsotra fotsiny ihany ny antom-bavakao fa aza lanina amin’ny firesahana momba azy ireny ny fotoana sarobidy anananao. Rehefa izany dia afaka mitondra am-bavaka momba ny fanirianao koa ny hafa, ary mitaky ny fahatanterahan’ny teny fikasana mikasika ny zavatra ilainao.

**Mitaky ny fahatanterahan’ny teny fikasana**

Mora amintsika, rehefa mivavaka, ny mifantoka amin'izay ilaintsika, ny fahasahiranantsika, ireo fihaikana manoloana antsika ary mitomany sy mitaraina ny amin'ny zava-misy amin'ny fiainantsika. Tsy izany anefa no tanjon'ny vavaka. Natao hanatanjahana ny finoantsika ny vavaka. Izany no antony handrisihanay anao hitaky ny fahatanterahan'ny teny fikasan'Andriamanitra mandritra ny fotoam-bavakao. Hanampy anao izany tsy hijery ny tenanao sy ny fahalemenao fa hibanjina kosa an'i Jesôsy.

"Ho antsika ny teny fikasana tsirairay ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ao amin'ny vavakao, asehoy ny teny fampanantenan'i Jehovah ary takio ny fahatanterahan'ny teny fikasany." (In Heavenly Places, t. 71). Ahoana no hitakianao ny fahatanterahan'ny teny fikasany? Raha ohatra ianao ka mivavaka mba hisian'ny fiadanana, dia afaka mitaky ny Jaona 14:27 ianao ary manao hoe: "Tompo ô, efa nilaza taminay Ianao tao amin'ny Teninao fa *'Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.'* Omeo ahy ny fiadanana izay nampanantenainao homena anay." Misaora ny Tompo fa nomeny fiadanana ianao, eny na dia tsy ho tsapanao eo no ho eo aza izany.

Namorona boky izahay, "Teny fikasana hotakina ao anatin’ny Vavaka", izay ahitana teny fikasana maro isan-karazany azonao takina. Ataovy akaiky anao ny teny fikasana rehefa mivavaka. Takio ny fahatanterahan'ny teny fikasan'Andriamanitra na amin’ny vavaka manokana na ampahibeso.

**Ny Fifadian-kanina**

Manasa anao izahay hanao ny fifadian-kanin'i Daniela mandritra ireo folo andro ireo. Fomba tsara hanokanana ny fiainantsika ho an'Andriamanitra ho amin'ny taona ho avy ny manomboka izany taona izany amin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina. Hoy i Ellen White: "Ankehitriny sy mialoha ary hatramin'ny fikatonan'ny fotoana dia tokony ho marina kokoa, mifoha, tsy mitoky amin'ny fahendren'ny tenany ny olon'Andriamanitra, fa amin'ny fahendren'ny Mpitarika azy ireo kosa. Tokony hanokana andro izy ireo hifadian-kanina sy hivavahana. Tsy ilaina akory ny mifady sakafo tanteraka fa ny mihinana sakafo maivana amin'ny fatra kely." (Counsels on Diet and Foods, tt. 188, 189).

Fantatsika ny amin'i Daniela izay nihinana voankazo sy hanin-kotrana nandritra ny folo andro. Mandrisika anao koa izahay mba hanaraka fomba fihinana tsotra mandritra ireo folo andro ireo. Afaka manome tombony antsika amin'ny sehatra samihafa ny fomba fihinana tsotra tsy misy siramamy, sakafo voaodina, zava-pisotro voaodina. Voalohany, midika tsy fandaniam-potoana betsaka eo amin'ny fikarakarana sakafo ny fomba fihinana tsotra, fa betsaka kokoa ny fotoana malalaka hiarahana amin'Andriamanitra. Faharoa, arakaraka ny maha-tsotra ny sakafo hanina no mahamora kokoa ny fandevonan'ny vavony izany, ary mampisokatra kokoa ny saina. Tsy ny mifady sakafo ihany anefa ny fifadian-kanina. Manentana anao koa izahay hifady fahitalavitra, sarimihetsika, kilalao amin'ny solosaina, eny fa na ny "Facebook" sy ny "YouTube" koa aza. Indraindray dia mety handany betsaka amin'ny fotoantsika ny zavatra azo lazaina ho tsy ratsy, toy ny "Facebook" sy ny "YouTube". Avelao avokoa izay zavatra rehetra azo avela mba hahafahanao manana fotoana betsaka hiarahana amin'ny Tompo.

**Fanahy Masina**

Angataho ny Fanahy Masina hanoro anao ny fomba na izay tokony hivavahanao ho an'ny fiainan'ny olona iray na amin'ny toe-javatra iray manokana. "Tsy natao hivavaka amin'ny anaran'i Kristy fotsiny isika fa amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina koa. Manazava izany ny dikan'izay voalaza fa ny Fanahy no 'manao ny fanelanelanana ho antsika, amin'ny fitarainana tsy azo tononina.' Rômanina 8:26. Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly ny vavaka toy izany. Rehefa manonona vavaka amim-pahamarinana sy amin-kafanana amin'ny anaran'i Kristy isika dia misy ao amin'izany hafanana izany ny fampanantenana avy an'Andriamanitra fa hamaly ny vavaka ataontsika 'mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza.' Izy (Efesianina 3:20). Christ’s Object Lessons, t. 147.

**Finoana**

Ambara amintsika ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana fa "mahavita izay tsy vitan'ny fahefana eto antany ny vavaka sy ny finoana" (The Ministry of Healing, p. 509). "Manokàna fotoana hivavahana, ary minoa fa mihaino anao Andriamanitra rehefa mivavaka ianao. Afangaroy amin'ny vavakao ny finoana. Mety tsy hahatsapa ny valiny eo no ho eo avy hatrany ianao, kanefa izany finoana izany no andramana. Aseho anao

raha toa ianao ka matoky an'Andriamanitra, raha toa ka manana finoana velona sy mitoetra ianao. 'Marina Ilay niantso anao, izay hanao izany koa.' Mandehana amin'ny lalana mety hampidi-dozan'ny finoana. Matokia ny teny fikasana rehetra an'ny Tompo. Matokia an'Andriamanitra ao amin'ny haizina. Fa izany no fotoana ilàna ny finoana." (Testimonies for the Church, vol. 1, t. 167).

Nambara tamintsika koa fa "ny amin'ny fanomezana izay nampanantenainy, azontsika angatahina, dia tokony hino isika fa nahazo izany, ary maneho fisaorana an'Andriamanitra fa nandray izany. (Education, p. 258). Mizara hatrany misaotra mialoha an'Andriamanitra amin'ny finoana ny amin'izay hataony sy izay fomba hamaliany ny vavakao.

**Mivavaha ho an'ny olona fito**

Mandrisika anao izahay hivavaka mandritra ireo folo andro ireo ho an'ny olona fito izay irinao hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Mety ho havana, namana, mpiara-miasa, mpifanolo-bodirindrina, na koa olom-pantatra izy ireo. Manokàna fotoana ary anontanio an'Andriamanitra izay olona tiany hoentinao am-bavaka. Angataho Aminy mba horaisinao andraikitra ireo olona ireo. Anontanio Azy izay azonao atao ho an'ny tsirairay amin'ireo olona ireo aorian'ny folo andro fiaraha-mivavaka mba hanehoana ny toetran'ny fitiavan'Andriamanitra.

**Manaova zavatra ho an'ny hafa - Mambra Rehetra Mandray Anjara**

Isaka ny manokana fotoana hivavahana isika dia hitondra antsika izany hanampy ny olona amin'izay ilainy. Manentana anao izahay hiaraka amin'ny Fivondronamben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mba hifandray sy hizara ny fitiavan'i Jesôsy. Inona no mety hitranga raha ohatra ka manao zavatra izay hizarana an'i Kristy amin'ny hafa ny olona tsirairay mahafantatra ny Mpamonjy? Inona no hitranga raha toa ka avelatsika ny fitiavan-tenantsika ary miala avy ao amin'ny toerana ahazoantsika aina isika mba hanampiana ny hafa hanana fanandramana amin'ny fitiavan'ny Raintsika mahafinaritra? Ny Foibe Maneran-tany dia nametraka fomba fiasa antsoina hoe Mambra Rehetra Mandray Anjara ka manasa anao izahay handray anjara amin'izany. Nanomana lisitra misy soso-kevitra izahay amin'ny fampiharana azonao iarahana sy ny vondrom-bavaka misy anao atao aorian'ny folo andro fiaraha-mivavaka. Eo am-panomananao ny zavatra rehetra, tadidio mba tsy hanary dia anao amin'ny fivavahana izany fanomanana izany.

Andeha isika hitory amin'izao tontolo izao ny vaovao mahafalin'ny famonjena. Andeha isika hanao ny anjarantsika mba hahatonga faingana an'i Kristy handray antsika ho any An-trano!




## Mambra Rehetra Mandray Anjara

### (Manao zavatra ho an'ny hafa ny tsirairay)

*"Fa noana Aho, dia nomenareo hanina, nangetaheta Aho, dia nomenareo rano; nivahiny Aho, dia nampandrosoinareo; nitanjaka Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia novangianareo; tany an-tranomaizina Aho, dia notsidihinareo." Mat. 25:35,36*

Ao amin'ny *Tanamasoandron'ny Fahasalamana* no nanomezana torohevitra antsika "fa misy lafiny roa ny fiainantsika — fiainan'ny saina sy ny an'ny asa, an'ny vavaka mangina sy an'ny asa mavitrika." (p. 512). Tombontsoa ho antsika ny maneho amin'ny hafa ny fitiavan'i Jesôsy. Nandray fitiavana be isika avy tamin'ny Mpamonjy antsika; andeha tsy hotazonintsika ho antsika irery izany. Andeha hozaraintsika amin'ny hafa ny fitiavany.

Mamporisika anao sy ny fiangonanao izahay mba hivavaka hangataka amin'Andriamanitra ny fomba hanatraranareo ny hafa rehefa tapitra izao folo androm-bavaka izao. Misafidiana asa iray na maromaro, mifidiana andro iray, ka aoka ho tonga tanana sy tongotra ho an'i Jesôsy ianareo. Aza avela hanembantsembana anao tsy hivavaka ny fandaminana ny asa. Tadidio fa "ny ezaka tsirairay atao ho an'ny hafa dia tsy maintsy arahim-bavaka tsy misy mpahita; mitaky fahendrena lehibe mantsy ny siansan'ny famonjem-panahy. Alohan'ny hifandraisanao aman'olona, dia mifandraisa aloha amin'i Kristy. Makà fanomezam-pahasoavana fiomanana hanompoana ny olona avy any amin'ny seza fiandrianan'ny lanitra." (*Prayer,* p. 313).

Misy lisitry ny fomba azonao hanampiana ny hafa ireto. Safidio izay mety hifanitsy amin'ny filàn'ny olona hokarakarainao. Aza misalasala manao izay heverinao fa mety kanefa tsy ao anatin'io lisitra io.

1. Mahandro sakafo ho an'ny avy narary.
2. Manasa ny mpiara-miasa na mpifanolobodirindrina hiara-mikorana.
3. Manome sakafo ho an'ny tsy manan-kialofana.
4. Manome fitafiana izay tianao ho an'ny hafa.
5. Mikarakara zokiolona.
6. Mitsidika olona tsy tapaka hanampiana azy amin'ny raharaha fanaony, na fiantsenana, na fandrahoana na fanaovana zaridaina.
7. Manao sakafo hifampizarana amin'ny mpifanolobodirindrina.
8. Manampy ny mpifanolobodirindrina amin'ny tetikasany.
9. Miandry marary na kilemaina mba hahafahan'ny mpikarakara azy mandehandeha.

10. Mandray anjara amin'ny tetikasan'ny mpifanolobodirindrina.
11. Mampahafantatra ny tenanao amin'ny mpifanolobodirindrina vaovao amin'ny fanasana azy hisakafo. Arahabao tonga soa eo amin'ny fiarahamonina izy ireo.
12. Mividy kojakoja madinika homena ireo fianakaviana sahirana.
13. Manome ny hafa ireo solomasonao efa tonta.
14. Manao fampianarana Baiboly.
15. Mitsidika ireo toerana fitaizana zaza.
16. Manome "vola" solon-tsakafo ho an'ny mpianatra iray.
17. Manangona akanjo ho an'ny mahantra. Azo atomboka ao amin'ny manodidina ny fiangonanao izany.
18. Manao fanomezana ny solosainao na fitaovana efa antitra.
19. Manao fanomezana ny fiaranao efa tranainy.
20. Mikarakara "fampisehoana mikasika ny fahasalamana."
21. Mandefa karatra fampaherezana ho an'ny voafonja.
22. Mandamina kaonferansa ara-pilazantsara.
23. Miantso ny mpifanolobodirindrina aminao sy manontany ny vaovao mikasika azy ireo. Mizara boky izay heverinao fa mahaliana azy ireo.
24. Mizara trakta.
25. Manasa olona hanolo-tena ho an'i Jesôsy.
26. Manangana sekoly fahandroan-tsakafo.
27. Manao tetikasa "Fizarana Boky 28." Herinandro voalohany, mandefasa boky iray. Herinandro faharoa, mandefasa boky roa. Herinandro fahatelo, mandefasa boky telo. Tohizana hatrany ambara-pizaranao 28.
28. Mitondra sakafo ho an'ireo izay namoy ny havany.
29. Manao famangiana any amin'ny hôpitaly sy mampahery na manampy ireo izay mila izany araka izay azo atao.
30. Mamaky teny ho an'ny olona antitra.
31. Mamangy trano fitaizana kamboty sy mijery ny fomba azo hanampiana ny mpiandraikitra.
32. Manomboka fanjairana na manao akanjo bà ho an'ny sahirana.
33. Mamaky Baiboly mafy ho an'ny tsy mahita na tsy afaka mamaky.
34. Mampiantrano tanora iray ao an-tranonao mandritra ny alina.
35. Mampiantrano olona niharan'ny herisetra.
36. Manome boky ho an'ny fitaizana kamboty na ny tsy manan-kialofana.
37. Mitondra ny ankizy ao am-piangonanao mankany amin'ny toerana fitaizana zokiolona. Manaovy programa ho azy ireo.

38. Manao drafitra fandraisana ireo zaza sahirana hikorana indray andro miaraka amin'ny fianakaviany.
39. Manao asa fanadiovana ao amin'ny fiarahamonina indray andro.
40. Manangana klioban'ny fahasalamana ao amin'ny fiangonanao. Manasa ny namana sy ny manodidina.
41. Manasa olona hijery DVD misy hafatra ara-panahy. Mangataka ny Fanahy Masina hiteny ao am-pon'izy ireo mandritra ny fotoana fijerena izany.
42. Tetikasanao manokana.

Raha te hijery fijoroana ho vavolombelona dia mankanesa ao amin'ny: www.revivalandreformation.org. Midìna hatreny ambany dia tsindrio ny bokotra havanana eo ambonin'ny teny hoe "fijoroana ho vavolombelona."




## Alim-bavaka

### Fivoriam-bavaka ho an'ny alim-bavaka 10 andro

**Nahoana no alim-bavaka?**

Tsy misy mahamasina izany hoe miari-tory mivavaka mandritra ny alina manontolo na amin'ny ampahany izany. Na izany aza dia amin'ny alina no mba maha-afaka ny olona amin'ny asa be sy ny firotorotoana. Mino izahay fa tsy ny hijanona hivavaka mandritra ny alina manontolo ihany fa hivavaka mikasika izay zavatra tsapanao fa tian'Andriamanitra ho entinao am-bavaka araka izay ilaina no tanjonao.

Manoso-kevitra izahay mba ho olona maro no mifandimby mitarika mandritra ny alina. Ataovy azo antoka ny hisian'ny fihatoana matetika. Tsapanao amin'ny maha-mpitarika anao ny fotoana ilàna fiatoana ka hifindrana amin'ny antom-bavaka manaraka. Tsara raha miato folo minitra isaky ny sivy ambin'ny folo minitra. Azonareo atao koa ny mamaky andalan-teny ao amin'ny Baiboly mandritra ny fotoam-bavaka. Mety ho tianao ny hanatanteraka ny soso-kevitra rehetra na ny ampahany, miankina amin'izay mety indrindra amin'ilay vondrona izany. Aza misalasala manova ny laharana hita amin'ny tolo-kevitra.

Indreto ary ny tolo-kevitray ho an'ny alim-bavaka:

- **Atombohy amin'ny fotoam-bavaka.** Derao amin'ny vavaka sy ny hira Andriamanitra.
- **Makà fotoana vitsivitsy hiaiken-keloka:** aoka ho azo antoka fa tsy misy manakana an'Andriamanitra tsy hihaino anareo. Omeo fotoana ny olona hiaikeny heloka manokana sy fotoana hafa koa hahazoany mifampiaiky heloka ary fotoana hanaovana fiaiken-keloka ampahibemaso. Amporisiho ny olona hanao ny fiaiken-keloka ho an'ny heloky ny tenany manokana samirery sy fiaiken-keloka ampahibemaso ho an'ny heloka fanta-bahoaka. Hitantsika ao amin'ny Daniela 9:1-19 ny momba an'i Daniela, nanelanelana sy niaiky ampahibemaso ny heloky ny vahoakan'Andriamanitra. Amporisiho ny olona hiaiky ny heloky ny fiangonana ampahibemaso.
- **Mivavaha ho an'izay zavatra ilaina ankehitriny mandritra ny fotoam-bavaka.** Maro ny olona maratra am-po, ao koa ireo izay tena mila vavaka, na misy koa mahalala fa misy any ho any olona mila vavaka mafy mihitsy. Manaova boribory, asio seza eo afovoany, asaivo mipetraka eo amboniny tsirairay izay manana antom-bavaka manokana hozaraina. Aoka hisy olona roa na telo hivavaka ho an'ny fangatahana manokana ho an'ilay olona ka hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra. Ho gaga ianao noho ny habetsahan'ny olona naratra sy mila vavaka.
- **Zarao ho antokony roa ny vondrona.** Saraho efitra ny lahy sy ny vavy**.** Aoka samy hanana mpitarika araka ny antokony avy, mpitarika lehilahy ho an'ny lehilahy, ary vavy ho an'ny vehivavy. Matetika no samy manana ny antombavaka manokana tsy mety zaraina amin'ny hafa ny mpivory. Ho mora kokoa ny hifamboraka ny ao am-po amin'ny olona mitovy amin'ny tena.

- Rehefa tafaverina ny rehetra, **dia ento am-bavaka ny filàna amin'ny lisitra eto ambany**
- **Mivavaha ho an'ny olona folo** mandritra ity folo andro ity.
- **Mifidiana andalan-teny ao amin'ny Baiboly** ka iny iaingana entina am-bavaka.
- **Dia farano amina fotoam-bavaka hafa indray ho fiderana sy fisaorana an'Andriamanitra.**

**Filàna vavaka**

- Mivavaha mba hanandratantsika an'i Kristy, dia Izy voahombo teo amin'ny hazo fijaliana ary mbola ho avy indray — fa Izy no Tompo sy Mpamonjy antsika, Izay nanome antsika ny hafatra faran'ny famonjena sy fanavotana hotorina amin'izao tontolo izao.
- Mivavaha mba ho tsapan'ny mambra tsirairay ny vesatry ny fanahy raha manaraka ny dian'i Kristy isika ka mifandray amin'ireo izay mila fifandraisana manokana amin'ny Tompo.
- Mivavaha ho an'ny fifohazam-panahin'ireo tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito mianatra eny amin'ny Lisea sy Oniversite manerana ny vohon'ny tany. Mivavaha mba hahatonga azy izy ireo ho masoivoho mampientanentana sy tena irak'i Kristy.
- Mivavaha ho an'ireo Misiona Advantista mandrindra ny tetikasa hitsanganan'ny fiangonana manerana izao tontolo izao ka mitady ny ho enti-manana ilaina handefasana mpamaky lay amin'ny Fitoriana Faobe any amin'ny tany mbola tsy nidiran'ny hafatra.
- Mivavaha ho an'ny Pasitora mikarakara ny asa soa raha manetsika olona miandraikitra ny fanentanana olona hisahana sy izay mambra liana hanompo any amin'ny fonja izy ireo.
- Mivavaha mba handany fotoana be lavitra amin'ny soatoavina mandrakizay amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly sy vavaka isika. Mivavaha mba ho ny sitrapon'Andriamanitra no ho vita fa tsy ny antsika, ka mangataha ny Fanahy Masina hiaro antsika amin'ny hery miasa mangina sy ny fironana ho loza mitatao eo amin'ny fanandramantsika ara-panahy isan'andro.
- Mivavaha mba tsy hatahotra ny hanao sorona ny tenany ny vahoaka tanoran'ny fiangonantsika.
- Mangataha amin'Andriamanitra mba hisy mpitondra fiangonana maneho fahaiza-mitarika mifantoka amin'i Kristy, manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, mahay mampianatra ary manetry tena eo amin'ny fitarihany iraka nomena ny fiangonana amin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo. Ary mivavaha mba ho ny fahamarinan'i Kristy no ho votoatin'ireny hafatra ireny.
- Mivavaha mba ho maro ireo "ivon-toerana manana hery miasa mangina" eny amin'ny tanàn-dehibe manerana izao tontolo izao. Mivavaha mba hitondran'ireny ivontoerana ireny fahasamihafana velona eo amin'ny fiainana rehefa hitan'ny olona ny fahamarinan'Andriamanitra noho ny fanompoana ataon'ny Kristiana.
- Mivavaha mba ho Kristy sy ny fahamarinany no avoitrantsika ho hany lalana mitondra ho amin'ny fiainana mandrakizay.
- Mivavaha mba hitombo "ny fifohazana sy fanavaozana" manerana izao tontolo izao. Mivavaha ho an'izany fifohazana izany ho anao, ny fianakavianao, ny fiangonanao ary ny fiarahamonina misy anao. Mivavaha koa mba hisian'ny fanoloran-tena hivavaka, raha mangataka ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina isika ho fanatanterahana ny faminanian'i Joela 2, Hosea 6, ary ny Asa 2.
- Mangataha amin'Andriamanitra mba hiaro ny tanorantsika sy ny tenantsika amin'ny hery miasa manginan'izao tontolo izao raha mifantoka amin'ny Baiboly sy ny asa feno fandavantena tsy mila tombony ho an'ny hafa isika.

- Mivavaha mba hampianarin'Andriamanitra anao ny fomba hizaranao ny Mofon'Aina amin'ny hafa.
- Mivavaha mba hisian'ny fanavaozan'ny fifantohana amin'ny fianarana ny bokin'i Daniela sy ny Apôkalipsy, ka hivohitra amin'izany ny fitahiana avy ao amin'ny Fitoerana Masina.
- Mivavaha mba hisian'ny fandraisana anjara mavitrika eo amin'ny famakiana sy fianarana ny Baiboly amin'ny alalan'ny "Mihainoa ny Mpaminany", izay mampisongadina ny fianarana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana.
- Mivavaha mba hitomboan'ny fanomezan-danja ny asa soratry ny Fanahin'ny Faminaniana ho tena azo ampiharina ankehitriny. Mivavaha mba hamaky tsy tapaka ireny taridalana, torohevitra sy fampaherezana ireny ny mpitarika sy ny mambra.
- Mivavaha mba hanolo-tena tanteraka ho amin'ny fitoriana ny hiakan'ny mamatonalina ny mambra tsirairay. Mivavaha koa mba hahatonga antsika ho iray ao Aminy rehefa milefitra tanteraka eo amin'ny Fanahy Masina isika.
- Mivavaha mba hisian'ny fitomboana ara-panahy sy fahatakarana ny fitoriana eo amin'ny mpitondra tsirairay manerana izao tontolo izao rehefa manandratra an'i Kristy sy ny hany iraka ary ny hafatry ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izy ireo. Mangataha mba hanampian'Andriamanitra ny vahoakany sisa, ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, mba tsy ho very amin'izy ireo na oviana na oviana ny maha-antsika antsika ara-paminaniana.
- Mivavaha mba hisian'ny asa fitoriana matanjaka ataon'ny tarika madinika, hanomezana ny tsirairay soa fanararaotra handraisana anjara amin'ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana mahakasika an'i Jesôsy sy ny toetrany mahafinaritra. Mivavaha mba ho Jesôsy no votoatin'ny fitoriana ny foto-pinontsika tsirairay.
- Mivavaha mba haneho ny fitiavan'Andriamanitra ny fianakaviana Advantista tsirairay ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiarahamonina, hanehoany ny fomba hitondran'i Jesôsy firindrana ao an-tranony ka hanaisotra ny herisetra sy ny rarintsaina noho ny heriny manamasina avy amin'ny Fahamariny. Mivavaha mba hitondrantsika ny hafa eo amin'ny tombontsoa hahazoany mikambana amin'ny fianakaviana mandrakizay any an-danitra.
- Mivavaha ho an'ireo mpamaky lay an'arivony manangana fiangonana; maro amin'izy ireny no eo amin'ny toerana mampidi-doza. Mivavaha ho an'ny fahalemeny, fahendreny, ary ny fahombiazany.
- Manelanelàna ho an'ireo mambran'ny fiangonana mivelona amin'ny toerana sarotra manerana izao tontolo izao ka miatrika fanenjehana isan'andro ho fanehoana ny finoany. Ny Tompo anie hameno azy ireny ny heriny hivelomany tanteraka amin'ny maha-vavolombelon'Andriamanitra velona sy mahery mandrakizay azy ireny.
- Mivavaha ho an'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tsirairay manerana izao tontolo izao mba hampiasan'ny Fanahy Masina azy ireo, hanatratra sy hitory, ao anatin'ny tarika madinika, amin'ny fijoroana ho vavolombelona manokana, na amin'ny fitoriana ho an'ny daholobe.
- Mivavaha ho an'ireo Ivontoerana ho an'ny hery miasa mangina hitondran'izy ireo fanabeazana, fikarakarana fahasalamana, fomba fiaina mahasalama, sy ny asa fanompoana maro isan-karazany eo amin'ny fiarahamonina misy azy ireo. Mivavaha mba ho tena ny filàn'ny olona no entiny ka ho tafahaona amin'i Kristy izy ireo.
- Mivavaha ho amin'ny fampiraisana ny fiangonana sy ny rafitra eo amin'izao tontolo izao mifototra amin'ny fanajana feno fanetren-tena ny Tenin'Andriamanitra, fifanajana, fanajana ny fitsipiky ny

fiangonana sy ny fitsipi-pifehezany, ary ny vavaka mafana sy ny herin'ny Fanahy Masina. Mivavaha koa ho an'ny fanoloran-tena feno ho amin'ny iraka ho an'ny fiangonana eo amin'ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôkalipsy 14 sy ny hafatry ny anjely fahefatra ao amin'ny Apôkalipsy 18.

- Mivavaha mba ho tanteraka ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonany.
- Mivavaha ho amin'ny fahafenoan'ny "fitoriana ny filazantsara an-tanan-dehibe" sy any ambanivohitra.
- Mivavaha ho an'ny Fanahy Masina eo amin'ny fanarahana sy fanaovana ho mpianatra ireo mpihaino ny Radio Advantista Maneran-tany eo amin'ny tanan-dehibe.
- Mivavaha ho an'ny Herintaonan'ny Departemantan'ny Tanora eo am-perin'asa raha mikatsaka ny fampiofanana ireo mpitarika ny taranaka vaovao ao amin'ny iraky ny tanan-dehibe izy io.
- Mivavaha mba hisian'ny fiaraha-miasa bebe kokoa eo amin'ny fiangonana sy ny Departemanta manohana ny asa lehibe eo amin'ny fitoriana ny filazantsara any amin'ny fiarahamonina eo amin'izao tontolo izao.
- Mivavaha ho an'ny fahatsapana lalina sy fizarana ny boky Advantista (voasoratra sy elektrônika) ataon'ny mambran'ny fiangonana, sy hisian'ny fifantohana mitombo hatrany eo amin'ny fitoriana amin'ny fizarana lahatsoratra.
- Mivavaha mba ho voky ny mana avy any an-danitra, ny Tenin'Andriamanitra, isan'andro ny Pasitora eo an-toerana, any amin'ny federasiona sy misiona, ny fivondronambe isam-paritra, ny Foibe Maneran-tany, dia ny mpitarika).
- Mivavaha ho an'ny fahatokiana amin'Andriamanitra, ny hafatry ny fihaviany, sy ny irany ho antsika. Mivavaha ho an'ny fahavononantsika hanaraka Azy amin'ny zavatra rehetra, ka angataho Izy haneho ny heriny eo amin'ny fiainantsika.
- Mivavaha ny amin'ny fahavitrihana ho tonga ao amin'ny sekoly Sabata, mba hahafahan'ny mambra tsirairay sy ny nasaina hifantoka amin'ny firahalahiana, ny iraka, ny fianarana Baiboly ary ny fivoahana hanao asa fitoriana eo an-toerana.
- Mivavaha ho an'ny fifohazana mahery vaika araka an'Andriamanitra hanosika ny vahoakany amin'ny andro farany. Mivavaha mba hahajoro isika na mirodana aza ny lanitra.
- Mivavaha mba hampiasa ny fomba famoahana ny hafatry ny anjely telo, amin'ny fomba mora ampiharina, manintona sy vaovao, ny fiangonana amin'izao taonjato fahiraika amby roapolo izao.
- Mivavaha mba hitohy ny fifantohana amin'ny foto-pinoana ao amin'ny Baiboly izay mampiseho fa henemana ara-bakiteny mitohitohy no namoronan'Andriamanitra izao tontolo izao araka ny Tenin'ny Tompo.
- Mivavaha mba hitombo ny fandraisana anjara amin'ny ezaka fitoriana ny filazantsara ataon'ny Rafitra rehetra raha manohana ny iraka tsy tapaky ny fiangonana izy ireo.
- Mivavaha mba hivelatra be ny fanekena ny hafatry ny fahasalamana feno sy tanteraka ("asa fitsaboana"), izay hahafahan'ny mambra hanaraka ny ohatr'i Kristy eo amin'ny fanomezana fahafaham-po izay ilain'ny hafa.
- Mivavaha ho an'ireo mpitsoa-ponenana mijaly maneran-tany. Mivavaha ho an'ireo tany voahidy mba hahatonga azy ireo ho tafahaona amin'i Kristy isaky ny afaka mifanerasera amin'ny Kristiana izy ireo.

- Mivavaha ho an'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny asa ataon'ny tena manokana eo an-toerana amin'ny fikatsahana ny planin'Andriamanitra hanompoana ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny fampianarana Baiboly sy fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana.
- Mivavaha ho an'ny fahatsapana lalina sy tanteraka ny amin'izay mahamaika eo amin'ny mpitarika sy ny mambran'ny fiangonana. Mivavaha mba ho tsapa ny tokony hahavelomana amin'ny andro farany ary ho avy tsy ho ela tokoa Jesôsy.
- Mivavaha mba hisian'ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ataon'ny radio sy ny gazety advantista raha miezaka ny hanatratra ny daholobe ireo Departemanta rehetra, manao ny fitoriana ny filazantsara mahafaobe sy mahasahana ny tena manontolo manerana izao tontolo izao.
- Mivavaha mba hiparitaka betsaka ireo boky manan-danja manokana toy ny Hery Mifanandrina, Ilay Fitiavana mandresy, Henoinareo ny Fanoharana, ny Dia ho eo amin'i Kristy, sy ny maro hafa. Mivavaha mba ho fijinjana fanahy maro no ho vokatr'ireny voafafin'ny boky ireny.
- Mivavaha mba hisian'ny fanoloran-tena mitombo ao amin'ny fitaizana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, isan'ambaratonga satria tena zava-dehibe loatra ho an'ny herijika ho avy sy ny fitantanana ny asa ao amin'ny fiangonana izany.
- Mivavaha ho an'ny Departemanta sy ny Fikambanan'ny Mambra Laika amin'ny sehatr'asa satria dia tena manampy betsaka ny federasiona/misiona eo an-toerana amin'ny famolavolana drafitrasa lavitr'ezaka, misy Departemantan'ny Fahasalamana feno sy tanteraka ary firotsahan'ny mambra Rehetra Handray Anjara amin'ny ezaka atao amin'ny tanàn-dehibe izany.
- Mivavaha ho an'ireo olona mipetraka an-tanan-dehibe ka voahodidin-javatra maro manelingelina azy ireo hiala amin'i Jesôsy. Mivavaha mba ho afaka handre ny bitsiky ny Fanahy Masina eo anivon'ny manodidina azy izy ireo.
- Mivavaha ho an'ireo olona mitombo isa tsy tapaka eo amin'izao tontolo izao tsy miraharaha fivavahana. Mivavaha mba harodan'Andriamanitra ireo rindrina natsangany manodidina ny fony.
- Mivavaha ho an'ireo silamo sy andian'olona mikiribiby manohitra an'i Jesôsy Kristy. Mivavaha mba handre sy hamaly ny filazantsara izy ireny.
- Mivavaha ho an'ireo vahoaka tatsinanana feno bodista sy hindoista, fa maro amin'izy ireny ny tsy mbola nandre mihitsy ny momba an'i Jesôsy sy izay nataony. Mivavaha mba hananantsika ny fahendena manokana hahafantarantsika izay fomba hanatrarana azy ireo.
- Mivavaha ho an'ireo ao amin'ny varavarankely 10/40, izay tsy misy hery miasa mangina avy amin'ny Kristianina mihitsy na kely aza. Mivavaha mba hisokafan'ny fon'ny olona handray ny vaovao mahafalin'i Jesôsy.
- Mivavaha mba hananganan'Andriamanitra iraka ara-pahasalamana hanangana fiangonana any amin'ny vondron'olona 830 manerana ny Diviziona Afrika Afovoany Atsinanana.
- Mivavaha mba hananganan'Andriamanitra tanora hanorina fiangonana any amin'ny antokon'olona 750 ao amin'ny tany 13 ao amin'ny Diviziona Eorôpa Azia.
- Mivavaha mba hananganan'Andriamanitra misionera an-tanan-dehibe hanorina fiangonana ho an'ny antokon'olona 806 any amin'ny tany 20 any amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.
- Mivavaha mba hananganan'Andriamanitra andiana mpiasa voalamina tsara hanangana fiangonana ho an'ny antokon'olona 948 ao amin'ny tany 38 ao amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.

- Mivavaha mba hananganan'Andriamanitra olona vonona hanao sorona ny tenany hiasa amin'andian'olona 746 any amin'ny tany 20 any amin'ny Fivondronambe Avaratra Atsinanana Antenantenan'i Afrika.
- Mivavaha mba hijoroan'ireo Mpitarika Mpandraharaha ho vavolombelon'ny fitiavan'i Kristy eo anivon'ny andian'olona 691 ao amin'ny tany 8 any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia Pasifika.
- Mivavaha mba hanomanan'Andriamanitra tanora matihanina hanorina fiangonana ho an'ny antokon'olona 789 ao amin'ny tany 9 any amin'ny Divizionan'i Amerika Avaratra.
- Magataha amin'Andriamanitra hanokafany fahazoana mampiofana misionera hanorina fiangonana ho an'ny andian'olona 676 ao amin'ny tany 9 any amin'ny Divizionan'i Amerika Atsimo.
- Mivavaha ho an'ireo andian'olona 541 ao amin'ny tany 18 any amin'ny Divizionan'ny Ranomasimbe Indiana - Afrika Atsimo.
- Mivavaha mba hanomanan'Andriamanitra mpiasa an-tsitrapo hiasa amin'andian'olona 70 any amin'ny sahan'Isiraely.
- Mivavaha mba hiantsoan'Andriamanitra mpampianatra misotro ronono sy mpanabe hiasa amin'ny andian'olona 2,566 any amin'ny tany 14 any amin'ny Diviziona Azia Pasifika Atsimo.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hananganany tafika mpivavaka hanelanelana ho an'ny andian'olona 2,568 ao amin'ny tany 4 any amin'ny Diviziona Azia Atsimo.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hananganany tafika mpivavaka hanelanelana ho an'ny andian'olona 893 ao amin'ny tany 25 any amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.
- Mangataha amin'Andriamanitra hananganany mpampivelona sy dokotera hanangana fiangonana eo anivon'ny andian'olona 1,978 any amin'ny tany 22 any amin'ny Diviziona Afrika Andrefana - Afovoany.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hananganany tanora hamory olona ho mpianatr'i Kristy eo anivon'ny andian'olona 1,459 any amin'ny tany 20 any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo.




## Andro 1 - Midira eo amin'ny Vavahadiny amin'ny Fisaorana

*"Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; Misaora Azy, mankalazà ny anarany" Salamo 100:4*

### Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka

***Fiderana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny fitiavany, ny Fahendreny, ny Fahamasinany ny fotoam-bavakao, sns.
- Misaora an'Andriamanitra satria "havokisam-pifaliana no eo anatrehanao" (Sal. 16:11).
- Miderà an'Andriamanitra noho ny fisian'ny fitoerana masina sy ireo lesona maro azontsika tovozina avy amin'izany.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana Fandresena ny Ota*** *(tokony ho eo amin'ny 5 minitra)*

- Angataho Andriamanitra haneho aminao izay fahotana tokony hoekenao mangina ao amponao. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.
- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ny tsy fanananao toetra mahay mankasitraka indraindray.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana*** *(tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Angataho Andriamanitra hanome anao toetra feno fisaorana.
- Mivavaha mba hahaizanao mifaly eo anivon'ny fitsapana, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina mitoetra ao am-ponao isan'andro.
- Mivavaha mba ho tenim-piderana sy fisaorana ny teninao, ka hitondra ny hafa ho eo amin'i Jesôsy.
- Angataho Andriamanitra hanampy anao haneho ny fanatrehany amin'ny alalan'ny teny aloaky ny vavanao.
- Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra anao hahatakatra ny hevitry ny hafatra momba ny fitoerana masina sy ny tombambidin'izany eo amin'ny fiainanao.
- Mivavaha mba hanandratantsika an'i Kristy, nohomboana teo amin'ny hazo fijaliana ary ho avy indray—satria Izy no Mpamonjy sy Tompontsika, Izay nanome antsika ny hafatra fanairana farany feno fitiavana sy famonjena izay hotorina amin'izao tontolo izao.
- Mivavaha ho an'ny mambran'ny fiangonana rehetra mba hahatsapan'izy ireo ny adidy hitaona fanahy, raha mbola eo am-panarahana ny dian-tongotr'i Kristy isika sy eo am-pifaneraserana amin'izay mila fifandraisana manokana amin'ny Tompo.

- Mivavaha mba hisian'ny fifohazam-panahy eo amin'ireo tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izay mianatra eny amin'ireo sekolim-panjakana sy anjerimanontolo maneran-tany. Mivavaha mba hahatonga azy ireo ho ambasadaoro sy misiôneran'i Kristy.
- Mivavaha ho an'ny Iraka Advantista amin'ny fandrindrana ireo tetikasa maro momba ny fanorenana fiangonana manerana izao tontolo izao, sy eo amin'ny fanangonana ny vola ilaina hoenti-manohana ireo mpamaky lay ho an'ny Asa Fitoriana Mahafaobe, mba hiditra any amin'ireo faritra tsy mbola nidirana.
- Mivavaha ho an'ireo olona monina any amin'ireo tanan-dehibe eto amin'izao tontolo izao, sy didin'ny karazan-javatra maro izay misarika ny sain'izy ireo tsy hifantoka amin'i Jesôsy. Mivavaha mba hahafahan'izy ireo mandre ny bitsiky ny Fanahy Masina eo anivon'ireo manodidina azy.
- Mivavaha mba hanairan'Andriamanitra ireo misiônera momba ny fahasalamana hanampy amin'ny fananganana fiangonana any amin'ireo vondron'olona miisa 830 ao amin'ireo firenena 11 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany Atsinanana.
- Mivavaha mba hanairan'Andriamanitra ny tanora hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 750 ao amin'ireo tanàna miisa 13 any amin'ny Diviziona Eorôpa Azia.
- Mivavaha ho an'ny asa fanompoana ataon'ny Sampana «Aumônerie», raha eo ampanentanana ireo tompon'andraikitra sy mambra liana izy ireo hanao ny asa eny anivon'ny fonja.
- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) voasoratra ao amin'ny lisitry ny antombavakao, mba hahita valiny izay ilainy ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy ireo.
- Angataho Andriamanitra hanokatra eo anoloanao ireo fahafahana maro hahafahanao maneho ny fisaoranao feno Azy eo anoloan'ireo olona fito ireo. Angataho koa Izy haneho anao ny fomba hanatanterahanao izany.
- Mivavaha ho an'izay mety faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra noho ny fifaliana ao amin'ny fanatrehany.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny tombontsoa mahatonga anao ho vavolombelona amin'ny alalan'ireo tenim-piderana sy fisaorana ataonao.
- Misaora an'Andriamanitra noho ireo zava-mahagaga hotanterahiny ao anatin'ireo folo andro ireo.

**Torohevitra momba ireo hira azo hiraina**

"Ry Mponina An-tany ô!" (*Hira laharana 1*); "Ry Tompo ô, Mpamindra Fo" (*Hira laharana 6*); "Faly Aho (*Hira laharana 11*)"; "Avia Miondreha" (*Hira laharana 15*); "Ho Hirako Tokoa Ry Ray" (*Hira laharana 35*); "Midera ny Anaranao (*Hira laharana 37*); "Deraiko ny Anaranao" (*Hira laharana 40*) ; "Mihirà Fihiram-baovao" (*Hira laharana 49*).

## Midira eo amin'ny Vavahadiny amin'ny Fisaorana

*"Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; Misaora Azy, mankalazà ny anarany" Salamo 100:4*

Ataovy mahafinaritra ny asanao arahin'ny hira fiderana. Raha toa ka manana rakitra madio ianao ao amin'ireo bokin'ny lanitra, dia aoka tsy hanahy na hitrerontrerona na oviana na oviana. Aoka ho

toy izao ny tonom-bavakao isan'andro : "Tompo ô, ampianaro aho hanao izay tsara indrindra ato amiko. Ampianaro aho hanao asa tsara kokoa noho ny teo aloha. Omeo tanjaka sy fahamiramiranana aho." (…) Ento eo amin'izay rehetra ataonao i Kristy. Ho feno fifaliana sy fisaorana ny fiainanao. (…) Andeha isika hanao izay tsara indrindra vitantsika, handroso am-pifaliana eo amin'ny fanompoana ny Tompo, miaraka amin'ny fo vonton'ny fifaliany. (*Child Guidance,* t. 148)

Omem-boninahitra Andriamanitra raha eo am-pandrotsahana ny fanatitrao ianao, ary dia hanolotra bebe kokoa ho anao Izy. Hanome anao fifaliana bebe kokoa Izy raha eo am-panandratana fisaorana ianao. Mianatra ny midera an'Andriamanitra, Izay loharano ikorianan'ny fitahiana rehetra isika. Tsy hanomboka dieny izao va isika, hamadika ny pejy sy hanadino ireo fimonomononana sy fitarainana maro ary toetra feno fitsikerana, ka hanabe ny lelantsika amin'ireo tenim-panajana, tenim-pitiavana sy teny feno fangorahana ary fahamoram-panahy ho an'ny tsirairay amin'ireo zanany? (*Reflecting Christ,* p. 285)

Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia tokony ataontsika izay hahatonga ny tenintsika ho fanampiana sy fampaherezana ny tsirairay ao anatin'ny fiainana kristiana. Mihoatra lavitra noho ny asa ataontsika no tokony hanambarantsika ireo toko sarobidy eo amin'ny fanandramana ataontsika. Tokony hilaza ny amin'ny famindrampo sy ny fitiavana feno fahamoram-panahin'Andriamanitra isika, hilaza ny amin'ny fitiavana lalina tsy hita fetra ananan'ny Mpamonjy. Ny teny ataontsika dia tokony ho tenim-piderana sy fisaorana. Ho hita miharihary eo amin'ny resaka ataontsika raha fenon'ny fitiavan'Andriamanitra ny saintsika sy ny fontsika. Tsy raharaha sarotra tanterahina ny mizara izay rehetra miditra eo amin'ny fiainantsika ara-panahy. Ny fananana foto-kevitra lehibe, fisainana ambony, fomba fijery mazava momba ny fahamarinana, fikasana tsy misy fitiavan-tena ary faniriana fitiavam-bavaka sy fahamasinana dia hitera-bokatra eo amin'ireo teny izay taratry ny toetra ao am-po toy ny haren-tsarobidy. Rehefa miseho eo amin'ny teny ataontsika i Kristy, dia hanana hery ho enti-mambabo fanahy ho Azy izany. (*To Be Like Jesus,* t. 95)

Raha tena tia marina an'i Kristy isika, dia hanome voninahitra Azy amin'ny alalan'ny teny ataontsika. Matetika ireo tsy mpino no resy lahatra rehefa mihaino tenim-piderana madio sy fankasitrahana an'Andriamanitra. (*The Review and Herald,* Jan. 25 1898)

Ny midera an'Andriamanitra amin'ny fahafenoana sy ny fahatsoran'ny fo dia sady adidy no fivavahana. Tokony haneho amin'izao tontolo izao isika sy amin'ny mponina any an-danitra rehetra fa mankasitraka ny fitiavan'Andriamanitra mahagaga ho an'ny olombelona lavo, sady manantena fitahiana bebe kokoa hatrany avy amin'ny fahafenoana tsy hita lany. Mihoatra lavitra noho ny ataontsika, dia ilaintsika ny hiresaka momba ireo lafiny sarobidy hita eo amin'ny fanandramana nataontsika. Aorian'ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba manokana, ny fifaliantsika ao amin'ny Tompo sy eo amin'ny fahombiazantsika eo amin'ny asany, dia hitombo be dia be amin'ny fitantarana indray ny fahatsarany sy ny asa mahagaga ataony ho an'ny zanany. (*Henoinareo ny Fanoharana,* t. 259)

Jesôsy Tompo no hery sy fahasambarana ho antsika, ilay toby lehibe indrindra, izay avy ao aminy, no mety hanovozan'ny olona hery. Raha eo am-pandinihana ny momba Azy isika, eo am-piresahana ny momba Azy, ary eo am-pitomboana hatrany hatrany amin'ny fahafahana mibanjina Azy—raha eo am-pandraisana ireo tombontsoa noho ny fahasoavany isika, ka mandray ireo fitahiana maro atolony antsika, dia hanana zavatra izay hahafahantsika manampy ny hafa isika. Rehefa feno fankasitrahana isika, dia mampita amin'ny hafa ireo fitahiana izay natolotra antsika maimaimpoana. Noho izany, eo am-pandraisana sy eo am-pizarana dia mitombo amin'ny fahasoavana isika; ary hisy ria-piderana sy fankasitrahana lehibe hikoriana tsy misy fitsaharany avy eo amin'ny molotsika; ny

fanahy malefak'i Jesôsy dia handrehitra ny fanandratana fisaorana ao am-pontsika, ary hasandratra amin'ny fahatsapana fiarovana ireo fanahy maro. Tonga fahamarinantsika amin'ny finoana ny fahamarinan'i Kristy tsy mety miova sy mety lany.

Aoka ireo fitahiana vaovao isaky ny andro vaovao hamoha fiderana ao am-pontsika ho porofo ny amin'ny fiahiany feno fitiavana.

Rehefa manokatra ny masonao ianao amin'ny maraina, dia misaora an'Andriamanitra noho ny fiarovany anao nandritra ny alina. Misaora Azy noho ny fiadanam-po ao anatinao. Maraina, antoandro, hariva, dia ao hiakatra any an-danitra ny fankasitrahana toy ny fofo-manitra mahafinaritra. (…) (*My Life Today,* p. 171)

*"Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny. Midera Azy noho ny asany lehibe; miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny*." - Sal. 150:1,2

Azonao atao ny ho tonga araka izay nolazain'i Kristy fa tokony ho toetry ny mpianany—"*Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao*" - Matio 5:14. Tokony hanapariaka io fahazavana io sy io fanantenana io ary io finoana io amin'ny hafa ianao. Tsy tokony handroso amin'ny làlan'ny fanompoana Azy amin'ny fitarainana ianao, hanao Azy ho toy ny mpampiasa lozabe, mametraka eo an-tsorokao ireo enta-mavesatra izay tsy azonao lanjaina. Tsy izany no tranga misy. Tiany ianao mba ho dibo-kafaliana, mba ho feno ny fitahian'Andriamanitra, mba hahafantatra ny halavany sy ny sakany ary ny haavony sy ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra, izay mihoatra ny fahalalana. Rehefa tononina ny anarany, dia iriny izany mba hisy akony eo amin'ny keynote, ka hisy valiny ao am-ponao. Rehefa izany, dia azonao atao ny manandratra fisaorana sy voninahitra ary haja sy dera ho Azy izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana sy ho an'ilay Zanak'ondry. (*Faith and Works,* t. 78)




# Andro 2 – Ny Alitara Fandoroana Fanatitra

*"Koa amin'izany mangataka amianreo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoampanahy mety hataonareo izany." Rom. 12:1*

## Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka

***Fiderana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny vavaka ataonao.
- Miderà an'Andriamanitra noho ny fanomezan'ny famonjena.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny sorona nataon'i Jesôsy.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny fiainan'i Jesôsy izay maneho amintsika ny fomba hanaovantsika sorona ny izaho sy hanolorantsika ny sitrapontsika ho an'Andriamanitra.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota*** *(tokony ho eo amin'ny 5 minitra)*

- Angataho Andriamanitra haneho aminao ny fahotana izay tokony hoekenao ampahibemaso sy izay tokony hoekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.
- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao noho ireo fotoana izay natahoranao hanao sorona izay rehetra mahatonga anao ho tafintohina.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana*** *(tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Mivavaha mba ho tahaka ny nanosorana diloilo masina ny alitara fandoroana fanatitra (Eks. 40:10) koa no hanosorana ny Fanahy Masina amin'ny fiainanao, ka na inona na inona atolotrao sy ataonao fanatitra ho an'i Jehovah dia hankasitrahan'Andriamanitra izany.
- Angataho Andriamanitra hanaisotra izay rehetra manakana anao tsy hanolotra ny fotoanao, ny volanao, ny herinao, ny fahafaha-manao anananao, ny tahotrao, ny fanantenanao ary ny sitraponao. Ambarao Aminy fa irinao ny hahatonga anao ho an'i Kristy manontolo.
- Moa misy zavatra ve ao am-ponao izay manakana anao tsy hanolotra ny tenanao manontolo ho Azy? Lazao Aminy izany. Angataho Izy hanova anao hahafoy izany.
- Ento am-bavaka ny mambran'ny fianakavianao sy ny sakaizanao izay tsy matahotra ny hametraka ny fiainany rehetra eo ambony alitara fisoronana. Angataho Andriamanitra hanova azy ireo, mba ho vonona hanolotra ny momba azy ireo rehetra ho Azy.

- Ento am-bavaka ny mpitandrina sy ireo mpitarika ny fiangonana eo an-toerana amin'ny sehatra samihafa, mba hanolo-tena tsy am-pitiavan-tena ho an'Andriamanitra sy ho amin'ny fanompoana Azy.
- Mivavaha mba handaniantsika fotoana bebe kokoa amin'ny zavatra maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly sy ny vavaka. Mivavaha mba ho ny sitrapon'Andriamanitra no tanteraka fa tsy ny an'ny tenantsika, ary angataho ny Fanahy Masina hiaro antsika amin'ireo hery miasa mangina araka izao tontolo izao, sy ireo fironana izay mahatonga ny fanandramana ara-panahintsika isan'andro ho tandindomin-doza.
- Ento am-bavaka ny tanora ao amin'ny fiangonantsika mba tsy hatahotra ny hanombo ny izaho eo amin'ny hazo fijaliana.
- Mivavaha ho an'ireo vahoaka rehetra avy amin'ny saranga tsy kristianina. Mivavaha ho an'ny vahoakan'Andriamanitra, mba hahaizan'izy ireo manorina izay fampitana rehetra ilaina hanatrarana azy ireo.
- Mivavaha ho an'ireo mpitarika ny fiangonana manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, sy môdely ary manetry tena, izay haneho ny fitarihana miorina eo amin'i Kristy ao amin'ny iraky ny fiangonana, dia ny hitory ny hafatry ny anjely telo. Ento am-bavaka ihany mba ho ny fahamarinan'i Kristy no ho ivon'ireo hafatra ireo.
- Ento am-bavaka ny mba hananganantsika "ivontoerana hahafahana manao fijoroana vavolombelona" (centre d'infuence) any amin'ireo tanan-dehibe manerana izao tontolo izao. Mivavaha mba hahatonga ireo ivontoerana ireo hitondra fahasamihafana eo amin'ny fiainana maro ka ho hitan'ny olona ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanompoana kristianina.
- Mivavaha ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao, mba hahita valiny ny filan'izy ireo ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina izy.
- Mivavaha ho an'izay mety ho faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa hamaly ny vavakao araka ny sitrapony sy ny fotoany Izy.
- Misaora an'Andriamanitra fa vonony Izy hanaisotra ny fonao feno fahotana ka hanadio sy hanamasina izany.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny fanoloran-tenany ho faty sy ny fitsanganany indray, izay tsy nataony ho an'ny Tenany samirery fa ho an'Ilay Iray izay naniraka Azy.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny nanehoany ny Tenany tamin'ny fomba manokana, teo amin'ny fiainanao nandritra ireo folo andro fiaraha-mivavaka.

**Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina**

*"*Anio Dia Mandona…*"* (*Hira laharana 301*); " 'Zaho Te Ho Tia Anao Tokoa" (*Hira laharana 348*); "Reko Androany" (*Hira laharana 355*); "Ray ô! Todihonao" (*Hira laharana 379*); "Avy Aho Manatona" (*Hira laharana 380*); "Tompo ô ! An-Tanana Tokoa" (*Hira laharana 449*); "An-tananao Ry Ray Malala" (*Hira laharana 460);* "Ny Tokiko Dia Aminao" (*Hira laharana 675*).

## Ny Alitara Fandoroana Fanatitra

*"Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany." Rom. 12:1*

Isa-maraina sy isan-kariva dia nisy zanak'ondry iray taona nodorana teo ambony alitara, tandindon'ny fanamasinana isan'andro ny firenena sy ny fianteherana tsy tapaka amin'ny ran'i Kristy manavotra. "Fanatitra tsy misy kilema" irery ihany no azo natao ho tandindon'ny fahadiovany tonga lafatra, dia ny nanolorany ny Tenany toy "ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina" 1 Pet. 1:19. Hoy ny apôstôly Paoly: "Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany" (Rômanina 12:1). Ireo izay tia Azy amin'ny fo rehetra dia hanam-paniriana hanolotra ho Azy ny asa fanompoana tsara indrindra eo amin'ny fiainana, hikatsaka tsy tapaka ny hitondra ny hery tsirairay ao amin'ny vatany hifandrindra amin'ny sitrapony. (*From Eternity Past,* tt. 244, 245)

Mba hahatakarantsika io fenitra ambony io, dia tsy maintsy atao sorona izay rehetra mahatafintohina ny fanahy. Amin'ny alalan'ny sitrapo no hifikiran'ny fahotana eo amintsika. (…) Matetika ny hoe manolotra ny sitrapo ho an'Andriamanitra amintsika dia midika ho fanekena hamakivaky ny fiainana amin'ny vatana kilemaina na mandringa. Kanefa hoy i Kristy, tsara kokoa ho an'ny tena ny ho kilemaina sy maratra ary mandringa, raha izany no hahafahana miditra amin'ny fiainana. Izay jerenao ho fahoriana no varavarana ho amin'ny tombontsoa ambony indrindra. (*Reflecting Christ,* t. 377)

Tsy misy zavatra hafa eken'Andriamanitra mihoatra noho ny fanoloran-tena tsy misy fitiavan-tena. Tsy afaka hiditra ny lanitra na oviana na oviana ireo kristianina tsy rototra sy mpanota. Tsy hahita fahasambarana any izy ireo; satria tsy misy na inona na inona hainy momba ireo fitsipika ambony sady masina izay mifehy ireo mambran'ny fianakavian'ny mpanjaka. (*This Day with God,* t. 145)

*« Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy ».* - Gal. 2:20

Mangataka anao aho hanao sorona mba hanolotra ny tenanao ho an'Andriamanitra; saingy sorona ambany izany ho an'ny avo, ara-nofo ho an'ny ara-panahy, ny mety lo ho an'ny mandrakizay. Tsy nikendry ny hanimba ny sitrapontsika Andriamanitra, satria amin'ny fanazarana azy irery ihany no ahafahantsika manatanteraka izay tiany hotanterahintsika. Tokony hafoy eo Aminy ny sitrapontsika, mba hahazoantsika mandray izany indray, voadio, ka tafakambana amim-pangoraham-po amin'Andriamanitra mba hahazoany mandrotsaka amintsika ny onjan'ny fitiavany sy ny heriny. Na dia toa mangidy sy mangirifiry aza izany fanoloran-tena izany ho an'ny olona mafy loha sy ratsy fitondran-tena, dia "mahasoa anao kosa." (*Reflecting Christ,* t. 377)

Manana asa goavana ho antsika ny Tompo ary manasa antsika Izy mba hibanjina Azy, hatoky Azy, hiara-dia Aminy ary hiresaka Aminy. Manasa antsika Izy mba hanolorantsika tsy misy fitiavan-tena ho Azy, izay rehetra ananantsika sy momba antsika, ka rehefa miantso antsika Izy mba hanao sorona ho Azy, dia ho vonona isika sy hankatò an-tsitrapo. Rehefa atolotsika an'i Kristy ny zava-drehetra, dia izay isika vao hianoka ao amin'ny fahafenoan'ny fahasoavan'Andriamanitra. Tsy hahalala ny dikan'ny tena fahasambarana isika, raha tsy amin'ny fihazonana ny afo hirehitra eo

ambony alitara fisoronana ihany. Hampandova ny lehibe amin'ny ho avy izay nanao ny lehibe indrindra tamin'ny lasa Andriamanitra. (…) Misedra antsika isan'andro, amin'ny toe-javatra isan-karazany Izy; ao anatin'ny fikirizana feno fahatokiana no hisafidianany ny mpanompony, tsy hoe satria tanteraka izy ireo, fa satria vonona ny hiasa tsy misy fitiavan-tena ho Azy izy ireo, ary hitany fa amin'ny fifandraisany Aminy no hahazoan'izy ireo ny fahatanterahana. (*Our High Calling,* t. 191)

Midika ho fanomboana ny izaho ny antson'i Kristy hanao sorona sy hanolo-tena tsy misy fitiavan-tena. Ho fankatoavana io antso io, dia tsy maintsy manana finoana tsy misy fisalasalana Azy isika, amin'ny maha-ohatra tonga lafatra Azy, ary tsy maintsy resy lahatra mazava tsara isika fa tokony haneho Azy amin'izao tontolo izao. Ireo izay miasa ho an'i Kristy dia tokony hiasa ao an-daharany. Tsy maintsy miaina ny fiainany izy ireo. Tokony ho ambony indrindra amin'izy ireo ny antsony hanao fanoloran-tena tsy misy fitiavan-tena. Tsy tokony hamela na inona na inona hamatotra azy na hahaliana ny sainy eto an-tany izy, izay ho sakana ho azy ireo amin'ny fanomezany Azy voninahitra ao am-pony sy amin'ny asa fanompoana eo amin'ny fiainany. Amim-pahamatorana sy amim-pahari-po fatratra no tokony hiarahan'izy ireo miasa amin'Andriamanitra amin'ny famonjena ireo fanahy very hiala eo ambany fahefan'ilay mpaka fanahy. (*The Upward Look,* t. 235)

Izany antso izany, izay manasa antsika hametraka ny zavatra rehetra eo ambony alitaran'ny fanompoana, dia alefa amintsika tsirairay avy koa. Tsy ny hanao fanompoana toy izay nataon'i Elisa akory no angatahina hataontsika rehetra, ary tsy isika rehetra no baikoina hivarotra ny fananantsika rehetra, fa mangataka antsika Andriamanitra hanolotra ny anjara toerana voalohany eo amin'ny fiainantsika ho amin'ny fanompoana Azy, ka tsy hamela andro iray handalo fotsiny tsy hanaovan-javatra ho fampandrosoana ny asany eto an-tany. Tsy manantena antsika rehetra hanao asa mitovy akory Izy. Ny iray angamba handeha hiasa any an-tany hafa, fa ny iray kosa antsoina hanohana ara-bola ny asa fitoriana ny Filazantsara. Eken'Andriamanitra anefa ny fanomezana ataon'ny tsirairay. Fa ny zava-dehibe, dia ny fanokanana ny fiainantsika sy izay rehetra momba azy ho an'Andriamanitra. Izay manolo-tena toy izany dia handre sy hankatò ny antson'ny lanitra. (*Mpaminany sy Mpanjaka,* t. 183)




# Andro 3 – Ny Tavin-drano

*"Dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina sy amin'ny fahatokiana be avy amin'ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin'ny rano madio."*

*Heb. 10:22*

**Tari-dalana ho an'ny Fotoam-Bavaka**

***Fiderana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra, noho ny toetrany, ny fotoam-bavakao.
- Miderà an'Andriamanitra satria maniry ny hanaisotra ny fahotanao rehetra Izy.
- Miderà an'Andriamanitra satria miantso anao hiaina fiainana madio sy masina Izy.

***Fiaiken-keloka sy Fangatahana ny amin'ny Fandresena ny Ota*** *(tokony ho eo amin'ny 5 minitra)*

- Angataho Andriamanitra haneho aminao izay fahotana tokony hoekenao mangina. Mangataha ny fandresena avy Aminy, handresenao ireo ota ireo.
- Angataho Andriamanitra hamela ny helokao, noho ireo fotoana izay tsy nanehoanao fahadiovan-toetra teo amin'ny teny sy fihetsika nataonao.
- Misaora an'Andriamanitra noho namelany ny fahotanao, araka izay ambaran'ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana*** *(tokony ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Mivavaha mba ho tahaka ny nanosorana diloilo masina ny tavin-drano (Eks. 40:11) koa no hanadiovan'ny Fanahy Masina ny fonao.
- Misy faritra ve eo amin'ny fiainanao izay tsy hanehoanao fahadiovana sy toetra tsy misy pentina, araka izay irin'i Kristy ho anao? Atolory eo amin'Andriamanitra izany.
- Toerana madio ve ny ao an-tokantranonao? Angataho Andriamanitra hanampy anao hanova ny tokantranonao ho toerana madio izay tian'ny anjely hitoerana.
- Misy fotoana ve ahatsapanao fa sarotra ny mitahiry ny sainao ho mahay mijery ny lafy tsaran-javatra sy madio? Atolory an'Andriamanitra ny eritreritrao ary angataho Izy hanamasina izany.
- Mivavaha ho an'ireo ankizy madinika sy tanora ao am-piangonanao mba hahatakaran'izy ireo ny lanjan'ny fahadiovana ao an-tokantrano sy eo amin'ny resaka atao ary koa ny eritreritra.
- Misy olona ve fantatrao fa mitolona mafy amin'ny fananana fahadiovana eo amin'ny lafy anatiny sy ivelany? Ento am-bavaka izy ireo.
- Mivavaha mba hitondrantsika olona ho eo amin'i Kristy sy ny fahamarinany amin'ny làlana tokana mitondra ho amin'ny fiainana mandrakizay azy.

- Mivavaha mba hisian'ny fanamafisana ny "Fifohazana sy Fanavaozana" maneran-tany. Ento ambavaka izany fifohazana izany, ho an'ny tenanao manokana, ny ankohonanao, ny fiangonanao ary ny fiarahamonina misy anao. Mivavaha koa mba hisian'ny fanoloran-tena eo amin'ireo hetsika ambavaka maneran-tany, raha eo am-pitalahoana ny ranonorana faran'ny Fanahy Masina isika sy eo am-panatanterahana ny Joela 2, Hosea 6 ary ny Asa. 2.
- Angataho Andriamanitra mba hiaro ireo zatovontsika sy ny tsirairay avy amintsika manoloana ireo hery miasa mangina eo amin'izao tontolo izao, ka ampifantoka antsika amin'ny Baiboly sy ny fanompoana ny hafa tsy misy fitiavan-tena.
- Mivavaha ho an'ireo olon'ny nofo izay mitombo isa eo amin'izao tontolo izao, ka tsy liana akory amin'ny resaka fivavahana. Mivavaha mba handrodanan'ny Fanahy Masina ireo rindrina naorin'izy ireo ao am-pony.
- Mivavaha ho an'ireo firenena sy vondrona silamo eo amin'izao tontolo izao, izay mbola manohitra an'i Jesôsy Kristy. Mivavaha mba handrenesan'izy ireo sy hamalian'izy ireo ny filazantsara.
- Mivavaha mba hanairan'Andriamanitra ireo misiônera an-tanan-dehibe amin'ny fanorenana fiangoanana maro ho an'ireo vondron'olona miisa 806 ao amin'ireo firenena 20 ao amin'ny Diviziona Eorôpeanina Afovoany.
- Mivavaha ho an'ireo olona fito ao amin'ny lisitra nataonao, mba hamelan'izy ireo an'Andriamanitra hametraka faniriana fahadiovana ao am-pon'izy ireo.
- Mivavaha ho an'izay mety faniriana manokana ao anatinao.

***Fisaorana*** *(tokony ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa "*havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny*" (2 Kôr. 4:16).
- Misaora an'Andriamanitra fa vonona Izy ny hitoetra ao am-ponao.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny nanirahany ny anjeliny hamaly ireo vavaka nasandratrao nandritra ity herinandro ity.

**Torohevitra ny amin'ireo hira azo hiraina**

"Ry Tompo Manatreha" (*Hira laharana 253*); "O ! Fifaliam-be" (*Hira laharana 264*); "Tomponay ô!" (*Hira laharana 270*); "Ianao Mpandahatra" (*Hira laharana 282*); "Efa Madiva Hifarana" (*Hira laharana 287*); "Jesôsy no Manjaka" (*Hira laharana 454*); " 'Zay Mahakolokolo" (*Hira laharana 562);* "Vonona Aho Ry Mpamonjy" (*Hira laharana 686*).

## Ny Tavin-drano

*"Dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina sy amin'ny fahatokiana be avy amin'ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin'ny rano madio."*

*Heb. 10:22*

Teo anelanelan'ny alitara sy ny varavaran'ny tabernakely no nisy ny tavin-drano, izay vita amin'ny varahina, azo avy tamin'ireo fitaratra izay fanatitra an-tsitrapo natolotr'ireo vehivavin'ny Isiraely. Teo amin'ny tavin-drano no nanasan'ny mpisorona ny tanany sy ny tongony rehefa niditra tao amin'ireo efitra masina izy, na rehefa manatona ny alitana hanolotra fanatitra hodorana ho an'ny Jehovah. (*Christ in His Sanctuary,* t. 26)

Inona no tokony ho akon'izany teo amin'ny olona? Izany dia mba hanehoana amin'izy ireo fa ny singam-bovoka madinika tsirairay dia tsy maintsy esorina mialoha ny hirosoany eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra; satria ambony sy masina loatra Izy, koa raha tsy manaraka ireo fepetra ireo izy, dia ho avy ny fahafatesana. (…) (*Gospel Workers,* 1892, tt. 162,163)

Ny Tompo dia mitaky ireo mpanompony mba hadio sy masina, afaka haneho marina tokoa ireo fitsipiky ny fahamarinana eo amin'ny fiainany, ary hanondrotra ny hafa amin'ny sehatra avo, amin'ny alalan'ny ohatra asehon'izy ireo.

Andriamanitra dia mitaky ireo rehetra milaza ny tenany ho vahoaka voafidy, eny fa na dia tsy mpampianatra ny fahamarinana aza izy, mba hitandro ny fahadiovana sy ny tsy maha-misy pentina ny tenany manokana, eny ny fahadiovana sy ny filaminana ao an-trano sy eo amin'ny faritra itoerany. Isika dia ohatra ho an'izao tontolo izao, epistily velona fantatra sy vakin'ny olon-drehetra. Andriamanitra dia mitaky izay rehetra milaza fa manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, indrindra fa ireo izay mampianatra ny fahamarinana amin'ny hafa, mba hifady izay rehetra manana ny endriky ny ratsy. (*Testimonies for the Church,* boky 2, tt. 614,615)

Ny fahamarinana dia tsy mametraka na oviana na oviana ny tongony marefo eo amin'ny làlan'ny tsy fahadiovana sy feno ny pentipentina. (…) Izy Ilay niavaka fatratra ka nanao izay nankamamian'ny zanak'Isiraely ny fahadiovana dia tsy hamela tsy fahadiovana ao an-tranon'ny vahoakany ankehitriny. Tsy mankasitraka izay rehetra karazana fahalotoana Andriamanitra.

Ireo zoron-trano tsy voadio sy tsy misy mpijery ao an-trano dia hitarika ho amin'ny fahalotoana sy fanadinoana ireo zorony ao amin'ny ati-fanahy. (*My Life Today,* t. 129)

Hotsaraina araka ny voa entiny eo amin'ny asa fanavaozana ny kristianina. Ny kristianina marina tsirairay dia haneho izay nataon'ny fahamarinan'ny filazantsara teo aminy. Tsy maintsy mampihatra ireo fahazaran'ny fahadiovana sy filaminana izay olona tonga zanak'Andriamanitra. Samy manana hery miasa mangina avokoa ny hetsika tsirairay atao, na kely toa inona aza izany. Ny Tompo dia maniry ny olona tsirairay ho tonga fantsona izay amin'ny alalany no hanehoan'i Kristy ny Fanahiny Masina. Na amin'inona na amin'inona, dia tsy tokony hanao ambanin-javatra na tsy hiraharaha ny fisehoany ivelany ny kristianina. Tsy maintsy madio sy milamina ary meva izy ireo, na dia tsy misalotra haingo aza. Tokony ho madio izy ireo, na ao anatiny na ety ivelany. (*Ye Shall Receive Power,* t. 92)

Nitondra ho amin'ny fikorontanan-tsaina sy henatra ireo filôzôfian'ny toetran'olombelona, rehefa tsy hita tamin'ny fahafenoany Andriamanitra. Ny finoana sarobidy avy amin'Andriamanitra kosa dia manapariaka hery sy fahambonian-toetra. Rehefa mitoetra ao anaty ny fahatsaran-toetrany, ny famindrampony ary ny fitiavany, dia hihamazava hatrany ny fahatakarana ny fahamarinana; hihamitombo sy hihamasina ny faniriana fahadiovam-po sy fahadiovan-tsaina. Ny fanahy mitoetra ao amin'ny rivo-piainana madion'ny fananana toe-tsaina masina dia voaova amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fianarana ny Teniny. Mivelatra aoka izany ny fahamarinana, saro-takarina, lalina, ary midadasika, hany ka tsy hita intsony ny izaho. Voalefaka sy vonton'ny fanetren-tena sy fahamoram-panahy ary fitiavana ny fo. (*The Faith I Live By,* t. 223)

Andriamanitra dia tia fahadiovana, sy filaminana ary fahamasinana. Mitaky amin'ny vahoakany manontolo izay tsy manana ireo toetra tsara ireo Andriamanitra mba hikatsaka azy ireo ary tsy hijanona raha tsy mahazo izany. Tsy maintsy manomboka ny asa fanavaozana izy ireo, sy hanondrotra ny fiainany, ka ao amin'ny resaka sy fihetsika ataony dia ho tonga torohevitra mitohy momba ny finoany ny asany sy ny fiainany, ary hanana hery mandresy sy manosika ireo tsy mpino mba hiaiky fa zanak'Andriamanitra tokoa izy ireo.

Ny fahamarinana, araka izay hita ao amin'i Jesôsy, dia tsy hampihetry fa hanandratra kosa izay mandray azy, hanadio ny fiainany sy hanadio ny fironany ary hanamasina ny fahaizany mandanjalanja. (*Our High Calling,* t. 230)

Koa amin'izany, aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any andanitra. (Mat. 5:48)

Raha miasa ao am-po amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina Andriamanitra, dia tsy maintsy miara-miasa Aminy koa isika. Tsy maintsy fehezina sy ferana ny eritreritra ary sarihina hiala tsy hibirioka na hijery ireo zavatra izay tsy manao afa-tsy ny mampaha-osa ny fanahy. Tsy maintsy madio ny eritreritra, tsy maintsy madio ny fisaintsainan'ny fo, raha tiana hankasitrahan'ny lanitra sy hanampy ny mpiara-belona aminao ny teny rehetra aloaka eo am-bava. (*Ye Shall Receive Power,* t. 52)

*"Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona mahate-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany".* (Fil. 4:8)

Madio sy masina ny lanitra, ary ireo rehetra izay miditra eo am-bavahadin'ny tananan'Andriamanitra dia tsy mitafy dieny ety ny fahadiovana anatiny sy ivelany. (*Heaven,* t. 97)




## Andro 4 - Ilay Latabatry ny Mofo Aseho

*"Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony." Jaona 6:35*

### Tari-dalana ho an'ny Fotoam-bvavaka

***Fiderana*** *(10 minitra eo ho eo)*

- Atombohy amin'ny alalan'ny fiderana ny maha-Izy Azy an'Andriamanitra ny vavakao.
- Miderà an'Andriamanitra noho ny maha Mofon'Aina an'i Jesôsy.
- Miderà an'Andriamanitra noho ny anasany anao hihinana avy amin'izany Mofon'Aina izany.

***Fiaiken-keloka sy hiaka Fandresena Fahotana*** *(5 minitra eo ho eo)*

- Mangataha amin'Andriamanitra mba haneho aminao raha toa ka misy heloka tsy naboraka Taminy. Ekeo eo anatrehany mangina izany. Ataovy hiaka fa efa noresen'Andriamanitra ireo heloka ireo.
- Mangataha an'Andriamanitra hamela ny helokao noho ireo fotoana sasany tsy nisafidiananao hihinana ny Mofon'Aina.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny amelany ny helokao araka ny 1 Jaona 1:9.

***Fitalahoana sy Fitondrana am-bavaka*** *(35 minitra eo ho eo)*

- Mangataha amin'ny Tompo mba ho tahaka ny nanosorana diloilo ny latabatry ny mofo aseho (Eks. 40:9) no mba hitarihan'ny Fanahy Masina anao sy hampianarany anao koa ao anatin'ny fianarana Baiboly ataonao.
- Mivavaha mba hanampy anao hihinana avy amin'ny Mofon'Aina isan'andro Andriamanitra ary haka fotoana hamakiana ny Teniny isan'andro.
- Mivavaha mba hanana fotoana hamakiana ny Tenin'Andriamanitra isan'andro ireo mpitondra fiangonana (ny pastora amin'ny fiangonana misy anao, ny mpitondra ny federasiona, ny fivondronana, ny fivondronambe, sy ny Foibe Maneran-tany)
- Mivavaha mba hampianarin'Andriamanitra anao ny mizara ny Mofon'Aina amin'ny hafa.
- Mivavaha ho an'ny fifantohana indray amin'ny fianarana ny bokin'i Daniela sy ny Apôkalipsy. Tsindrio manokana ao anatin'ny vavaka ataonao ny fitahiana ny asa fanompoana anatin'ny fitoerana masina.

- Mivavaha mba hitombo kokoa ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay amin'ny famakiana isan'andro sy ny fanarahana ny Baiboly amin'ny alalan'ny "Believe His Prophets (Minoa Ny Mpaminaniny)" izay manamafy orina ny fianarana Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana.
- Manana namana ve ianao na olom-pantatra izay tsy mihinana ny Mofon'Aina fa ireo zavatra mandalo izay omen'izao tontolo izao azy? Mivavaha ho azy ireo. Anontanio an'Andriamanitra ny fomba hanampianao azy ireo hahafantatra fa zava-dehibe ny maka fotoana mihinana ny mofon'ny lanitra.
- Mivavaha ho an'ireo vondrona mponina Aziatika, ao anatin'izany ny "Bouddhiste" sy ny "Hindous", satria dia maro amin'izy ireny no tsy mbola nandre akory ny amin'i Jesôsy na izay zavatra vitany. Mivavaha mba homen'Andriamanitra fahendrena manokana isika hahalala ny fomba hambaboantsika ny fon'izy ireny.
- Mivavaha mba hanangana mpiasa marobe Andriamanitra izay hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona 948 ao amin'ny firenena 38 an'ny Fivondronambe Amerikanina.
- Mivavaha mba hanangana martiora maro Andriamanitra; maritiora vonona ny hiasa avy ao amin'ireo vondron'olona 746 ao amin'ny firenena 20 an'ny Union Moyen Est Afrique du Nord (amin'ny faritra Afrika Avaratra sy Atsinanana Afovoany).
- Mivavaha ho an'ireo olona ao amin'ny "10/40 Window", toerana izay tsy ahitana Kristiana firy hany ka vitsy ny voataona. Mivavaha mba hosokafan'Andriamanitra ny fon'ny olona mba handray ny vaovao mahafaly momba an'i Jesôsy.
- Mivavaha mba hitombo ny fitiavana ny soratra omen'ny Fanahin'ny Faminaniana izay manan-kery amin'izao vaninandro izao. Mivavaha mba hamaky tsy an-kiato ny toromarika, ny torohevitra ary ny fampaherezana ao anatin'ireny soratra ireny ireo mpitondra fiangonana sy mpiangona.
- Mivavaha mba ho azon'ireo olona fito (na mihoatra) ao anatin'ny lisitra nataonao ny antony ilàna ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fihinanana ny Mofon'Aina.
- Mivavaha ho an'ny filànao manokana.

***Fanehoam-pisaorana an'Andriamanitra*** *(10 minitra eo ho eo)*

- Misaora an'Andriamanitra noho ny amin'i Jesôsy, Izay nampianatra antsika ka nanome ohatra ny amin'ny fomba fiombonana amin'Andriamanitra Ray isan'andro.
- Misaora an'Andriamanitra mialoha noho Izy hiasa sy hamaly ny vavakao.
- Misaora an'Andriamanitra fa azo hovana isika ka hanahaka ny Toetran'Andriamanitra, rehefa mihinana ny Mofon'Aina.

**Hira azo hiraina**

"I Will Early Seek the Savior (Hitady ny Mpamonjy Vao Maraina Aho)" (*Hira laharana* 539); "Fill My Cup, Lord (Fenoy ny Kapoakako, Tompo ô)" (*Hira laharana* 493); "Like Jesus (Tahaka an'i Jesôsy)" (*Hira laharana* 492); "Moment by Moment (Isam-potoana)" (*Hira laharana* 507); "Turn Your Eyes Upon Jesus (Todiho Jesôsy)" (*Hira laharana* 290); "Take the World, but Give Me Jesus (Alaivo Izao Tontolo Izao fa Omeo Ahy Jesôsy)" (*Hira laharana* 329); "Not I, but Christ (Tsy izaho fa Kristy)" (*Hira laharana 570).*

## Ilay Latabatry ny Mofo Aseho

*"Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon'aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony." Jaona 6:35*

Ny mofo aseho dia notehirizina teo anatrehan'Andriamanitra mandrakariva, toy ny fanatitra tsy manampahataperana. Noho izany dia anisan'ny sorona isan'andro izy. Mofo aseho no niantsoana azy, na "mofon'ny fanatrehana", satria dia napetraka teo anoloan'ny tavan'ny Tompo mandrakariva ilay izy. Izany no marika anehoana fa miankin-doha tanteraka amin'Andriamanitra ny olombelona amin'ny sakafony, na ara-batana izany na ara-panahy, ary lalan-tokana no ahazoany izany dia amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy, Ilay Mpanalalana. Nofahanan'Andriamanitra tamin'ny mofo avy any an-danitra ny Zanak'Isiraely fony izy tany an'efitra. Fa na izany aza, mbola niankin-doha tamin'ny hatsaram-panahin'Andriamanitra izy ireo, na amin'ny sakafony ara-batana na amin'ny fitahiana ara-panahy. Ny mana sy ny mofo aseho dia samy manondro an'i Kristy, Ilay Mofo Velona, izay mitoetra eo anatrehan'Andriamanitra mandrakizay ho antsika. Hoy Izy: "Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra" - Jaona 6:51. (*Patriarchs and Prophets (Patriarka sy Mpaminany),* p. 354)

Ny Tenin'Andriamanitra no tokony ho sakafom-panahintsika. "Izaho no mofon'aina", hoy Kristy; "izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony." Mikatsaka fatratra fahamarinana tsy misy pentina sy tsy azo hitsakitsahina izao tontolo izao. Kristy no fahamarinana. Ny Teniny no fahamarinana, ary manan-danja lehibe lavitra sy hevitra lalina noho izay hita ety ivelany izany Tenin'Andriamanitra izany... Ny saina fohazin'ny Fanahy Masina no hahay hamantatra ny lanjan'izany fitenenana izany... (*Lift Him Up (Asandrato Izy),* p. 106)

Misy tombontsoa kely ihany azo avy amin'ny famakiana haingana be fahatany ny Soratra Masina. Mety mamaky Baiboly ny olona iray saingy tsy mahita ny hatsarany sy mahazo ny hevitra lalina sy miafina fonosiny. Manan-danja kokoa ny andalan-tsoratra masina iray izay dinihina mandra-pahazava tsara ny dikany sy mandra-pahita tsara ny ifandraisany amin'ny drafi-pamonjena noho ny famakiana am-pilaminana toko maro kanefa tsy misy tanjona mipetraka hotratrarina ary tsy misy fampianarana tsara voaray. Ento miaraka aminao ny Baibolinao. Raha vao manam-potoana ianao dia mamakia ary tadidio ireo teny novakinao. Na mandeha eny an-dalana aza ianao dia mety afaka hamaky andalan-tsoratra masina iray, misaintsaina ary mitadidy izany.

Ny fiainan'i Kristy, izay manome fiainana izao tontolo izao, dia ao amin'ny Teniny. Tamin'ny alalan'ny Teniny no nanasitranan'i Jesôsy ny aretina sy namoahany ny demonia; tamin'ny alalan'ny Teniny no nampitsaharany ny ranomasina, sy nananganany ny maty; ary niaiky ny olona fa misy fahefana ny Teniny. Ny Tenin'Andriamanitra no ambarany, tahaka ny nitenenany tamin'ny mpaminany sy mpampianatra maro tamin'ny Testamenta Taloha. Ny Baiboly iray manontolo dia fanambarana an'i Kristy. Ao no anovozantsika hery.

Tahaka ny tenantsika izay tsy velona raha tsy misy sakafo, dia toy izany koa, ny aim-panahintsika dia tsy velona raha tsy misy ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny fanahy rehetra dia mandray fiainana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra ho azy tenany. Tsy maintsy isika no mihinana mba hahazoantsika sakafo, dia toy izany koa, tsy maintsy isika no mandray ny Tenin'Andriamanitra ho an'ny tenantsika. Tsy misy olona mahazo mora foana ny Tenin'Andriamanitra ho azy amin'ny alalan'ny sain'olon-kafa.

Eny, ny Tenin'Andriamanitra no Mofon'Aina. Izay mihinana sy mandevona izany Teny izany, mampiasa Azy amin'ny asa isan'andro sy ny toetra aseho isan'andro, dia hitombo hery amin'ny herin'Andriamanitra. Io

Tenin'Andriamanitra io dia manome hery sy fahazotoana tsy mety maty ny fanahy, maha lavorary ny efa ary mitondra fifaliana izay mitobaka fehizay. (*Lift Him Up (Asandrato Izy),* p. 261)

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino no manana fiainana mandrakizay. Izaho no mofon'aina. Ny razanareo nihinana ny mana tany an'efitra, nefa maty ihany. Ity no mofo izay midina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy".* (Jaona 6:47-50)

Maro ireo noana fatratra sy kely hery satria mameno ny sainy amin'ny zavatra tsy misy dikany firy fa tsy mihinana ny Mofo izay nidina avy tany an-danitra. Fa raha ny mpanota no hihinana avy amin'ny Mofon'Aina, dia ho velona indray ny fanahiny satria efa tonga olom-baovao izy. Hitondra fiainana vaovao ao amin'ny fahalemen'ny heriny Ilay Mofo avy any an-danitra. Haka ny avy amin'Andriamanitra ny Fanahy Masina ka haneho izany amin'izy ireo. Raha mandray izany izy ireo dia hiova ny toetrany ka ho afaka amin'ny fitiavantena, hohavaozina izy ary koa hodiovina ho an'ny lanitra. (*That I May Know Him (Ary Mety Ho Fantatro Izy),* p. 106)

Tsy ampy antsika ny mahafantatra sy manaja ny Tenin'ny Soratra Masina. Tsy maintsy mandroso amin'ny fahazoana azy isika ary tena mandinika azy lalina... Amin'ny alalan'ny fahasalaman'ny toe-panahiny no hanambaran'ny Kristianina ny fatran'ny fanaovany izany. Tsy maintsy mahafantatra ny fampiharana pratika (fa tsy teôrika fotsiny) ny Teny isika amin'ny fananganantsika ny toetrantsika manokana. Isika dia natao ho tempoly masina izay itoeran'Andriamanitra sy andehanany ary iasany. Na oviana na oviana, tsy hiezaka isika ny hanandratra ny tenantsika ho ambony noho ny mpanompo izay nofidin'Andriamanitra hanao ny asany sy hanome voninahitra ny anarany masina. "Mpirahalahy avokoa ianareo rehetra." Andeha isika hampihatra izany eo amin'ny fiainantsika tsirairay ka hampitaha ny Soratra Masina amin'ny Soratra Masina.

Eo amin'ny fiainantsika andavanandro, eo anatrehan'ny rahalahintsika sy eo anatrehan'izao tontolo izao, dia tokony hijoro ho mpanazava ny Soratra Masina velona isika, manome voninahitra an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanehoana ny halemem-panahiny sy ny fanetren-tenan'ny fony. Araka ny ihinanantsika sy andevonantsika ny mofon'aina no hanehoantsika toetra mifanandrify. Amin'ny alalan'ny fiombonantsika, amin'ny alalan'ny fanaovantsika ny hafa ho ambony noho ny tenantsika, hitondra fijoroana ho vavolombelona velona ny amin'ny herin'ny fahamarinana eo amin'izao tontolo izao isika. (*Lift Him Up (Asandrato Izy),* p. 105)

Ho tonga amin'izay rehetra mangataka ny mofon'aina ny Fanahy Masina mba hozaraina amin'ny mpiara-monina aminy. (*The Faith I Live By (Ny Finoana Iainako),* p. 334)




## Andro 5 - Ilay Fanaovan-jiro

*"Dia hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, ary Izaho no Andriamanitra." Isa. 43:12*

### Tari-dalana ho an'ny Fotoam-bavaka

***Fiderana** (10 minitra eo ho eo)*

- Atombohy amin'ny alalan'ny fiderana ny maha-Izy Azy an'Andriamanitra ny vavakao (Ny toetrany).
- Miderà an'Andriamanitra noho ny iantsoany antsika ho Vavolombelony.
- Miderà an'Andriamanitra noho Izy fanazavana ny lalantsika.

***Fiaiken-keloka sy hiaka Fandresena Fahotana** (5 minitra eo ho eo)*

- Mangataha amin'Andriamanitra mba haneho aminao ny fahotana tokony hifonanao ampahibemaso sy ny fahotana tokony hifonanao mangina. Ataovy hiaka ny fandreseny ireo fahotana ireo.
- Nisy fotoana ve tsy nijoro ho vavolombelona tsara ho an'Andriamanitra ianao? Mangataha famelan-keloka.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny amelany ny helokao araka ny 1 Jaona 1:9.

***Fitalahoana sy Fitondrana am-bavaka** (35 minitra eo ho eo)*

- Mivavaha mba ho tahaka ny nanosorana diloilo ny fanaovan-jiro (Eks. 40:9) no hamenoan'ny Fanahy Masina anao ka hahatonga anao ho fahazavana sy ho vavolombelon'ny Tompo.
- Mivavaha mba hampian'Andriamanitra ianao amin'ny fanehoana ny toetran'Andriamanitra amin'ny manodidina anao.
- Mangataha amin'Adriamanitra mba hanananao fo mietry ka ho hitanao ny lafim-piainana izay tsy naneho ohatra tsara ho an'ny hafa.
- Misy lafim-piainana ve ao aminao izay mila mitombo mba hahitana taratra an'i Kristy? Omeo lalana Andriamanitra hiasa amin'ireny lafim-piainanao ireny.

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hameno anao amin'ny fitiavany ka hahafahanao mampita izany fitiavany izany any amin'ny hafa.
- Mivavaha ho an'ny fiarahan'ny fiangonana rehetra manerana izao tontolo izao manambara ilay antso mafy. Mivavaha koa mba ho tonga iray ihany isika ao amin'ny Fanahy Masina satria efa miantoraka tanteraka Aminy.
- Mivavaha mba hitombo ny fahalalana ara-panahy sy araka ny filazantsara an'ny mpiandraiki-draharaha isam-piangonana manerana izao tontolo izao rehefa manandratra an'i Kristy, ny misiona ary ny hafatra tokana ampitain'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro fahafito izy ireo. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanampy ireo olony ambiny, ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro fahafito, tsy hanary na oviana na oviana ny maha-izy azy ara-paminaniana.
- Mivavaha mba hatanjaka ny fifantohana amin'ny fanapariahana ny vondrona madinika, mba hanome fotoana ny mpikambana rehetra handray anjara amin'ny fijoroana ho vavolombelona manokana momba an'i Jesôsy sy ny toetrany mahafinaritra. Mivavaha mba ho i Jesôsy no fototra rehefa manambara ny foto-pinoantsika isika.
- Mivavaha fatratra mba haneho ny fitiavan'Andriamanitra ao an-tranony sy ny fiaraha-monina misy azy ny fianakaviana ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito amin'ny alalan'ny fanehoana fa Kristy dia mandrindra ny fiainam-pianakaviana ary manaisotra ny fanararaotana sy ny "stress" amin'ny alalan'ny Fahamarinany izay manana fahefana manamasina. Mivavaha mba ho afaka hitari-dalana ny hafa ho amin'ny fahafahana heni-pitahiana hiditra ho isan'ny fianakaviam-ben'Andriamanitra any an-danitra isika.
- Mivavaha ho an'ny mpisava lalan'ny Fitoriana Faobe izay manangana fiangonana. Maro amin'izy ireo no miasa any amin'ny toerana tsy misy fandriam-pahalemana. Mivavaha mba harovan'Andriamanitra izy ireo, homeny fahendrena ary mba hahomby ny asany.
- Mivavaha mba handefa mpilatsaka an-tsitrapo maro Andriamanitra hiasa amin'ireo vondron'olona 70 ao amin'ny faritr'Isiraely.
- Mivavaha mba hahita an'i Kristy ao anatinao ary haniry ny hanana azy ao am-pony koa ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao.
- Mivavaha ho an'ny filanao manokana (Ohab. 3:5,6).

***Fanehoam-pisaorana an'Andriamanitra*** *(10 minitra eo ho eo)*

- Misaora an'Andriamanitra fa te hiasa ao anatinao Izy ary te hanova anao.
- Misaora an'Andriamanitra fa afaka ny hanao anao ho fahazavana hanazava ny haizina Izy.
- Misaora an'Andriamanitra noho Izy mamaly ny vavaka nataonao araka ny sitrapony.

**Hira azo hiraina**

“Not I, but Christ (Tsy izaho fa Kritsy)” (*Hira laharana* 570); “He Lives (Velona Izy)” (*Hira laharana* 251); “Wonderful Words of Life (Tenin’ny Fiainana Mahagaga)” (*Hira laharana* 286); “I'll Go Where You Want Me to Go (Handeha Any amin’izay Tianao Handehanako Aho)” (*Hira laharana* 573); “Hark! The Voice of Jesus Calling (Injany, Ny Feon’i Jesôsy fa Miantso)” (*Hira laharana* 359); “This Little Light of Mine (Ity Fahazavana Keliko Ity)” (*Hira laharana* 580); “Give of Your Best to the Master (Omeo ny Tsara Indrindra Avy Aminao Ny Mpampianatra Anao)” (*Hira laharana* 572).

## Ilay Fanaovan-jiro

*"Dia hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, ary Izaho no Andriamanitra." Isa. 43:12*

Noloaran'ilay hazo oliva roa avy tao anatiny ilay diloilo milokom-bolamena tamin'ny alalan'ireo fantsona volamena ka hankao amin'ireo lovia baolina volamena izay amatsiana ny jiron'ny fitoerana masina. Maneho ny Fanahy Masina ireo diloilo milokom-bolamena ireo. Omena avy amin'io diloilo io mandrakariva ny mpanompon'Andriamanitra, ary izy ireo kosa no manome izany ny fiangonany. *"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro."* (Zakaria 4:6) (*Testimonies to Ministers (Fijoroana ho vavolombelona ho an'ny Mpanompon'Andriamanitra*, p. 188)

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo".* (Jaona 14:26)

*"Dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana".* (Asa 4:31)

Fa tsy misy afaka manome raha tsy efa nandray. Amin'ny asan'Andriamanitra, tsy misy na inona na inona avy amin'ny olombelona… Ilay diloilo milokom-bolamena, noloaran'ilay mpitondra hafatra avy any an-danitra, hankao amin'ilay fantsona volamena, ka hotrohina avy ao anatin'ilay lovia baolina volamena hankao amin'ilay jiron'ny fitoerana masina, no manome hazavana mamiratra tsy tapaka. Ny fitiavan'Andriamanitra miampita tsy tapaka amin'ny lehilahy sy ny vehivavy no ahafahan'izy ireo mizara hazavana. Mikoriana malalaka ao am-pon'izay tafaray noho ny finoana an'Andriamanitra ilay diloilom-pitiavana ka mamiratra indray amin'ny asa soa rehetra; raha ny tena marina dia amin'ny asa an-kitsim-po atao ho an'Andriamanitra. (*To Be Like Jesus (Hitovy amin'i Jesôsy)*, p. 261)

Isika tsirairay dia tsy maintsy mahasintona sain'ny olona mifanerasera amintsika haka tahaka antsika. Io hery misintona sain'olona io dia avy amin'Andriamanitra, ary tompon'andraikitra isika amin'ny fomba fampiasana azy. Andriamanitra, raha namolavola azy io, dia nanao azy hilaza ny marina hatrany, fa anjarantsika tsirairay ny manapa-kevitra na hoentintsika amin'ny fahadiovana sy hanandratana ny hafa izany na hataontsika toy ny tazo mahery mamono mahafaty ny hafa. Izay rehetra mandray avy amin'ny toetoetry ny any an-danitra dia manana hery mitaona ny olona tahaka ny an'i Kristy. Miaraka aminy eny an-dalana eny ny anjely masina, ary mahazo fanampiana sy voatahy avokoa izay rehetra mifanerasera aminy. Fa izay tsy mandray an'i Kristy ho Mpamonjy azy manokana dia tsy afaka ny hitaona ny hafa ho amin'ny tsara... Ny olona toy izany dia tsy manana fanantenana ho any amin'ny fiainana mandrakizay, ary ny zavatra ataony no mitarika ny hafa ho very. Tandremo tsara ny mety ho fiantraikan'ny ataonao rehetra amin'ny olona (influence); "anjaranao madiodio" ny mametraka izany eo anatrehan'ny Tompo. (*To Be Like Jesus (Hitovy amin'i Jesôsy),* p. 94)

Ny fiainana anaty fahamasinana tsy amboamboarina sy tsy terena ka miantraika any amin'ny olona no toriteny tena mandresy lahatra indrindra azo atolotra ho fampandrosoana ny sehatra kristianina. (*My Life Today (Ny Fiainako Anio),* p. 122)

*"Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra".* - Mat. 5:16

Tsy misy afaka milaza fa mahaleo tena tanteraka ka tsy mila ny mpiara-belona aminy; satria rehefa miaina tsara ny tsirairay dia miantraika any amin'ny hafa izany. Tanjon'Andriamanitra hahatonga antsika

tsirairay hifampiankin-doha, hahatsiaro fa ilaina isika mba hihatsara ny fiainan'ny hafa, ary hikatsaka mandrakariva izay hahafaly azy.

Ny fanahy rehetra dia voahodidin'ny tontolony manokana—tontolo izay mety ho feno finoana manana fahefana hanome fiainana, faherezana ary fanantenana. Tontolo izay mety ho feno hamamiana avy amin'ny hanitry ny fitiavana koa, na koa, mety ho feno ny vesatra sy ny hatsiaky ny haizina ateraky ny tsi-fahafahampo sy ny fitiavan-tena, na feno ny poizina avy amin'ny loto mahafaty entin'ny fahotana ankamamiana. Ny tontolo mihodidina antsika dia tsy maintsy miantraika amin'ny olona rehetra mifanerasera amintsika, na fanahy iniany na tsia.

Andraikitra iray tsy azontsika ialana izany. Ny fitenintsika, ny asantsika, ny fitafintsika, ny fitondrantenantsika, eny na dia ny endrika asehon'ny tarehintsika aza dia misy fiantraikany any amin'ny olona. Ankoatra ny fahatsapana aterak'izany, mbola eo koa ny vokany izay mety ho tsara, mety ho ratsy, kanefa tsy misy afaka andrefesana izany. Ny faniriana tsirairay niampita dia toy ny voa nafafy izay tsy maintsy hamoa. Izany no rohy mampifandray ao anatin'ny zava-miseho amin'ny fiainan'olombelona, mitohy hatrany amin'ny tsy fantatra hoe aiza.

Raha amin'ny alalan'ny ohatra asehontsika no ahitana fa manampy ny hafa amin'ny famolavolana fotokevitra tsara isika, amin'izany dia manome fahefana azy ireo hanao ny tsara isika. Ary ny fiainan'izy ireo kosa hisy fiantraikany any amin'olon-kafa ary ireto farany dia mbola hiantraika any amin'olona hafa koa. Araka izany, noho ny fiantraikan'ny zavatra ataontsika nefa tsy niniantsika, dia olona an'arivony maro no mety hahazo fitahiana.

Raha mitoraka vato mankany anaty farihy ianao, dia ho hitanao fa hisy onja hiforona, dia hisy iray koa, dia mbola misy iray hafa koa, dia mitombo hatrany ilay izy, mihalehibe hatrany ilay faribolana mandrapahatongany eny amin'ny sisiny. Tahaka izany ny zavatra mitranga amin'ny fiantraikan'ny zavatra ataontsika. Tsy takatry ny saintsika sy tsy voafehintsika fa izy dia mitonona fitahiana na fanozonana amin'ny hafa. (*To Be Like Jesus (Hitovy amin'i Jesôsy),* p. 96)

Raha ireo izay milaza azy ho mpanara-dia an'i Kristy no manao an-tsirambina ny fijoroana ho fahazavana eo anatrehan'izao tontolo izao, dia handao azy ilay hery velona, ho tonga mangatsiaka izy ary tsy hanana an'i Kristy. Hanaraka azy ireo ny tandindon'ny tsi-firaihana, ny firaikiraiken'ny fanahy tahaka ny efa maty, izay mahatonga azy ireo ho tenan'ny fahafatesana fa tsy solontena velona an'i Jesôsy. Tsy maintsy mitondra ny hazo fijaliany ny olona rehetra ary mandray ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy am-panetren-tena, amin'ny halemem-panahy ary amin'ny saina tsy mieboebo no sady manolo-tena tanteraka amin'ny fanampiana sy ny fanazavana ireo manodidina azy mila izany.

Izay rehetra manaiky ireo andraikitra ireo dia hanana traikefa isan-karazany maro sy hamirapiratan'ny hafanana ao am-pony. Hahazo hery izy ireo ary hoentanin'ny ezaka mihavao sy mahari-pery mba hitady ny famonjena ny tenany amin-tahotra sy ny hovitra, satria Andriamanitra mihitsy no miasa ao anatiny mba haniriany sy hanaovany izay mahafaly Azy. (*To Be Like Jesus (Hitovy amin'i Jesôsy),* p. 260)




# Andro 6 - Ny Alitara Fandoroana Ditin-Kazo Manitra

*“Ka mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana ho an’ny olona rehetra.*

*1 Tim. 2:1*

**Soso-kevitra ho an’ny fotoam-bavaka**

***Fiderana*** *(10 minitra eo ho eo)*

- Atombohy amin’ny fiderana an’Andriamanitra amin’ny maha-Izy Azy ny fotoam-bavaka (ny toetrany)
- Misaora an’Andriamanitra noho ny amin’i Jesôsy, izay naneho antsika fa mila manao fanelanelanana ho an’ny hafa isika.
- Misaora an’Andriamanitra amin’ny nanomezany antsika ny tombontsoa lehibe hanao fanelanelanana ho an’ny hafa.

***Fiaiken-keloka sy fitakiana fandresena amin’ny ota*** *(5 minitra eo ho eo)*

- Angataho Andriamanitra haneho anao izay ota tokony hanaovana fiaiken-keloka manokana. Takio ny fandreseny amin’ireo ota ireo.
- Mangataha famelan-keloka amin’ny fotoana tsy nivavahanao ho an’ny hafa
- Misaora an’Andriamanitra fa mamela ny helokao izy araky ny voalaza ao amin’ny 1 Jaona 1:9.

***Fangatahana sy Fanelanelanana*** *(35 minitra eo ho eo)*

- Mivavaha mba ho avy amin’ny Fanahy Masina ary hotarihiny toy ny alitaran’ny zava-manitra izay nohosorana diloilo (Eks 40:9) ny vavakao.
- Nametrahan’Andriamanitra enta-mavesatry ny olona iray ve ny fonao? Ento am-bavaka izy ireo.
- Sarotra ho anao ve ny manaiky ny olona sasany eo amin’ny fiainanao? Mivavaha ho azy ireo ary Angataho Andriamanitra hanome anao fitiavana azy ireo.
- Manaova vavaka fanelanelanana ho an’ireo efa nanolo-tena hitory teny.
- Ento am-bavaka ny mpitantana ny fiangonana, ny federasiona, ny “union”, ny “Conférence Générale”)
- Mahafantatra olona nisafidy ny hanalavitra an’Andriamanitra ve ianao? Ento am-bavaka izy ireny
- Ento am-bavaka ireo izay kivy sy mizaka enta-mavesatra

- Manaova vavaka fanelanelanana ho an'ireo miaina any amin'ny faritra maro olana mifandraika amin'ny fahafahana ara-pinoana eto an-tany ka misedra ady sarotra isan'andro amin'ny fijoroana ho mahatoky. Aoka Andriamanitra hameno hery azy ireo mba ho vavolombelon'ny hery mahavonjin'Andriamanitra izy ireo.
- Mivavaha ho an'ny mambra Advantista mitandrina ny andro fahafito rehetra maneran-tany mba hampiasain'ny Fanahy Masina amin'ny hetsika sy ny asa fitoriana ny filazantsara rehetra izay atao na isan-tarika izany na fijoroana ho vavolombelon'ny isam-batan'olona na asa fitoriana amin'ny any ivelany.
- Mivavaha ho an'ireo "centres d'influence" maneran-tany izay manabe, mitsabo, manoro fomba fiaina ara-pahasalamana, ary ireo izay mampifandray ny asa fitoriana amin'ny manodidina azy. Mivavaha mba hifanaraka amin'ny filan'ny olona ary hampifandray ny olona amin'i Jesôsy ny ataon'izy ireo.
- Mivavaha ho an'ireo mpitari-draharaha Advantista mba haneho ny fitiavan'i Kristy amin'ireo vondron'olona 691 ao amin'ireo firenena 8 ao amin'ny Diviziona Azia Pasifika
- Mivavaha mba hisian'ny firaisan-tsaina mifototra amin'ny fanetren-tena sy fanajana ny tenin'Andriamanitra, fifanajana, fanajana ny fandaminana isam-piangonana ary amin'ny vavaka mafana sy ny herin'ny Fanahy Masina eraky ny fiangonana sy ny rafitra maneran-tany. Mivavaha koa mba samy handray anjara mavitrika amin'ny iraky ny fiangonana dia ny fanambarana ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôkalipsy 14 ary ny anjely fahefatra ao amin'ny Apôkalipsy 18.
- Mivavaha mba ho tanteraka ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny fiangonany
- Mivavaha mba hahazo izay ilainy ary mba hanokatra ny fony ho an'ny Fanahy Masina ireo olona fito (na mihoatra) ao anaty lisitrao.
- Mivavaha ho an'izay ilainao manokana

***Fisaorana*** *(10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa mbola lehibe noho ny fitiavany ireo olona nentinao am-bavaka ny fitiavanao azy ireo.
- Mivavaha amin'Andriamanitra fa " ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina" (Rom. 8:26).
- Misaora an'Andriamanitra noho ny amin'i Kristy izay manao asa fanelanelanana ho antsika ao amin'ny efitra masina indrindra any an-danitra.

**Hira azo hiraina**

"For You I Am Praying" (*Hira laharana* 590) (Mivavaka ho anao aho); "Standing on the Promises" (*Hira laharana* 518) (Mijoro ao amin'ny teny fikasana); "I Need the Prayers" (*Hira laharana* 505) (Mila vavaka aho); "Take Time to Be Holy" (*Hira laharana* 500) (Manokàna fotoana mba ho masina); "'This the Blessed Hour of Prayer" (*Hira laharana* 501) (Ity ny ora masina fivavahana).

## Ny Alitara Fandoroana Ditin-Kazo Manitra

*"Ka mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana ho an'ny olona rehetra.*

*1 Tim. 2:1*

Efa vonona eo amin'ny alitara teo an-kianja ny sorona fanao isan'andro rehefa miditra ny fitoerana masina amin'ny fotoana fandoroana ditin-kazo manitra ny mpisorona isa-maraina sy isan-kariva. Fotoan-dehibe ho an'ny mpiankohoka mivondrona ao amin'ny tabernakely io. Mifantoka amin'ny fikatsahana ny fo sy ny fiaiken-keloka ireo mpiankohoka mialoha ny hidirany ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asa fisoronan'ireo mpisorona. Sady mibanjina ny fitoerana masina izy ireo no ampiraisin'ny vavaka mangina. Miakatra miaraka amin'ny setroky ny ditin-kazo manitra, noho izany, ny fangatahan'izy ireo arahin'ny finoana izay mifikitra amin'ilay Mpamonjy nampanantenaina fa efa nanao fifonana tamin'ny alalan'ny sorona.

Natao ho masina ireo fotoana fanaovana sorona isa-maraina sy isan-kariva ary natokana ho fotoana manokana hiankohofana manerana ny firenena Jiosy… Izany no nahazoan'ny kristianina ny ohatry ny vavaka maraina sy hariva. Melohin'Andriamanitra ny hetsika seremônialy tsy misy ny fanahin'ny fiankohofana fa sitrany kosa ireo izay tia Azy raha miankohoka isa-maraina sy isan-kariva mangata-pamelana amin'ny ota vita ary mangataka izay fitahiana ilainy. (*Patriarchs and Prophets*, pp. 353, 354)

*"Koa satria isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak'Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika, fa Izay efa nalaim-panahy tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'ny andro mahory".* (Heb. 4:14-16)

Ry rahalahy, mivavaha ao an-tokantrano, any anivon'ny fianakaviana, alina sy maraina; mivavaha mafy ao an'efitrao; ary asandrato ho any amin'Andriamanitra ny fanahinaa rehefa eo am-panaovana ny asanao an-davan'andro ianao. Toy izany no niarahan'i Enôka nandeha tamin'Andriamanitra. Hiakatra toy ny setroky ny ditin-kazo manitra eny amin'ny seza fiandrianan'ny famindrampo ny vavaka mangina sy mafana ataon'ny fanahy ka hahita fitia eo amin'Andriamanitra toy ny natolotra teo amin'ny fitoerana masina. Ho eo amin'ny fotoana ilàna azy i Kristy ho an'ireo izay mitady azy. Hatanjaka izy ireo amin'ny andron'ny fitsapana. (*Adventist Home,* pp. 212, 213)

Mila mivavaka amin'Andriamanitra mihoatra noho ny fanaontsika isika. Hery sy fitahiana lehibe no azontsika rehefa miara-mivavaka amin'ny fianakaviana, miaraka amin'ireo zanaka ary ho azy ireo isika. (*Child Guidance*, p. 525)

Tsy tokony ho fangatahan'ny tia tena izay tsy mihevitra afa-tsy ny tenany ny vavaka asandratsika. Mangataka isika mba hanome. Tokony ho araka ny fiainan'i Kristy ny fiainantsika. Hoy Izy: "Ary ho an'ireto no hanamasinako ny tenako, mba hanamasinan'ny fahamarinanao Azy." Jaona 17:19. Tokony ho fanoloran-tena sy fandavan-tena ary fanarahana ny tenin'Andriamanitra toy izay hita teo amin'i Kristy no ho hita amin'ny mpanompony. Tsy ny hanompo ny tenantsika na hanao izay hahafa-po antsika no iraka nampanaovana antsika eto amin'izao tontolo izao fa ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiarahana miasa Aminy hamonjena ireo mpanota. Mila mangata-pitahiana amin'Andriamanitra isika mba ho afaka hifandray amin'ny hafa. Arakaraka ny hizarantsika no ahazoantsika mandray. Tsy afaka ny hanohy handray ny haren'ny lanitra isika raha tsy mifandray amin'ny manodidina antsika. (*Christ's Object Lessons*, pp. 142, 143)

Very hevitra sy tsy manana herin-tsaina intsony ny sasany amin'ireo fanahy. Miresaha amin'izy ireo. Mivavaha ho azy. Ao ireo mila mofon'aina. Amakio tenin'Andriamanitra izy ireo. Ao ireo manana aretim-panahy tsy sitram-panafody, tsy afaky ny menaka. Mivavaha ho azy ireo ary ento ho eo amin'i Jesôsy izy ireo mba ho eo sy hikasika ny fon'ny tsirairay i Kristy amin'ny asa rehetra izay ataonao. (*Welfare Ministry*, p. 71)

Ho vonton'ny famindrampon'Andriamanitra ny fontsika rehefa mitady izay hitondrana ny hafa eo amin'i Kristy isika ka mizaka ny vesatry ny fanahy sasany amin'ny alalan'ny vavaka. Hamirapiratra ao amintsika ny fitiavan'Andriamanitra ary ho tena izy, ho matotra kokoa ary ho votom-bavaka ny fiainantsika amin'ny maha-kristianina antsika. (*Christ's Object Lessons*, p. 354)

Rehefa maty ny izaho, dia hiboiboika ny fitiavana hamonjy ny hafa; fitiavana mitarika antsika hiezaka hatrany hanam-paharetana amin'ny fanaovan-tsoa. Hisy famafazana eo akaikin'ny rano rehetra; hiditra any an-danitra amin'ny anaran'ireo fanahy ory ny fangatahana sy ny vavaka.

Mila tadiavina, hivavahana ary hiasana ireo fanahy. Mila fahamatorana amin'ny antso atao. Mila manandratra vavaka mafana. Mila ovana mba ho matotra sy mafy ny fangatahantsika mahazatra izay tsy ampy fanahy. (*Testimonies for the Church*, vol. 7, p. 12)

Manomboha mivavaka ho an'ireo fanahy, manatona an'i Kristy, eo anilan'ny faritra noratràna taminy. Aoka ny hery miasa manginan'ny fanahy hamelombelona ny fiainanao ary aoka ny fitarainana matotra, feno ratra ary fanetren-tena hiakatra any Aminy ary hiova ho fahendrena hahombiazanao amin'ny famonjena ny fanahinao sy ny an'ny hafa. (*Testimonies for the Church,* vol. 1, p. 513)




## Andro 7 - Ilay Fiara: Ny Tehin'i Arôna

*"Tsy hianareo no nifidy ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona". Jaona 15:16*

### Soso-kevitra ho an'ny fotoam-bavaka

***Fiderana** (10 minitra eo ho eo)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra amin'ny maha-Izy Azy ny fotoam-bavaka (ny toetrany)
- Misaora an'Andriamanitra noho ny niantsoany antsika hamoa voa.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny nahafahantsika mamoa ary noho ny hitoeran'ny voantsika rehefa mitoetra ao amin'i Kristy isika.

***Fiaiken-keloka sy hiaka fandresena amin'ny ota** (5 minitra eo ho eo)*

- Angataho Andriamanitra haneho anao izay ota tokony hanaovana fiaiken-keloka manokana. Takio ny fandreseny amin'ireo ota ireo.
- Mangataha famelan-keloka noho ny amin'ireo fotoana izay tsy nahafahanao namoa.
- Mangataha famelan-keloka noho ny amin'ireo fotoana izay nanandramanao hamoa amin'ny herin'ny tenanao.
- Misaora an'Andriamanitra fa mamela ny helokao Izy araka ny voalaza ao amin'ny 1 Jaona 1:9.

***Fangatahana sy Fanelanelanana** (35 minitra eo ho eo)*

- Mivavaha mba ho toy ny tehin'i Arona izay namoa (Nom. 17:8) dia mba hahazo fitahiana avy amin'ny vokatry ny fanahy (Gal 5:22,23) ireo olona manodidina anao.
- Mivavaha mba hampianarin'Andriamanitra anao ny fiainana miafina ao amin'i Kristy.
- Angataho Andriamanitra mba hanampy anao hiaina fiainana mifototra amin'i Kristy mba ahafahana mamoa.
- Angataho Andriamanitra hanampy anao hitombo ao amin'ny fahasoavana.
- Mifandray amin'ny inona ianao mandritra ny tontolo andro? Angataho Andriamanitra hanampy anao hanana fifandraisana tsy tapaka Aminy ahafahanao maneho Azy amin'ny manodidina anao.
- Avy aiza no ahazoanao ny herinao? Angataho Andriamanitra hanome anao hery avy any aminy.

- Mivavaha mba hirindran'ny asa fitoriana maneran-tany mifantoka amin'ny asa fitoriana an-tanan-dehibe sy any ambanivohitra.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanomanany ireo tanora am-perin'asa hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 ao amin'ny firenena 9 any amin'ny Diviziona Amerika Avaratra.
- Angataho Andriamanitra mba hanokatra varavarana ahafahana manofana misionera mpanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 676 ao amin'ireo firenena 9 ao amin'ny Diviziona Amerika Atsimo.
- Mivavaha ho an'ireo vondron'olona 541 ao amin'ireo firenena 18 ao amin'ny Divizionan'ny Afrika Atsimo sy ny Ranomasimbe Indiana.
- Mivavaha mba homanin'ny Fanahy Masina ireo mambran'ny fiangonana ka hanaraka akaiky sy handrindra ireo mpihaino ny Radio Advantista maneran-tany any an-drenivohitra.
- Mivavaha ho an'ny hetsiky ny Departemantan'ny tanora hoe "One Year in Mission (OYIM)" midika hoe iray taona ao amin'ny Iraka izay manao ezaka hanofana ireo mpitarika ho an'ny taranaka manaraka.
- Mivavaha mba hitombo ny fiaraha-miasa amin'ny fiangonana sy ny departemanta tsirairay amin'ny asa fitoriana lehibe hikendrena ny tarigetrantsika maneran-tany.
- Mivavaha mba hitombo ny fanapariahan'ny mambra ireo boky Advantista (na voatonta na tsia) ary mba hisian'ny fifantohana ao amin'ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny boky.
- Mivavaha ho an'ireo olona 7 ao anaty lisitrao mba hahitany fa mila miorina ao amin'i Kristy izy ka hamoa.
- Mivavaha ho an'izay zavatra ilainao manokana

***Fisaorana*** *(10 minitra eo ho eo)*

- Misaora an'Andriamanitra fa tsy misy afa-tsy ny fiorenana ao Aminy no ahafahanao mamoa voa.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny amin'i Kristy izay herinao.
- Misaora an'Andriamanitra fa tiany ho tonga fitahiana ho an'ny hafa ianao.

**Hira azo hiraina**

"God is so Good" (Tena tsara Andriamanitra); "Give of Your Best to the Master" (*Hira laharana* 572) (Manolotra ny tsara indrindra ho an'ny Tompo); "I'll Go Where You Want Me to Go" (*Hira laharana* 573) (Handeha ho an'ny amin'izay tianao hitondrana ahy aho); "So Send I You" (*Hira laharana* 578) (Indro ary alefako ianao); "Let Your Heart Be Broken" (Hira laharana 575*)* (Aoka haratra ny fonao); "Not I, but Christ" (*Hira laharana* 570) (Tsy izaho fa i Kristy); "Make Me a Captive, Lord" (*Hira laharana* 568) (Ataovy toy ny gadra aho, Tompo).

## Ilay fiara: Ny tehin'i Arona

*"Tsy hianareo no nifidy ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona.." Jaona 15:16*

Hanana fanahy tia mamita iraka ny kristianina tsirairay. Ny atao hoe mamoa dia miasa araka ny nataon'i Kristy, tia ireo fanahy araka ny nitiavany antsika. Ny fitondrana ny hafa eo amin'Ilay Mpamonjy no faniriana voalohan'ny fo voaova. Avy hatrany dia manam-paniriana ny hitondra ireo ao amin'ny haizina ho ao amin'ny fahazavana avy amin'ny tenin'Andriamanitra ny olona iray vantany vao resy lahatra amin'ny fahamarinana. (*To Be Like Jesus,* p. 281)

Mitady izay hidirany ao am-pon'ny olona i Kristy; ary amin'ny alalan'ireo mino Azy no hanaovany izany. Ny fiainana kristianina dia mifototra amin'ny fitondrana voa - ny famerenana ny toetran'i Kristy ao amin'ny mpino, mba hiverenan'izany ao amin'ny hafa.

Tsy mitsimoka na mitombo na mamoa voa ho an'ny tenany ny zava-maniry fa mba hanome voa ho an'ny mpamafy, mofo ho an'ny mpihinana. Tsy misy olona tokony hiaina ho an'ny tenany. Misolo tena an'i Kristy eto an-tany ny Kristianina, mba hamonjena ny fanahy hafa.

Tsy hitombo ary tsy hamoa mihitsy ny fiainana mifantoka amin'ny tena. Raha nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjinao ianao dia tokony hanadino ny tenanao ary hiezaka hanampy ny hafa. Miresaha ny fitiavan'i Kristy, zarao ny hatsarany. Ataovy izay asa rehetra tojo eo aminao. Zakao ny enta-mavesatr'ireo fanahy izay tonga ao am-ponao ary ataovy izay hamonjena ireo very. Arakaraka ny handraisanao ny fanahin'i Kristy - Fanahin'ny fitavana tsy tia tena sy fanompoana ny hafa - no hitomboanao sy hahatonga anao hamoa voa tsara. Hahamatotra ny toetranao ny fahasoavan'ny fanahy masina. Hitombo ny finoanao. Hihalalina ny faharesen-dahatrao, ho tanteraka ny fitiavanao. Ho hita taratra eo aminao hatrany ny fitoviana amin'i Kristy amin'izay rehetra madio, manan-kaja, mahate ho tia. (*Lift Him Up,* p. 274)

Mivonòna ianao ho isan'ireo sampan'ny foto-boaloboka velona izay mamoa. Tsy afaka hamony ny sampana raha tsy mandray aina sy hery avy any amin'ny fototra. Hatsarao ny fifandraisanao manokana amin'i Kristy. Amin'ny alalan'ny finoana Azy, ny fitiavana Azy, ny fanahafana Azy ary ny fiankinana tanteraka Aminy no ahatonga anao ho iray ao aminy; ary ho hita taratra maneran-tany amin'ny alalan'ny fiainanao ny fiainany. (*Our High Calling,* p. 145)

*"Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro hianareo".* Jaona 15:8

Ho vontom-pahamasinana ny fanahinao ka hamirapiratra ny fitiavan'i Jesôsy ny fonao. Mitoera ao amin'i Kristy tahaka ireo sampana mitoetra ao amin'ilay foto-boaloboka; hamokatra tokoa ianao satria handray tsiro avy amin'ny fototra ary ho maro ny voa hoentinao ho voninahitr'Andriamanitra. Tena mila mampifantoka ny fijerinao amin'i Jesôsy ianao! Banjino hatrany ny hatsarany. Arakaraka ny hibanjinanao ny hatsarany no hampamirapiratra izany ka hahatonga anao ho rakotry ny fahafenoan'Andriamanitra ary hamoa ho voninahiny. Tsy ho voahozongozon'ny rivotra ny sampana satria miorim-paka amin'ny fototra. Ho hitan'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny tanjaka sy ny fitomboanao mahery vaika fa mifototra ao amin'i Jesôsy, fototra azo antoka ianao. (*Our High Calling,* p. 216)

Mpisolo tena ilay foto-boaloboka ny sampana rehetra izay mamoa satria mitondra ny voa avy amin'iny fotony iray iny… Hasehon'ny sampana tsirairay raha velona izy na tsia. Raha velona izy dia hisy fitomboana.

Hita taratra amin'ny voa izay entin'ireo sampana fa manome aina ny foto-boaloboka ary miampita hatrany izany toetra manokana ananany izany. (*From the Heart,* p. 119)

*"Fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena".* (2 Pet. 3:18)

Tsy maintsy raiki-tampisaka ao amin'ny ny fivoaran'ny toetra ny fahasoavan'i Kristy… Manjary toy ny lanitra feno fiadanana ny fanahy rehefa mitombo isan'andro ao amin'i Kristy; hitohy hatrany ny fitondrana voa ao amin'ny fiainana toy izany… Ho hita ao amin'ny fiainan'ireo voavidy tamin'ny ran'i Kristy hatrany ny fanoloran-tena. Toy izany koa ny fahatsarana sy ny fahamarinana. Hahatonga ny fiainana ho araka an'Andriamanitra, ho vontom-pinoana sy ho feno fanetren-tena ary faharetana ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra izay miainga avy any anaty. Toy izany no tokony ho fanandramantsika isan'andro. Mila mamolavola toetra tsy misy ota isika - toetra nohamarinina amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy ary ao Aminy. (*God's Amazing Grace,* p. 320)

. Fanirian'ny Tompo ny hitomboan'ny mpanaraka Azy ao amin'ny fahasoavana, ny hipariahan'ny fitiavan'izy ireo hahatonga azy ireo ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana… Hitombo sy hamoa hatrany raha mbola misy ny aina; saingy raha tsy mitombo ao amin'ny fahasoavana dia hihena, harary ary tsy hisy voany ny fiainana ara-panahy. Amin'ny alalan'ny fitomboana sy ny fitondrana voa ihany no hahatrarantsika ny planin'Andriamanitra ho antsika. "Izany no ankalazana ny Raiko," hoy i Kristy, "mba hamoazanareo" (Jaona 15:8). Mila hararaotina ny zava-tsoa rehetra ananantsika mba hamoazantsika bebe kokoa. Mila ampiasaina ny tombon-tsoa rehetra nomena antsika mba hahazoantsika hery.




# Andro 8 - Ny Mana

*"Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao."*

*Jaona 6:51*

## Soso-kevitra amin'ny Fotoam-bavaka

***Fiderana*** *(eo ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra noho ny toetrany sy ny maha-Izy Azy ny fotoam-bavakao.
- Derao Andriamanitra noho ny amin'i Jesôsy izay Mana nilatsaka avy any an-danitra.
- Derao Andriamanitra noho ny Teniny izay hamokisantsika ny tenantsika.

***Fiaiken-keloka sy Fitakiana ny fandresena amin'ny fahotana*** *(eo ho eo amin'ny 5 minitra)*

- Mangataha an'Andriamanitra ny haneho anao hoe inona no fahotana tokony hangatahanao famelan-keloka. Takio ny fandreseny amin'ireny fahotana ireny.
- Mangataha famelan-keloka amin'Andriamanitra noho ireo fotoana izay nisafidiananao ny tsy hihinana ny Mana avy any an-danitra.
- Mangataha famelan-keloka amin'Andriamanitra noho ireo fotoana izay nisafidiananao ny hamoky ny tenanao amin'ny zava-poana sy tsy maharitra.
- Misaora an'Andriamanitra satria mamela ny helokao izy araka ny voalazan'ny 1 Jaona 1:9.

***Fitalahona sy Fanelanelanana*** *(eo ho eo amin'ny 35 minitra)*

- Tahaka ny nanangonan'ny Isiraelita mana isa-maraina vao mangiran-dratsy, dia mivavaha mba hikatsaka ny hanana fanadramana vaovao isan'andro amin'ny Tompo isika, mihinana ny nofony sy misotro ny rány amin'ny alalan'ny fanoloran-tena tanteraka ho Azy amim-pankatoavana.
- Mivavaha mba hahafahan'ny isam-batan'olona mahatsapa fa miha-manakaiky ny fitsarana antsika. Aoka mba hamela ny Fanahy Masina hanao izay rehetra tokony hataony eo amin'ny fiainantsika isika tsirairay avy mba hamolavolana ny toetrantsika.
- Mangataha an'Andriamanitra mba hamahana anao amin'ny Mana avy any an-danitra.
- Mangataha an'Andriamanitra hanome anao ny Fanahiny Masina mba hahafahanao mahatakatra ny Teniny sy mahatakatra ny fahamarinana.
- Mangataha mba hanomezan'Andriamanitra anao fiainam-baovao raha mamaky ny Teniny ianao sy mandinika an'i Kristy sy ny Fiainany.

- Mangataha amin'Andriamanitra ny mba hanampiany anao hampifantoka ny sainao amin'ny zavatra izay mampivelatra ny ara-panahinao ihany.
- Mivavaha mba hihinana ny Mana avy any an-danitra isan'andro ireo mpitarika ny fiangonana (ny pasitora eo an-toerana, ny mpitarika ny federasiona sy ny misiona, ny fivondronambe, ny divisiona ary ny fiangonana maneran-tena) sy ny fianakavian'izy ireo.
- Mivavaha ho an'ireo mpamaky lain'ny Misiona Maneran-tany an'arivony maro izay managana fiangonana; maro amin'izy ireo no ao anaty toe-javatra mampidi-doza. Mivavaha mba ho voaro izy ireo, mivavaha koa ho an'ny fahendreny sy ho an'ny fahombiazany.
- Mivavaha ho an'ny fahatokiana amin'Andriamanitra, ny Teniny, ny hafatra Advantista, sy ny Iraka nampanaoviny antsika. Mivavaha ho amin'ny fahavononantsika hanaraka Azy amin'ny zava-drehetra, ary mangataha mba hanehony ny Heriny eo amin'ny fiainantsika.
- Mivavaha mba ho maro ireo tonga manatrika ny Sekoly Sabata, izay hifantohan'ny mambra sy ireo vahiny amin'ny firaisan-kina, amin'ny iraka nampanaovina, ny fianarana ny Baiboly ary ny fanatrarana ireo olona manodidina.
- Mivavaha mba hisy fifohazana lehiben'ny toetra manahaka ny an'Andriamanitra manerana ny fiangonan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Mivavaha mba ahafahantsika mijoro ho an'ny finoana na dia mafy aza ny ady.
- Mivavaha mba hamolavolan'Andriamanitra tanora hanao mpianatra ao amin'ireo antokon'olona 1,459 ao anatin'ireo firenena 20 ao amin'ny Divisiona Pasifika Atsimo.
- Mivavaha mba hahitan'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitra nataonao ny filàn'izy ireo ny hihinana amin'ny Mana avy any an-danitra.
- Mivavaha ho an'ireo zavatra ilain'ny tenanao manokana.

***Fisaorana*** *(eo ho eo amin'ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa rehefa mihinana ny hanina omeny ianao dia tsy ho noana intsony.
- Misaora anAndriamanitra fa nasehon'i Jesôsy antsika hoe ahoana no hihinanana amin'ny Mana avy any an-danitra.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny herin'ny Teniny.

**Hira azo hiraina**

"Break Thou the Bread of Life"(*Vakio ny mofom-piainana)* (*Hira l aharana* 271); "Give Me the Bible"*(Omeo ahy ny Baiboly)* (*Hira laharan* 272); "I'd Rather Have Jesus"(*Aleoko manana an'i Jesôsy)* (*Hira laharana* 327); "Open My Eyes That I May See"(*Sokafy ny masoko mba ahitako)* (*Hira laharana* 326); "Take the World, but Give Me Jesus"*(Alaivo izao tontolo izao fa omeo ahy Jesôsy)* (*Hira laharana* 329).

## Ny Mana

*"Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao." Jaona 6:51*

Nasaina nanangona eran'ny vata omera isan'olona isan'andro ny Isiraelita, ary tsy tokony namelana ho tra-maraina izany. Nanandrana ny hitahiry ho amin'ny andro manaraka ny sasany, kanefa dia hita fa tsy azo nohanina intsony izany. Ny tokony hohanina mandritra io andro io dia angonina amin'ny maraina; fa izay tavela eo amin'ny tany dia levon'ny masoandro… Tamin'ny andro fahenina dia nanangona eran'ny vata omera roa isan'olona izy ireo. Nilaza faingana tamin'i Mosesy ny zavatra nataon'ny olona ireo mpanapaka. Hoy ny valin-teniny, "Izao no lazain'i Jehovah: Rahampitso dia tena andro fitsaharana masina ho an'i Jehovah; koa manendasa izay hendasinareo, ary mahandroa izay hahandroinareo, ary izay sisa rehetra dia avelao ho anareo, hotehirizina ho tra-maraina." (*Patriarika sy Mpaminany*)

Ny Mana izay latsaka avy any an-danitra mba hamokisana ny Isiraely, dia karazan'ilay Izy izay avy amin'Andriamanitra mba hanome fiainana ho an'izao tontolo izao. Hoy Jesôsy, *"Izaho no mofon'aina. Ny razanareo nihinana ny mana tany an-efitra, nefa maty ihany. Ity no mofo izay midina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy. Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao."* Jaona 6:48-51. Ary anisan'ireo fampanantenam-pitahiana ho an'ny olon'Andriamanitra amin'ny fiainana ho avy dia voasoratra fa, "*Izay maharesy dia homeko mana miafina*." Apôkalipsy 2:17. (*Patriarika sy Mpaminany*)

Ny Mpamonjy antsika no mofon'aina, ary amin'ny fibanjinana ny fitiavany, amin'ny fandraisana izany ao amin'ny fanahy, no hihinanantsika ny mofo izay nidina avy any an-danitra. Mandray an'i Kristy amin'ny alalan'ny teniny isika, ary omena antsika ny Fanahy Masina mba hahafahantsika mahatakatra ny tenin'Andriamanitra, ka mitondra ny fahamarinany ao am-pontsika. Tokony hivavaka isan'andro isan'andro isika mba handefasan'Andriamanitra ny Fanahiny hampahafantatra antsika ny fahamarinana izay hampahery ny fanahintsika amin'ny filàntsika andavanandro rehefa mamaky ny teniny isika. (*Prayer*)

Ny fibanjinana mandrakariva an'i Jesôsy amin'ny mason'ny finoana no hampahery antsika. Hanao ny fanambarana sarobidy indrindra Andriamanitra ho an'ny vahoakany noana sy mangetaheta. Hahita izy fa Mpamonjy ny tenanany manokana Kristy. Rehefa mivelona amin'ny teniny izy, dia hitany fa fanahy sy aina izany. Mamono ny toetra ara-nofo araka izao tontolo izao ny teny, ary mizara aina vaovao ao amin'I Kristy Jesosy. Tonga eo amin'ny fanahy amin'ny maha-Mpananatra azy ny Fanahy Masina. Noho ny fiasan'ny fahasoavany manova, dia tafafindra eo amin'ny mpianatra ny herin'I Kristy; manjary olom-baovao izy. Maka ny toeran'ny fankahalana ny fitiavana, ka mandray ny fitovizana amin'Andriamanitra ny fo. Izany no atao hoe mivalona "amin'ny teny rehetra izay aloakin'ny vavan'Andriamanitra". Izany no mihinana ny Mofo nidina avy tany an-danitra. (*Ilay Fitiavana mandresy,* p. 412-413)

Fenoy tenin'Andriamanitra ny fo manontolo. Rano velona izy ireo, manala ny hetahetanao lalina. Mofo velona avy any an-danitra izy ireo. Nilaza I Jesosy, "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny ràny ianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo." (Jaona 6:53.) Ary manazava izy amin'ny filazana hoe, "Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana." (Jaona 6:63.) Ny vatantsika dia avy amin'izay zavatra hanintsika sy

sotrointsika; ary ny zavatra tokony hatao, na amin'ny ara-batana na amin'ny ara-anahy, di any mifantoka amin'izay hanome hery sy tanjaka ny fanahinsika. (*Fanabeazana Kristianina,* p. )

"Manana ny tenin'Andriamanitra velona ianareo, ary mety manana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina mba ahatonga izany teny izany ho hery ho an'ireo izay mino sy mankato ihany koa ianareo. Ny asan'ny Fanahy Masina dia ny hitarika amin'ny fahamarinana rehetra. Rehefa miantehatra amin'ny tenin'Andriamanitra velona amin'ny fo sy saina ary fanahy ianao, dia tsy ho voasembantsembana ny fantsom-pifandraisana. Ny fandinihana lalina sy amim-pahatsoram-po ny soratra eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia hanome anao mana vaovao, ary io Fanahy io ihany no ahatonga ny fampiasana izany hitondra vokatra. Ny fiezahan'ny tanora hifehy ny saina ho amin'ny faniriana ambony sady masina dia ho valina soa. Ireo izay manao ezaka amin'izany lalana , mampifantoka ny sainy amin'ny fahatakarana ny tenin'Andriamanitra, dia homanina ho mpiara-miasa amin'Andriamanitra. (*Testimonies for the Church*, vol. 6, pp. 163, 164)

Ireo izay mifanerasera amin'ny Kristianina dia manana zo ny ahafantatra izay zavatra nampahafantarina an'ny mpanara-dia an'I Kristy, ary tokony hampahafantara izany izy na amin'ny fampianarana na amin'ny ohatra asehony. Ny Kristianina dia tokony hanambara ny vaovao mahafalin'ny famonjena, ary tsy sasatrin'ny milaza ny hatsaran'Andriamanitra izy. Misintona mandrakariva miaraka amin'I Kristy izy, ary msintona mandrakariva avy amin'I Kristy, mihinana ny nofo sy misotro ny ràn'ny Zanak'Olona, izay araka ny nambaran'I Jesosy dia ny teniny izany, izay fanahy sy fiainana. Noho izany dia hanana mana avy any an-danitra vaovao mandrakariva isika. Ny Kristianina tsirairay avy, na ambony na ambany, na manan-karena na mahantra, na manam-pahaizana na tsia, dia tokony hiresaka momba ny fanjakan'Andriamanitra, hilaza momba ny amin'ny Kristy sy ny fanombona Azy teo amin'ny hazo fijaliana, amin'ireo izay ao amin'ny tsy fahalalana sy ny ota. Tokony miresaka amin'ireo mpanota ianao; sa tsy fantatrao fa mikasika ny fony Andriamanitra. Aza adino mandrakariva fa misy andraikitra lehibe amin'ny teny rehetra izay lazainao eo anoloan'izy ireo. . . (*The Publishing Ministry,* p. 285)




## Andro 9 - Ny Lalàn'Andriamanitra

*"Ampahirato ny masoko, mba hahitako Zava-mahagaga ao amin' ny lalànao"*

*Sal. 119:18*

### Soso-kevitra hitondrana ny fotoam-bavaka

***Fiderana*** *(manodidina ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra noho ny fitiavany antsika sy ny nanomezany ny didiny ho antsika ny fotoam-bavaka.
- Miderà an'Andriamanitra satria ny Lalàny dia fitiavana.
- Miderà an'Andriamanitra satria tiany hosoratana ao am-ponao ny Lalàny.

***Fifonana sy Fangatahana hery handresena ny fahotana*** *(manodidina ny 5 minitra)*

- Angataho Andriamanitra mba haneho anao ny ota tokony hifonanao ao amin'ny mangingina. Takio Aminy ny hery handresena ny fahotana.
- Angataho Andriamanitra mba hamela ny helokao noho ny nanaovanao safidy mifanohitra amin'ny Lalàny.
- Misaora an'Andriamanitra fa namela anao Izy araka ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana*** *(manodidina ny 35 minitra)*

- Angataho amin'Andriamanitra ny hanoratan'ny Fanahiny masina ao an-tsainao sy ao am-ponao ny Lalàny araka ny fampanantenana ao amin'ny Hebreo 10:15-17.
- Angataho Andriamanitra mba hanampy anao hiaina fiainana feno hafaliana ao amin'i Kristy.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hampitsiry fitiavana ao am-ponao ho Azy sy ho an'ireo manodidina anao.
- Mangataha an'Andriamanitra mba hanampy anao hiaina fiainana maneho amin'ny hafa fa ny Lalàny dia Lalàn'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olona.
- Angataho Andriamanitra mba hanampy anao handà tena noho ny Fahamarinana ka haneho toetra feno fahamasinana eo amin'izao tontolo izao.
- Mivavaha mba ahafahan'ny Fiangonana mampiasa ireo haino aman-jery sy fitaovam-pifandraisana rehetra hanapariahana ny hafatry ny anjely telo amin'ny fomba tsotra, azo ampiharina sy velabelarina amin'ireo olon'ny taonjato fahiraika amby roapolo.
- Mivavaha mba hisian'ny fifantohana maharitra amin'ny foto-pinoan'ny famoronana ao amin'ny Baiboly, izay maneho fa tao anatin'ny enina andro ara-bakiteny sy misesy no namoronan'ny Tompo izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny teniny.

- Mivavaha mba hitombo ny fandraisan'ireo Fikambanan'ny fiangonana tsirairay anjara amin'ny asa fitoriana any ivelany eo am-panohanana ny iraka nampanaovina ny fiangonana.
- Mivavaha mba hisian'ny fanekena lalina ny ministeran'ny fahasalamana ("Asa fitoriana eo amin'ny lafiny fahasalamana") ao am-pon'ny mambran'ny fiangonana ka hahatonga azy ireo hanahaka ny toetran'i Kristy tsy misy fitiavan-tena izay mamaly ny filàn'ny hafa.
- Mivavaha ho an'ireo tra-boina mijaly manerana izao tontolo izao. Mivavaha manokana ho an'ireo mponina any amin'ny firenena sarotra anaovana asa fitoriana mba ho tonga mpino an'i Jesôsy rehefa mifandray amin'ny Kristianina.
- Mangataha amin'Andriamanitra mba hiantsoany ireo Mpampianatra sy Mpanabe efa misotro ronono hiasa amin'ireo vondron'olona miisa 2,566 eo anivon'ireo firenena 14 manerana ny Diviziona Pasifika Azia atsimo.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanandratra tafiky ny vavaka fanelanelanana ho an'ireo vondron'olona miisa 2,568 eo anivon'ireo firenena 4 manerana ny Diviziona Azia atsimo.
- Mivavaha ho an'ny Sekoly Sabata/Departemantan'ny Asa Fitoriana isam-piangonana mba hikatsaka ny planan'Andriamanitra eo am-panaovana ny asa eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly sy ny Fijoroana ho vavolombelona.
- Mivavaha mba hahatonga ireo olona fito (na mihoatra) ao anatin'ny lisitra nataonao hahatsapa fa ny Lalàn'Andriamanitra dia Fitiavana, ka raha tia Azy izy ireo dia hitandrina ny didiny.
- Mivavaha ho an'izay mety ho filànao manokana.

***Fisaorana*** *(manodidina ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra noho ny nanomezany antsika ny Lalàny hitari-dàlana antsika.
- Misaora an'Andriamanitra noho ny niantsoany antsika haneho ny fitiavany amin'ny hafa.
- Misaora an'Andriamanitra fa ny Lalàny izay mitoetra ao am-pontsika dia afaka hitarika antsika ho liana amin'ny zavatra avo sady maharitra mandrakizay.

**Hira handravahana ny fotoana**

"Trust and Obey" (Aoka hatoky sy hankatò – *Hira laharana* 590); "We'll Build on the Rock" (Hanorina eo ambonin'ny Vatolampy – *Hira laharana* 531); "A Mighty Fortress" (Fialofana mahery – *Hira laharana* 506); "Draw Me Nearer" (Ampanakaikezo aho Tompo – *Hira laharana* 306); "Wholly Thine" (Anao tanteraka aho – *Hira laharana* 308).

## Ny Lalàn'Andriamanitra

*"Ampahirato ny masoko, mba hahitako Zava-mahagaga ao amin'ny lalànao"*

*Sal. 119:18*

Ny Lalàn'Andriamanitra dia Lalàn'ny fitiavana. Nofenoiny hatsarana manodidina anao mba hampianatra anao fa tsy ny hikatsaka fatratra tombontsoa samirery, ka hihady sy hanorina, na hisasatra sy hanefy no nametrahana anao teto an-tany fa hampamirapiratra sy hitondra hafaliana ary hatsarana ny fiainana miaraka amin'ny fitiavan'i Kristy – toy ny voninkazo, hamalifaly ny fiainan'ny hafa amin'ny alalan'ny asa fanompoana feno fitiavana. (*Thoughts from the Mount of Blessing*, t. 97)

*"Tsy misy tsiny ny lalàn'i Jehovah, mamelombelona ny fanahy; mahatoky ny teni-vavolombelon'i Jehovah, mahahendry ny kely saina. Mahitsy ny fandidian'i Jehovah, mahafaly ny fo; madio ny didin'i Jehovah, mampahazava ny maso".* (Sal. 19:7,8)

Ny asa fanompoana Kristianina manatratra izao tontolo izao, dia tsy natao mba hampihen-danja ny Lalàn'Andriamanitra tsy akory, na hanimba ny fahamendrehana masina amin'ny lafiny bitika indrindra, fa ny hanoratra izany Lalàna izany ao an-tsaina sy ao am-po. Rehefa miraikitra ao amin'ny fanahin'ny mino ny Lalàn'Andriamanitra, dia manakaiky ny fiainana mandrakizay hatrany izy amin'ny alalan'ny fahamendrehan'ny Kristy…

Tanteraka ny tanjon'ny filazantsara rehefa tratra izany fiafarana lehibe izany. Nandritra ireo taonjato maro nifandimby, Andriamanitra dia nampiray ny fon'ireo mpanara-dia Azy ao anatin'ny firahalahiana, amin'ny finoana ny fahamarinana, mba hametrahana rafi-pandaminana mirindra toy ny any an-danitra eo anivon'ny ankohonan'Andriamanitra etỳ an-tany, ka ho mendrika ny ho isan'ny mambran'ny fianakaviamben'ny Mpanjaka ao ambony. Andriamanitra, amin'ny fahendreny sy ny famindrampony, dia mizaha toetra ny lehilahy sy vehivavy, raha toa ka hankatò ny feony sy hanaja ny Lalàny, na hikomy tahaka izay nataon'i Satana izy ireo… (*Sons and Daughters of God,* t. 50)

Fa izao no fitiavana an' Andriamanitra, dia ny hitandremantsika ny didiny, sady tsy mavesatra ny didiny. Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika. (1 Jao. 5:3,4)

Koa satria ny Lalàn'ny fitiavana no fototry ny fitantanan'Andriamanitra, noho izany miankina lehibe amin'ny fanarahan'ireo voary ny fitsipiky ny fahamarinana ny fifalian'izy ireo. Irin'Andriamanitra ny hanaovan'ireo voariny asa fanompoana feno fitiavana – asa fanompoana noho ny fankasitrahana ny toetrany. Tsy mahita fifaliana velively amin'ny fankatoavana amin-katerena Izy; fa manolotra kosa fahafahana ho an'ny rehetra, mba hanompo Azy an-tsitrapo. (*Patriarka sy Mpaminany*, t. 34)

Nomen'Andriamanitra ho an'ny olona ny Lalàny mba hanehoana ny toetrany. Ka amin'ny alalan'izany Lalàna izany no ahitanao sy handresenao ny kilema rehetra eo amin'ny toetranao. Hanafaka anao amin'izay mety ho sampy rehetra izany, ka hampifandray ny tenanao amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra amin'ny rojo volamenan'ny fahasoavana sy fahamarinana. (*Bible Echo,* 14 Jan, 1901, par. 3)

Miantso ny rehetra mba hanolotra vatana, saina ary fanahy ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona ny Lalàn'ny fitiavana. Ary izany fanompoana izany, izay mahatonga antsika ho fitahiana ho an'ny hafa, no mitondra ny fitahiana lehibe indrindra ho antsika. Manakona ny tena fandrosoana marina ny fitiavan-tena. Mandray ny kolontsaina ambony indrindra amin'ny fahaiza-manao rehetra isika rehefa manao asa fanompoana tsy misy fitiavan-tena. (*Counsels to Parents, Teachers, and Students,* p. 32)

Ny Lalàn'Andriamanitra no zioga mamatotra antsika amin'ny asa fanompoana. Ilay Lalàn'ny fitiavana lehibe naseho tao Edena, notorina teo Sinay, ary nosoratana tao am-po araka ny fifanekena vaovao, no mamatotra ny taranak'olombelona amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Raha toa mantsy isika ka navela hanaraka ny fironana maha-olombelona antsika, ka handeha araka izay hitarihan'ny sitrapontsika antsika, dia azo antoka fa ho latsaka ao an-daharan'i Satana ary hanana ny toetrany. Noho izany, mitarika antsika hanao ny sitrapony, izay ambony sy manan-kaja ary manandratra, Andriamanitra. Iriny tokoa ny handraisantsika ny andraikitry ny fanompoana amim-pahendrena sy amim-paharetana. Dia ilay ziogan'ny fanompoana izay noraisin'i Kristy tenany tamin'ny nitafiany ny maha-olombelona. Izao no nambarany ao amin'ny Salamo 40:8: *"Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô, no sitrako; ary ny Lalànao no ato anatiko."* Ary ao amin'ny Jaona 6:38: *"Fa tsy nidina avy any an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy."* Ny fitiavana an'Andriamanitra, sy ny zotom-po hanome voninahitra Azy, ary ny fitiavana ny taranak'olombelona lavo, no nitarika an'i Jesôsy hidina tetỳ an-tany mba hijaly sy ho faty. Izany no fahefana namehy ny fiainany. Miangavy antsika Izy mba hanaraka izany fitsipika izany. (*Ilay Fitiavana mandresy,* t. 329, 330)

Ny adidin'ny Kristianina dia ny hitia an'Andriamanitra sy ny olona. Misoratra eo ambonin'ny takelabaton'ny fanahy ny Lalàn'ny fitiavana, ka mitoetra ao aminy ny fanahin'Andriamanitra, ary miseho amin'ny alalan'ny asa tsara ny toetrany. Tonga malahelo Jesôsy mba hampanan-karena antsika. Inona no sorona ataontsika noho ny Aminy? Moa ve misoratra ao am-pontsika ny fitiavany? Moa ve tia ny mpiray monina amintsika tahaka ny nitiavan'i Kristy antsika isika? Izany fitiavana hamonjy fanahy izany, raha toa ka ananantsika, no hanampy antsika hisaintsaina lalina, fandrao hitondra fakam-panahy ho an'ireo olona tsy manan-kery hanohitra izany ny teny na fihetsika na hery miasa miangina amin'ny endriny rehetra avy amintsika. Tsy tokony hanakiana ireo malemy sy mijaly isika, tahaka izay nataon'ny Fariseo, fa hikatsaka hatrany kosa ny hanaisotra ny vato manafintohina ireo rahalahintsika, fandrao hiala an-daharana izy ireny. (*Testimonies for the Church,* vol. 5, t. 359, 360)

Ireo izay manaraka ny ohatra napetrak'i Kristy ny amin'ny fandavan-tena noho ny fahamarinana dia hitondra hery miasa mangina goavana eo amin'izao tontolo izao. Ka handresy lahatra sy hifindra amin'ny hafa ny ohatra entiny. Ho hitan'ny olona taratra eo amin'ireo vahoakan'Andriamanitra ilay finoana miasa amin'ny fitiavana izay manaisotra ny fitiavan-tena ao amin'ny fanahy. Ho hitan'izao tontolo izao taratra eo amin'ny fiainan'ireo mpankatò ny Didin'Andriamanitra ny porofo mivaingana fa, Lalàn'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny olona tokoa ny Lalàn'Andriamanitra. (*Testimonies for the Church,* vol. 7, t. 146)

Ny Lalàn'Andriamanitra mitoetra ao am-pontsika no hitarika antsika ho liana amin'ny zavatra avo sady maharitra mandrakizay. (*Sons and Daughters of God,* t. 50)




## Andro 10 - Ilay Akanjo Mampisaraka

*"Ary izao no anarany izay hanononana Azy, JEHOVAH FAHAMARINANTSIKA."*

*Jer. 23:6*

### Soso-kevitra hitondrana ny fotoam-bavaka

***Fiderana*** *(manodidina ny 10 minitra)*

- Atombohy amin'ny fiderana an'Andriamanitra noho ny fahamarinana atafiny amintsika ny vavaka.
- Miderà an'Andriamanitra fa natolony antsika maimaim-poana ny fahamarinany.
- Miderà an'Andriamanitra noho ny amin'i Jesôsy sy ny fanelanelanana ataony ho antsika ka nahafahantsika manantona ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy mitaky ny akanjom-pahamarinany.

***Fifonana sy fangatahana hery handresena ny fahotana*** *(manodidina ny 5 minitra)*

- Angataho Andriamanitra mba haneho anao ny ota tokony hifonanao ampahibemaso sy ao amin'ny mangingina. Takio Aminy ny hery handresena ny fahotana.
- Mangataha famelan-keloka noho ireo fotoana nitokianao tamin'ny herin'ny tenanao.
- Mangataha famelan-keloka avy amin'Andriamanitra noho ireo fotoana niheverenao tena ho marina.
- Misaora an'Andriamanitra fa mamela anao Izy araka ny 1 Jao. 1:9.

***Fitalahoana sy Fanelanelanana*** *(manodidina ny 35 minitra)*

- Mahafantatra olona mila ny akanjom-pahamarinan'i Kristy ve ianao? Mivavaha ho azy.
- Mangataha amin'i Jehovah mba hanome anao faniriana handresy ny fahotana ka hamolavola toetra tahaka ny toetran'i Kristy.
- Mivavaha mba omen'Andriamanitra anao ny faniriana hanana ny fahamarinan'i Kristy ao amponao.
- Mivavaha mba hampianarin'ny Fanahy masina anao ny fanekena ny fahamarinan'i Kristy.
- Angataho Andriamanitra haneho amin'ny fiainanao andavanandro, sy ny fomba fanaonao, ary ny fomba fitafinao an'i Kristy sy ny akanjom-pahamarinany.
- Mivavaha mba hisian'ny fihentanam-pon'ireo Mpitarika sy mambran'ny fiangonana. Mivavaha mba hisian'ny fahatongavan-tsaina ny amin'ny maha-andro farany izao vaninandro izao sy ny hihavian'i Kristy tsy ho ela.

- Mivavaha mba hisian'ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika avy amin'ny haino aman-jery Advantista indrindra momba ireo fikasana hanao hetsika asa fitoriana mafonja manerana izao tontolo izao.
- Mivavaha mba hitohy ny fizarana ireo boky mahatalanjona toy ny *Ilay Fifanandrinana lehibe, Ilay Fitiavana mandresy, Henoinareo ny fanoharana, Ny Dia ho eo amin'i Kristy,* sy ny maro hafa. Mivavaha mba ho afaka hijinja fanahy avy amin'ny voa nafafy tamin'ny alalan'ireny boky ireny.
- Mivavaha mba hitombo ny fanoloran-tena eo amin'ny lafiny fampianarana Advantista amin'ny ambaratonga rehetra satria zava-dehibe tokoa izany ho an'ny fizotran'ny asan'ny fiangonana.
- Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanandratra tafiky ny vavaka fanelanelanana ho an'ireo vondron'olona miisa 893 manerana ireo firenena 25 eo anivon'ny Diviziona Eorôpa.
- Mangataha amin'Andriamanitra mba hanaitra ireo Mpitsabo sy Mpitsabo mpanampy hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 1,978 manerana ireo firenena 22 eo anivon'ny Diviziona Afrika Andrefana afovoany.
- Mivavaha ho an'ireo mambran'ny Fikambanana laika Advantista izay manolo-tànana ireo Mpitarika ny Federasiona na Misiona eo an-toerana amin'ny fanatanterahana ny drafitra asa fitoriana maharitra eny anivon'ny tanàn-dehibe, ao anatin'izany ny ministeran'ny fahasalamana sy ny Mambra rehetra mandray anjara izay anisan'ny iraka tanterahina an-tanàn-dehibe.
- Mivavaha mba ho tsapan'ireo olona fito (na mihoatra) ao anaty lisitry ny vavaka nataonao ny filàn'izy ireo ny fahamarinan'i Kristy.
- Mivavaha ho an'izay mety ho filànao manokana.

***Fisaorana*** *(manodidina ny 10 minitra)*

- Misaora an'Andriamanitra fa miditra an-tsehatra amin'ny fiainan'ny fianakavianao, sy ny namanao ary ny mpiara-belona aminao Izy.
- Misaora an'Andriamanitra noho ireo olona maro maniry hanahaka Azy bebe kokoa.
- Misaora an'Andriamanitra fa miasa ao am-pon'ireo olona rehetra nentinao am-bavaka Izy.

**Hira handravahana ny fotoana**

"Live Out Thy Life Within Me" (Miaina ny fiainanao ato anatiko – *Hira laharana* 316); "I Shall See the King" (Ho hitako tokoa Ilay Mpanjaka – *Hira laharana* 426); "The Glory Song" (Ilay hira be voninahitra – *Hira laharana* 435); "There Is a Fountain" (He! Misy loharano soa – *Hira laharana* 336); "Redeemed" (Novonjena – *Hira laharana* 337); "Jesus Saves" (Mamonjy Jesôsy – *Hira laharana* 340); "I Will Sing of My Redeemer" (Hihira ho an'ny Mpamonjiko aho – Hira laharana 343).

## Ilay Akanjo Mampisaraka

*"Ary izao no anarany izay hanononana Azy, JEHOVAH FAHAMARINANTSIKA."*

*Jer. 23:6*

*"Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin' ny bokin' ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan' ny Raiko sy eo anatrehan' ny anjeliny".* - Apôk. 3:5

Ireo rehetra izay nitafy ny akanjom-pahamarinan'i Kristy dia hijoro manoloana Azy amin'ny maha-olom-boafidy sy mahatoky azy ireo. Tsy hanana fahefaha handrombaka azy ireo eo an-tànan'i Kristy Satana. Tsy hisy fanahy na dia iray akory aza izay nitaky ny fiarovany tamin'ny fibebahana sy finoana ka avelan'i Kristy handalo eo ambanin'ny fahefan'ilay fahavalo. Nanome fanantenana ny teniny: *"Fa raha tsy izany, dia aoka hifikitra amin' ny heriko kosa izy ka hihavana amiko; Eny, aoka hihavana amiko izy."* Isaia 27:5. Natao ho an'ny rehetra ny teny fikasana nomena an'i Josoa: *"Raha mizotra amin' ny lalako hianao, . . . dia homeko lalana ho amin' ireo mitsangana ireo hianao"* Zakaria 3:7. Handeha sy hitoetra eo akaikin'izy ireo ny Anjelin'ny Jehovah, eny, na mbola eto amin'izao tontolo aza, ary any am-parany dia hitsangana miaraka amin'ireo Anjely rehetra manodidina ny seza fiandrianan'Andriamanitra izy ireo. (*Testimony Treasures,* vol. 2, t. 174)

Ny fitafiana natolotr'i Kristy irery no hany ahafahantsika miseho eo anatrehan'Andriamanitra. Ilay fitafiana, dia ny akanjom-pahamarinany, izay hatafin'i Kristy ireo fanahy rehetra izay mibebaka sy mino … Ilay fitafiana, izay notenomina tamin'ny fanenoman-damban'ny lanitra, dia tsy ahitana na dia kofehy iray aza notefen'ny tànan'olombelona. Naneho toetra tonga lafatra Kristy raha nitafy ny maha-olombelona, ary iriny koa ny hananantsika izany toetra izany. "Ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny fahamarinanay rehetra." Voaloton'ny ota avokoa ny zavatra rehetra ataontsika. Kanefa Ilay Zanak'Andriamanitra dia "tonga mba hanafaka antsika amin'ny ota, satria tsy nahalala ota Izy." *(Lift Him Up,* p. 163)

Rehefa mitafy ny fahamarinan'i Kristy isika, dia tsy hahatsapa fahasambarana amin'ny fahotana intsony; satria Kristy tenany mihitsy no hiady miaraka amintsika. Mety hanota ihany angamba isika, kanefa azo antoka fa hankahala ota isika satria izany no nahatonga ny zanak'Andriamanitra niaritra fijaliana. (*Messages to Young People,* t. 338)

Ho avy ny Tompontsika. Noho izany, ny tsirairay avy amintsika dia mila solika fitaiza ho an'ny fanalantsika.. . . Vahiny sy Mpivahiny avokoa isika eto amin'ity tany ity. Natao hiandry, hiambina, hivavaka ary hiasa. Novidin'ny ràn'ny Zanak'Andriamanitra avokoa ny saintsika, ny fanahintsika, ny fontsika ary ny herintsika manontolo. Tsy tokony heverintsika ho adidy tsy maintsy tanterahina ny hitafy ny akanjon'ny Mpivahiny manana izany loko sy bika izany, kanefa milamina sy maotona, araka izay nambaran'ny tenin'ny faminaniana fa tokony hotafintsika. Hanana faniriana mafy hitafy ny fahamarinan'i Kristy isika raha toa ka miray amin'ny fony ny fontsika. Tsy hisy na inona na inona hahasarika na hitarika ny olona toy izany ho amin'ny adihevitra. (*Testimonies to Ministers,* t. 130, 131)

Rehefa mitalaho sy mangataka fahadiovam-po ireo zanak'Andriamanitra, dia indro ny baiko, "Esory aminy ny fitafiana maloto", ka teny mampahery no ambaran'Andriamanitra aminy: "Indro, efa nesoriko ny helokao, ary hampiakanjoiko akanjo fihaingoana hianao." Ilay akanjom-pahamarinan'i Kristy tsy misy pentina no atafy ireo zanak'Andriamanitra voazaha toetra, sy nalaim-panahy kanefa mahatoky. Hotafina akanjo be voninahitra ireo vahoaka sisa natao tsinontsinona, mba tsy ho voaloton'ny kolikolin'izao tontolo izao mandrakizay. Hazonina ao anatin'ny bokin'ny fiainan'Ilay Zanak'ondry ny anaran'izy ireo, ka hosoratana ho isan'ireo nahatoky nandritra ny taonjato maro nifandimby. Notoheriny ny fanangolen'ilay mpamitaka; ary tsy

nivadika tamin'ny fahatokiany izy manoloana ny fieron'ny dragona. Ankehitriny kosa dia voaro amin'ny mpaka fanahy mandrakizay, satria nafindra tany amin'ilay niandohan'ny ota ny fahotany. (*Counsels for the Church,* t. 353)

Tsy hahatsapa fahafaham-po ny zanak'Andriamanitra raha tsy mitafy ny fahamarinan'i Kristy, sy hazonin'ny fahefany mitondra fiainana. Rehefa mahita fahalemena amin'ny toetrany izy; dia tsy hijanona fotsiny amin'ny fangatahana famelan-keloka izay efa fanao hatrizay, fa hikatsaka amim-paharetana kosa sy amin-kery ny fandresena ny kileman-toetrany amin'ny famolavolana toetra mifanohitra amin'izany. Tsy hanalavitra izany andraikitra izany izy na mafy aza izany. Loharanon-kery tsy mety ritra no tokony ananan'ny Kristianina tsirairay; tsy amin'ny herin'ny tenany anefa no hiasàny; fa Ilay hery avy any an-danitra izay arotsaka aminy raha mangataka izany izy. Ireo rehetra izay miezaka fatratra handresy ny izaho, no iantefan'ny teny fikasana manao hoe, "Ampy ho anao ny fahasoavako." 2 Kôr. 12:9. (*Gospel Workers*, t. 420)

Miatrika ady ao am-po handresena ny fahotana ny olombelona tsirairay. Asa sady mampijaly no mahakivy izany; satria, rehefa mijery ny kileman-toetratsika isika, dia tsy misy afa-tsy izy ireny no hitantsika, raha toa ka Jesôsy no tokony hobanjinina ary ny fahamarinany no atafy. Ireo rehetra miditra ny vavahadin'ny tanànan'Andriamanitra, dia hitafy ny fandresena, dia ilay fandresena ny izaho. (*Testimonies for the Church,* vol. 9, p. 182)

Tsy handefitra amin'ny fahotana velively ireo olona misafidy ny hanara-dia an'i Kristy amim-pahatokiana. Hoesorina ny fitafiana maloto, ka ny akanjom-pahamarinan'i Kristy no hatafy antsika. Ho mora amintsika ny hankatò ny didin'Andriamanitra rehefa miaiky heloka sy mino isika, ary tsy hanan-tsiny eo imasony. Ireo rehetra manao ny sitrapon'Andriamanitra dia mampahory ny fanahiny, miaiky ny fahotany, ary mitalaho fatratra ny famelan-keloka avy amin'i Jesôsy, Ilay Mpisolo vava. Mifantoka eo aminy ny fijerin'izy ireo, ary ny fanantenany sy ny finoany mitoetra eo aminy, ka vantany vao mivoaka ny baiko manao hoe, "Esory aminy ny fitafiana maloto, ary aoka hampiakanjoana akanjo fihaingoana izy, aoka hasiana hamama madio eo an-dohany", dia ho vonona hanome ny vonihanitra rehetra ho Azy noho ny famonjena natolony azy ireo. (*Testimony Treasures,* vol. 2, t. 175)




## Andro 11 - Mpijoro ho Vavolombelona sy Mpanompo

*"Hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, sady mpanompoko izay efa nofidiko, mba hahafantaranareo sy hinoanareo ahy ka ho azonareo tsara fa Izaho no Izy; talohako dia tsy nisy Andriamanitra voaforona, sady tsy hisy handimby Ahy."*

*Isaia 43:10*

**Soso-kevitra amin'ny fandaharam-potoana ho an'ny Sabata farany**

Tokony ho fotoam-pihobiana lehibe ity Sabata farany ity, manoloana ny zava-drehetra vitan'Andriamanitra ho anao sy ny fiangonanao tao anatin'ny Folo Andro Fiaraha-Mivavaka. Atokàny ny andronao, ho fankalazana ny hatsaran'Andriamanitra sy ny heriny lehibe. Saintsaino ny fomba niainanao ny firotsahan'ny Fanahy Masina tao anatin'izay folo andro lasa izay. Tombotsoa ahafahanao mihoby ity Sabata ity, noho izay vitan'Andriamanitra, sy izay ataony ankehitriny, ary ny ataony amin'ny ho avy.

Tokana ihany ny zavatra ilain'ny fiangonana tsirairay avy, noho izany dia miaraha-miasa amin'ny loholona eo an-toerana amin'ny fanaovana drafitra ho an'ny fiangonanareo. Ireto misy soso-kevitra mahakasika ny fandaharam-potoana azonareo ampidirina ao anatin'ny fanompoam-pivavahana Sabata:

- **Fampianarana ara-Baiboly mahakasika ny Isaia 43:10:** Azo atao toriteny na lahateny fampianarana izy ity, na ampiasaina ho fototra handrafetana ny tantara mahakasika ny fomba niasan'Andriamanitra tao anatin'ny Folo Andro Fiaraha-Mivavaka..
- **Fijoroana ho vavolombelona:** Asio fotoana ampy hijoroana ho vavolombelona mahakasika ny vavaka nivaly. Tokony hanana tantara maro azon'izy ireo zaraina amin'ny fiangonana ireo izay nandray anjara tamin'ny Folo Andro Fiaraha-Mivavaka, kanefa entano ihany izy ireo mba hamintina ny tiany ambara; amin'izay dia afaka mandray anjara avokoa ny isambatan'olona. Mety manana tantara hozaraina koa mantsy ny hafa. Azo omanina mialoha koa ny fijoroana ho vavolombelona sasany, ho fanampin'ny fotoana natokana hifampizarana fanandramana.
- **Fotoam-bavaka:** Asao ny fiangonana iray manontolo mba hiaraka hanandratra vavaka. Azonareo tarihina amin'ny alalan'ny vavaka ifandimbiasana tahaka ny nataonareo nandritra ny herinandro ihany izany. Afaka miara-mivavaka mahakasika ny andalana iray ianareo. Azo atao miaraka amin'ny olona ao anatin'ny tarika madinika izany na miaraka amin'ny rehetra. Safidy iray azo tanterahana koa fizarana ny vavaka ho karazany samihafa ao anatin'ny fotoam-pivavahana—mivavaka mahakasika ny Soratra Masina, na ao anaty tarika madinika, na isambatan'olona, na miaraka amin'ny fiangonana iray manontolo, na mangina, sns.
- **Mihira:** Andro fihobiana noho ny zava-drehetra vitan'Andriamanitra ny anio, ary ny mozika dia tena fomba lehibe entina mankalaza tokoa. Raha toa ka misy hira lasa hira fanevan'ny tarika misy anareo, dia aoka mba hiarahana mihira amin'ny fiangonana iray manontolo izany hira izany.
- **Drafitra ho an'ny ho avy:** Raha toa Andriamanitra ka nitari-dalana anao ho amin'ny asa fitaomana ny hafa avy any ivelany na asa fanompoana tao anatin'ny Folo Andro Fiaraha-

Mivavaka, dia ampahafantaro ny mpianakavin'ny finoana ny drafitrao ary asaivo mandray anjara amin'izany izy ireo.

- **Ankizy/Tanora:** Azo antoka fa tantara natokana ho an'ny ankizy, mahakasika ny vavaka, no tena mety. Asaivo mijoro ho vavolombelona koa sy/na mitarika fotoam-bavaka, ny ankizy na tanora nandray anjara tsy tapaka tao anatin'ny fivoriam-bavaka.
- **Fahaizana milefitra:** Ataovy azo antoka hoe mahay milefitra ianao amin'ny drafitra apetrakao, amin'izay afaka manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao mandritra ny fanompoam-pivavahana iray manontolo.




## Teny Fikasana Takina Amim-Bavaka

### Fampanantenana ny Fanahy Masina

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah hianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah, Izay manao ny helatra; ranonorana mivatravatra no omeny azy, eny, samy omeny ny zava-maitso eny an-tsaha ireny."* Zakaria 10:1

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy!"* Lioka 11:13

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo… Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana."* Jaona 14:26;16:8

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany."* Jaona 14:12-14

*"Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro."* Zakaria 4:6

### Teny Fikasana Maneho fa Mamaly Vavaka Andriamanitra

*"Raha miray Amiko hianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany."* Jao. 15:7

*"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'ny andro mahory."* Heb. 4:16

*"Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany."* Mar. 11:24

*"Antsoy Aho amin'ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao."* Sal. 50:15

*"Ary lazaiko aminareo marina koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko izay any an-danitra izany."* Mat. 18:19

*"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo."* Mat. 21:22

*"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka."* Jao. 14:13,14

*"Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona no hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako*

*izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako hianareo; mangataha, dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo."* Jao. 16:23,24

*"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy."* 1 Jao. 5:14,15

## Teny Fikasana Momba ny Herin'Andriamanitra

*"Fa moa misy zava-mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va?"* Gen. 18:14

*"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina."* Eks. 14:14

*"Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra, fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra."* Mar. 10:27

*"Mahatoky izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany."* 1 Tes. 5:24

*"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao."* Jôba. 42:2

*"Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra, fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra."* Mar. 10:27

*"Inona ary no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaim-poana koa va ny zavatra rehetra?"* Rôm. 8:31,32

*"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?"* Nom. 23:19

*"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, izay namorona ny faran'ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy; fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; handeha izy, nefa tsy ho reraka."* Isa. 40:28-31

## Teny Fikasana Momba ny Fitarihan'Andriamanitra

*"Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao."* Jos. 1:9

*"Ary indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay lalan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao."* Gen. 28:15

*"Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dalana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko."* Eks. 23:20

*"Kanefa any hianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."* Deo. 4:29

*"Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao."* Jer. 33:3

*"Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dalana ho tonga lemaka; dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny."* Isa. 40:4,5

*"Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho."* Sal. 32:8

*"Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao.*" Deo. 31:8

"*Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah? Izy no hampianariny izay lalana tokony hofidiny.*" Sal. 25:12

*"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao."* Ohab. 3:5,6

*"Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana; ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao sy ho tahaka ny loharano miboiboika izay tsy mety ritra."* Isa. 58:10,11

"*Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho.*" Isa. 65:24

## Teny Fikasana ho an'ny Fiovam-Po

*"Ary omeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy."* Jer. 24:7

*"Dia hoforan'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona ianao."* Deo. 30:6

*"Ary omeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no ataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka omeko fo nofo hianareo."* Ezek. 36:26

*"Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy."* Fil. 1:6

"*Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha; indreo; efa tonga vaovao ireo.*" 2 Kôr. 5:17

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamony ahy."* Gal 2:20

*"Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany."* 1 Tes. 5:23,24

## Fampanantenana Famelan-keloka

*"Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."* 2 Tan. 7:14

*"Fa Ianao Tompo ô, no tsara sady mamela heloka ary be famindram-po amin'izay rehetra miantso Anao."* Sal. 86:5

*"Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona ananananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo."* Mar. 11:25

*"Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy."* Efes. 4:32

*"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra."* 1 Jao. 1:9

*"Avia ary hifandahatra isika hoy Jehovah: na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy."* Isa. 1:18

"*Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao.*" Isa. 43:25

*"Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany."* Jer. 31:34

*"Izy no ananantsika fanavotana amin'ny ràny, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany.*" Efes. 1:7

## Fampanantenana Fandresena ny Fahotana

*"Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay entimaharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika."* 1 Jao. 5:4

*"Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika."* Rôm. 8:37

*"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay nanome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.*" 1 Kôr. 15:57

*"Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny mitantana anao amin'ny tanana ankavanan'ny fahamarinako Aho."* Isa. 41:10

*"Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy."* Efes. 6:16

*"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny Tenany hamonjy ahy."* Gal. 2:20

*"Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony."* Fil. 2:13

*"Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."* Gal. 5:16

*"Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena."* Rôm. 16:20

*"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."* Rôm. 12:2

*"Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray."* 1 Jao. 2:15

## Fampanantenana Fanasitranana

*"Ka hoy Izy: Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao."* Eks. 15:26

*"Ary hifamatra amin'ny andronao ny fiadananao."* Deo. 33:25

*"Misaora an'i Jehovah ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindram-po sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao, ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery."* Sal. 103:2-5

*"Aza manao anao ho hendry; matahora an'i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. Dia ho famelombelomana ny nofonao izany sy ho fanamandoana ny taolanao."* Ohab. 3:7,8

*"Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra fahoriana, ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika."* Isa. 53:3-5

"*Andriamanitra ô, sitrano aho, dia ho sitrana; Vonjeo aho, dia ho voavonjy; fa Ianao no fiderako*." Jer. 17:14

"*Fa hotanterahiko ny fanasitranana anao, eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah*." Jer. 30:17

*"Dia indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny harenin'ny fiadanana sy ny fahamarinana."* Jer. 33:6

*"Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny Masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tanany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy."* Mal. 3:20

*"Misy marary va ao aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana, ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony."* Jak. 5:14, 15

## Fampanantenana Fandraisana Hery Hanaovana ny Sitrapon'Andriamanitra

*"Miandrasa an'i Jehovah hianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an'i Jehovah."* Sal. 27:14

*"Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan'andro kosa ny toetray anatiny. Ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay."* 2 Kôr. 4:16-18

"*Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika*." Gal. 6:9

"*Mahay ny zavatra rehetra aho, ao amin'ilay mampahery ahy*." Fil. 4:13

*"Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana, na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony."* Fil. 2:13

*"Nefa hoy Izy tamiko; Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko."* 2 Kôr. 12:9

**Fampanantenana Momba ny Fijoroana ho Vavolombelon'Andriamanitra**

*"Aza matahotra na mangovitra hianareo; tsy efa nampandre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany."* Isa. 44:8

*"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao."* Isa. 60:1

*"Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana."* 2 Kôr. 5:18

*"Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako no hambaranao."* Jer. 1:7

*"Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."* Asa 1:8

*"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjakà-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga."* 1 Pet. 2:9

*"Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana."* 1 Pet. 3:15

## Naoty